REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA TAONA 2017

# FANOROAM-PEJY


LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY ____ 3
LISITRY NY FAFANA ____ 5
LISITRY NY KISARY ____ 8
LISITRY NY TOVANA ____ 9
FAMELABELARANA NY ANTONANTONY ____ 10
I. FANADIHADIANA NY ENDRIKA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA ____ 12
II. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA ____ 22

A. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA TETO AMIN'NY FIRENENA ____ 22
1. Ireo zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2017 (Tetibola Ankapobe) ____ 22
2. Fivoarana isan-taona ho an'ny fahombiazan'ny firenena ____ 23
3. Fivoarana an-telo taona tamin'ny fahombiazan'ny firenena (2015 hatramin'ny 2018) ____ 24

B. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA ISAN-TSEHATRA ____ 25
1. Sehatra fitantanan-draharaha ____ 25
2. Sehatra sosialy ____ 46
3. Sehatra famokarana ____ 57
4. Sehatra fotodrafitrasa ____ 63

III. FANADIHADIANA NY ENDRIKY NY TETIBOLA ____ 71

A. VINAVINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA ____ 71

B. FANADIHADIANA NY FIVOARAN'NY SORA-BOLA ____ 73
1. Fiovan'ny sora-bola ____ 73
2. Didim-panjakana fanokafana sora-bola: fanokafana sora-bola fanampiny ____ 79

C. FANADIHADIANA IREO FIZARAN-TETIBOLA ____ 80
1. FIZARANA I - TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA (TAF) ____ 80
2. FIZARANA II – TETIBOLA ANANKINA ____ 96
3. FIZARANA III – KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA (CPT) ____ 101
4. FIZARANA IV – TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY (FCV) ____ 103
5. FIZARANA V – FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA (OCDP) ____ 105

VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2017 ____ 109

## LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY

**A:** Atteint
**ACCPDC**: Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires
**AGOA:** African Growth and Opportunity Act
**Aut. :** Autres
**AVC :** Accident Vasculaire Cérébral
**BA :** Budgets Annexes
**BAD :** Banque Africaine du Développement
**BADEA :** Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique
**BCM :** Banque Centrale de Madagascar
**BCSE :** Bordereaux de Crédits Sans Emploi
**BGE :** Budget Général de l'Etat
**BIANCO :** Bureau Indépendant Anti-Corruption
**BTA :** Bon du Trésor par Adjudication
**BTP :** Bâtiment et Travaux Publics
**BTS** : Bons de Tirages Spéciaux
**CEE :** Communauté Economique Européenne
**CGAF :** Compte Général de l'Administration des Finances
**CHD :** Centre Hospitalier de District
**CRCM :** Caisse de Retraite Civile et Militaire
**CPT :** Comptes Particuliers du Trésor
**CSA :** Centre de Service Agricole
**CSB :** Centre de Santé de Base
**CTD :** Collectivités Territoriales Décentralisées
**DTI** : Droits et Taxes à l'Importation
**DTS :** Droits de Tirages Spéciaux
**FAD :** Fonds Africain de Développement
**FCV :** Fonds de Contre-Valeur
**FIDA :** Fonds International de Développement Agricole
**FJPA :** Frais de Justice Criminelle et Assimilés
**FMI :** Fonds Monétaire International
**FPP :** Fiche de Performance Pluriannuelle
**FSP :** Fonds de Solidarité Prioritaire
**GRC :** Gestion des Risques et des Catastrophes
**IDA :** International Development Association
**IEC :** Information-Education et Communication
**IN :** Imprimerie Nationale
**INSTAT :** Institut National de la Statistique
**IPC:** Indice de Prix à la Consommation
**JIRAMA:** Jiro sy Rano Malagasy
**LFI :** Loi de Finances Initiale
**LFR :** Loi de Finances Rectificative
**LOLF :** Loi Organique sur les Lois de Finances
**MID :** Marché Interbancaire de Devises

**NA :** Non Atteint
**ND :** Non Disponible
**NTIC :** Nouvelle Technologie de l'Information et de la Communication
**OCDP** : Opérations en Capital de la Dette Publique
**OGT :** Opérations Globales du Trésor
**ONG :** Organisation Non Gouvernementale
**OPEP** : Organisation des Pays Exportateurs de Pétrole
**PGA :** Paierie Générale d'Antananarivo
**PGE :** Politique Générale de l'Etat
**PIB :** Produit Intérieur Brut
**PIP :** Programme d'Investissement Public
**PLOFs :** Plans Locaux d'Occupation Foncière
**PME/PMI:** Petites et Moyennes Entreprises/ Petites et Moyennes Industries
**PND :** Plan National de Développement
**PNUD :** Programme des Nations-Unies pour le Développement
**PPN :** Produits de Première Nécessité
**PPP :** Partenariat Public Privé
**RAP :** Rapport Annuel de Performance
**RdP :** Responsable de Programmes
**REF :** Rapport Economique et Financier
**RPI** : Ressources Propres Internes
**RRI :** Rapid Result Initiative
**SGAB :** Service de la Gestion des Aides Bilatérales
**SLR :** Service de la Loi de Règlement
**SST :** Sécurité Sociale des Travailleurs
**TG :** Trésorerie Générale
**TIC :** Technologie de l'Information et de la Communication
**TMA** : Trésorerie Ministérielle de l'Agriculture
**TMEN** : Trésorerie Ministérielle de l'Education Nationale
**TMS** : Trésorerie Ministérielle de la Santé
**TP :** Trésorerie Principale
**TPI :** Tribunal de Première Instance
**TVA** : Taxe sur la Valeur Ajoutée
**VIH/SIDA :** Virus de l'Immunodéficience Humaine/ **S**yndrome d'Immunodéficience Acquise
**ZFI :** Zone Franche Industrielle

## LISITRY NY FAFANA


Fafana 1 : Taham-pitomboana isaky ny rantsan'asa (fiova isan-taona amin'ny %)............................ 13
Fafana 2: Fiovaovan'ny vidin'ny fanjifana (amin'ny %) isaky ny seha-pamokarana sy isaky ny karazan'entana ..................................................................................................................... 15
Fafana 3: Famintinana ny mari-drefy amin'ny sandan'ny fanjifana sy ny vola nokirakiraina............ 16
Fafana 4: Famintinana ireo taham-pifanakalozana tamin'ny fiafaran'ny taona .................................. 16
Fafana 5: Endriky ny Toe-danjam-pifanakalozana tamin'ny 2016 sy 2017 (amin'ny tapitrisa DTS) . 18
Fafana 6: Fivoaran'ny fampidiram-bolan'ny Fanjakana tamin'ny 2017............................................ 19
Fafana 7 : Fivoarana sy fanatanterahana ny fandaniam-bolan'ny Fanjakana tamin'ny 2017 ............. 21
Fafana 8: Famintinana ny endriky ny fahombiazana sy ny endriky ny tetibola 2017 ......................... 23
Fafana 9: Fivoaran'ny endriky ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana sy ny endriky ny fahombiazana tamin'ny 2017.................................................................................................................................. 23
Fafana 10: Ny fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tao anatin'ny sehatra fitantanan-draharaha.......................................................................................... 25
Fafana 11: Fivoaran'ny fahombiazana teo amin'ny sehatra fitantananan-draharaha nandritra ny taona 2017 ................................................................................................................................................. 26
Fafana 12: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Fiadidiana ny Repoblika....... 28
Fafana 13: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Antenimieran-Doholona ........ 29
Fafana 14: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Antenimieram-Pirenena......... 29
Fafana 15: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalam-panorenana ............................................................................................................................ 30
Fafana 16: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Fiadidiana ny Praiministra..... 30
Fafana 17: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Filan-Kevitry ny Fampihavanana Malagasy ............................................................................................................ 31
Fafana 18: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleo-tena Misahana ny Fifidianana........................................................................................................... 32
Fafana 19: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny Misahana ny Fiaraha-miasa sy ny Fampandrosoana ..... 33
Fafana 20: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny ............................................................................................................................................... 33
Fafana 21: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena ........................................................................................................................................... 34
Fafana 22: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena Miadidy ny Zandarmaria ............................................. 35
Fafana 23: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ......................................................................................................................... 36
Fafana 24: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka............................................................................................................................................. 37
Fafana 25: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fitsarana......... 38
Fafana 26: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ..................................................................................................................................... 39
Fafana 27: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana ................................................................................................................................... 41

Fafana 28: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha, ny Asa ary ny Lalana Sosialy .......... 42
Fafana 29: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana .......... 44
Fafana 30: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana .......... 45
Fafana 31 : Zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ireo Ministera tao amin'ny sehatra sosialy .......... 47
Fafana 32 : Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra sosialy... 48
Fafana 33: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka .......... 48
Fafana 34: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena .......... 50
Fafana 35: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy .......... 51
Fafana 36: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena .......... 52
Fafana 37 : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fampananan'asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fampiofanana arak'asa .......... 54
Fafana 38: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika .......... 55
Fafana 39 : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Kolontsaina, ny Fampiroboroboana ny Asa Tanana ary ny Fiarovana ny Vakoka .......... 56
Fafana 40 : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana .......... 57
Fafana 41: Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra famokarana .......... 58
Fafana 42 : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy Miankina .......... 59
Fafana 43: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fizahan-tany... 59
Fafana 44: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministera eo Anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika Misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana .......... 60
Fafana 45: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Harena Anaty Rano sy ny Jono .......... 61
Fafana 46: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana , ny Hai-voary ary ny Ala .......... 62
Fafana 47: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Sekreteram-Panjakana eo Anivon'ny Ministeran'ny Harena Anaty Rano sy ny Jono Misahana ny Ranomasina .......... 62
Fafana 48: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministera eo Anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika Misahana ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Solika .......... 63
Fafana 49 : Zava-bita sy fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa .......... 64
Fafana 50: Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa .......... 65
Fafana 51: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Rano sy ny Angovo ary ny Akoranafo .......... 65
Fafana 52: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Asa Vaventy... 67

Fafana 53: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeram-panjakana Misahana ny Tetik'asan'ny Filoham-pirenena, ny Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana ........................... 67
Fafana 54: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro ........................................................................................................ 69
Fafana 55 : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny Ministeran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ny Haitao Ara-kajy Mirindra ...................................... 70
Fafana 56 : Vokatra ankapobeny tamin'ny fanatanterahana ny tetibola 2017 .................................... 72
Fafana 57: Endriky ny fiovan'ny sora-bola tamin'ny 2015 hatramin'ny 2017 ................................... 73
Fafana 58: Endrik'ireo fidiram-bola isaky ny filazana...................................................................... 80
Fafana 59: Endriky ny fidiram-bola isaky ny karazana..................................................................... 81
Fafana 60: Sora-bola sy fandaniam-bola isaky ny iraka.................................................................... 82
Fafana 61 : Sora-bola sy fandaniam-bolan'ny TAF isaky ny fandaharan'asa.................................... 84
Fafana 62: Sora-bola sy fandaniam-bola n'ny TAF isaky ny sokajim-pandaniana............................. 90
Fafana 63: Fandaniam-bola tsy karama izaky ny karazana ................................................................ 91
Fafana 64 : Fandaniam-bola tamin'ny hana-pamokarana isaky ny karazana famatsiam-bola ............ 92
Fafana 65: Fampiasana ny Hana-pamokarana..................................................................................... 93
Fafana 66: PIP isaky ny toerana ........................................................................................................ 94
Fafana 67: Famintinana ireo fihoarana tamin'ny sora-bola................................................................ 96
Fafana 68: Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena, Taom-piasana 2017 ....................................... 96
Fafana 69: Fandaniam-bolan'ny Tranoprintim-pirenena, Taom-piasana 2017.................................. 98
Fafana 70: Fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, taom-piasana 2017 ........................... 99
Fafana 71: Fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, Taom-piasana 2017................... 100
Fafana 72: Vokatra tamin'ireo tetibola anankina, Taom-piasana 2017............................................. 101
Fafana 73: Vola miditra sy fandaniam-bolan'ireo Kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana . 102
Fafana 74: Endriky ny fampiasana ireo FCV 2017 .......................................................................... 103
Fafana 75: Firafitr'ireo DHPJ (Dons Hors Projets Japonais) tamin'ny 2017.................................... 103
Fafana 76: Fivoaran'ireo FCV tao anatin'ny dimy taona farany....................................................... 104
Fafana 77: Fidiram-bolan'ireo OCDP .............................................................................................. 105
Fafana 78: Famerenana ny trosam-panjakana .................................................................................. 106
Fafana 79: Endrik'ireo OCDP .......................................................................................................... 108
Fafana 80: Antontan-trosan'ny Fanjakana tamin'ny fiafaran'ny taona 2017.................................... 108

## LISITRY NY KISARY


Kisary 1: Fivoaran'ny fahombiazan'ny firenena ny 2015 hatramin'ny 2017 ..................................... 24
Kisary 2: Fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2017 (amin'ny %)........................ 25
Kisary 3 : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2017................................................................ 47
Kisary 4 : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2017 (amin'ny %).................................... 57
Kisary 5: Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2017 (amin'ny %) .................................. 64
Kisary 6: Fandaniam-bolan'ny fampandehanan-draharaha tsy karama isaky ny karazana.................. 91
Kisary 7: Ireo singa goavana tamin'ny fandaniam-bolan'ny Fanjakana ............................................. 95
Kisary 8: Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena........................................................................... 97
Kisary 9: Fandaniam-bolan'ny Tranoprintim-pirenena....................................................................... 98
Kisary 10: Fidiram-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ..................................................... 99
Kisary 11: Fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, Taom-piasana 2017.................... 100
Kisary 12 : Fivoaran'ny fampidiram-bola, fandaniam-bola ary hanisisan'ireo FCV........................ 104
Kisary 13: Fampitahàna ny vokatra FCV tamin'ny 2013 sy tamin'ny 2017..................................... 104
Kisary 14: Vola nindramina ............................................................................................................ 106
Kisary 15: Famerenana ny trosam-panjakana isaky ny mpamatsy vola............................................ 107

**LISITRY NY TOVANA**


1. Endriky ny fidiram-bola
2. Tetibola Anankina
3. Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany
4. Famadihana ho Renivola ny trosam-panjakana
5. Fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana
6. Toetoetry ny fandaniam-bola (fampandehanan-draharaha, karama, hana-pamokarana) isaky ny Andrim-panjakana na Ministera
7. Famelabelarana ny sora-bola isaky ny Andrim-panjakana na Ministera
8. Kaonty ankapobeny momba ny fitantanam-bola (CGAF)
9. Tatitry ny Fahombiazana (RAP)
10. Famintinana ireo didy fanovàna ny sora-bola
11. Famintinana ireo fandaniam-bola isaky ny Ministera-Iraka-Fandaharan'asa ary Famatsiam-bola
12. Toe-bolan'ireo EPN (Etablissements Publics Nationaux)

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny taona 2018 no taona fahatelo nampiharana ny Paik'adim-pirenena momba ny Fampandrosoana (PND). Nahitana fihatsarana miandàlana ny harikarem-pirenena. Nisedra olana goavana anefa izany hatramin'ny fiantombohan'ny taona 2017, toy ny tsy fahampian'ny rotsak'orana, ny tsy filaminana isan-karazany ary koa ny rivo-doza. Izany rehetra izany dia namela takaitra teo amin'ny toekarem-pirenena ary koa niteraka fampihenana ny vina amin'ny mety ho fitomboan'ny hari-karena ny 2017.

Ny fampitomboana ny fampiasam-bola sy ny fanavaozana ny rafitra dia mbola laharam-pahamehan'ny asa atrehin'ny governemanta.  Ity farany dia mikatsaka ny hisian'ny fampandrosoana sy hanatsara ny sehatra sosialy sy ny fotodrafitrasa. Araka izany dia nisy ny Fihaonam-ben'ireo Mpamatsy vola sy Mpampiasa vola (CBI) izay nokarakarain'ny Fanjakana Malagasy tao Paris ny volana desambra 2016, nampivondronana ireo mpanome vola, mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ary koa ireo mpampiasa vola vahiny tsy miankina. Ny vokatra tamin'ity CBI ity sy ny fametrahana ny fandaharan'asa FEC niarahana tamin'ny FMI dia nahafahana nandrafitra vina vaovao antonon'ezaka ary koa ny fanamby mifanaraka amin'izany. Ny fanatsarana ireo loharano ifaharan'ny fitomboana ara-toekarena sy ny fampihenana ny fahantrana, araka izany, no vaindohan-draharahan'ny governemanta. Tsy maintsy nataon'ny Fanjakana malagasy indrindra ihany koa ny famahàna ireo olana teo anivon'ny orinasam-panjakana JIRAMA sy Air Madagascar. Araka izany, nahitsy hifanaraka tamin'ireny ny fitsinjarana ny sora-bola ho an'ireo Andrim-panjakana sy Ministera.

Natao ho laharam-pahamehana sy notohanana hatrany ny fikarakarana ara-tsosialy (Fahasalamana, Fanabeazana, Rano sy Fanadiovana, Filaminam-bahoaka sy ny Fiahiana ara-tsosialy). Atrik'asa vitsivitsy ihany koa no natodika ho amin'ny fanarenana ny fahavoazana nateraky ny rivo-doza ENAWO izay namely ny firenena ny volana martsa 2017.

Farany, tsara ny manamarika fa na dia teo aza ny fihombon'ny fivadibadiky ny toetr'andro, sy ny fitomboan'ny asan-jiolahy ary ny tsy filaminana teny ambanivohitra, ny tondromarika toy fihazonana ny fatran'ny fitrosan'ny Fanjakana izay ambany sy ny fifehezana ny fisondrotry ny vidim-

piainana ary ny fahamarinan-toeran'ny vola malagasy kosa dia nahafahana nanohana ny fiharian-karena maharitra vokatr'ireo ezaka fanavaozana niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka sy tamin'ny alalan'ny FEC.

# I. FANADIHADIANA NY ENDRIKA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA

Novinavinaina ho 4,5% ny fitomboan'ny harikarena tamin'ny 2017. Nanamarika ity taona ity ny fandalovan'ny rivo-doza Enawo sy ny tsy fahampian'ny rotsak'orana teny am-piandohan'ny fotoam-pambolena. Araka ny tombana navoakan'ny Banky Iraisam-pirenena dia nahatratra 4,0% tamin'ny harikarena faobe ny fatiantoka naterak'ireo tranga ireo. Nampihisatra ny fandrosoan'ny sehatra fambolena izany ary niantraika tamin'ny tanjona hampiakatra ny fiharian-karena ankapobeny ho 4,3% novinavinaina tao amin'ny LFR 2017. Tetsy andaniny nefa, nahafahana nameno ny fatiantoka ny fahombiazana tao amin'ny seha-pamokarana faharoa, ka nahatonga ny vokatra voatazona ho 4,3% ihany.

***Ny fitomboan'ny toekarena nanoloana ireo voina ara-toetr'andro***

Ho an'ny seha-pamokarana voalohany, taha -0,1% no hita raha naminavina 2,8% tao amin'ny LFI ary 0,8% tao amin'ny LFR. Ity fiharatsiana ity dia vokatry ny fihenana goavana teo amin'ny voka-pambolena, nateraky ny rivo-doza sy ny tsy fahampian'ny rotsak'orana. Nahitana fihemorana -6,6% ity rantsana ity. Mba hampihenana amin'ny fijery lavitr'ezaka ny voka-dratsy naterak'io tranga io dia atrik'asa fanarenana maro no natomboka haingana tamin'ny 2017, izay nahazo ny fanohanan'ireo mpiara-miombon'antoka. Nanatanteraka ny fanitsiana ny tetibola ihany koa ny Governemanta mba hahafahana mametraka ny tetibola mifanaraka amin'ireo hetsika fanarenana ireo. Teo anivon'ny rantsana fiompiana sy jono kosa dia nahitana fivoarana, tamin'ny taham-pitomboana 4,5% izay ambony noho izay novinavinaina tao amin'ny LFI (2,5%) sy tao amin'ny LFR (2,0%).

Fahombiazana nihoatra izay noheverina no hita tao amin'ny seha-pamokarana faharoa nandritra ity vanim-potoana ity, izay nahatratra 9,0% raha novinavinaina ho 5,4% tamin'ny LFI ary 5,7% tamin'ny LFR. Ny orinasa afakaba (25,2% raha 11,2% tamin'ny LFI ary 15,6% tamin'ny LFR), ny fitaovam-panorenana trano (11,4% raha 3,5% tamin'ny LFI ary 5,0% tamin'ny LFR), ny indostria mpanodina (9,8% raha 5,0% tamin'ny LFI ary 2,3% tamin'ny LFR) ary ny indostria mpanao paraky sy sigara (6,3% raha 3,5% tamin'ny LFI sy ny LFR) dia isan'ireo rantsana izay nahitana fivoarana niavaka. Tetsy andaniny, rantsana vitsivitsy no nahitana tsy fahombiazana, toy ny indostria momba ny hazo (-1,5% raha 8,5% tamin'ny LFI sy LFR) sy ny indostria mpanodina voka-pambolena sy voka-piompiana (2,1% raha 7,7% tamin'ny LFI ary 10,5% tamin'ny LFR).

Nihanatanjaka hatrany ireo atrik'asan'ny seha-pamokarana fahatelo izay nanana ny taham-pitomboana ambony lavitra noho izay novinavinaina, ankoatra ny asa momba ny tao-trano sy asa vaventy (3,8% raha 12,8% tamin'ny LFI ary 15,3% tamin'ny LFR) sy ny fitaovam-pitaterana hafa (-5,3% raha 6,2% tamin'ny LFI ary 23,0% tamin'ny LFR). Tao anatin'ny sehatry ny tolotra, nahitana fiakarana 17,7% ihany koa ny rantsana fifandraisan-davitra, raha 3,9% no novinavinaina tao amin'ny LFI 2017 ary 4,5% ny tamin'ny LFR. Nitombo 2,9 isan-jato ihany koa ny tolotra nomen'ireo banky

miohatra amin'ny vinavina 6,5% tao amin'ny LFI sy LFR. Fehiny, ny vokatra tamin'ny seha-pamokarana fahatelo dia 5,7% tamin'ny 2017.

**<u>Fafana 1</u>** : Taham-pitomboana isaky ny rantsan'asa (fiova isan-taona amin'ny %)

| | **2016** réal. | **2017** LFI | **2017** LFR | **2017** réal. |
|---|---|---|---|---|
| **Secteur Primaire** | **1.8** | **2.8** | **0.8** | **-1.0** |
| Agriculture | 1.4 | 3.5 | -0.3 | -6.6 |
| Elevage et pêche | 2.0 | 2.5 | 2.0 | 4.5 |
| **Secteur secondaire** | **1.2** | **5.4** | **5.7** | **9.0** |
| Agro-indus. | 6.4 | 7.7 | 10.5 | 2.1 |
| Indus. Extra. | -10.8 | 5.0 | 2.3 | 9.8 |
| Energie | 6.5 | 6.5 | 6.5 | 6.6 |
| Indus. Boissons | 8.9 | 5.3 | 7.5 | 8.7 |
| Indus. Tabac | 3.5 | 3.5 | 3.5 | 6.3 |
| Indus. Textile | 3.3 | 3.5 | 3.5 | 4.5 |
| I. Bois | 12.0 | 8.5 | 8.5 | -1.5 |
| Mat. Constr. | 5.2 | 3.5 | 5.0 | 11.4 |
| Zone Franche Industrielles (ZFI) | 10.8 | 11.2 | 15.6 | 25.2 |
| **Secteur Tertiaire** | **3.7** | **5.2** | **5.7** | **5.7** |
| B.T.P | 5.9 | 12.8 | 15.3 | 3.8 |
| Transports de marchandises | 6.5 | 5.0 | 4.0 | 7.5 |
| Transports de voyageurs | -10.2 | 3.5 | -6.6 | 15.6 |
| Auxi. Transport | 3.8 | 6.2 | 23.0 | -5.3 |
| Télécommunications | 1.3 | 3.9 | 4.5 | 17.7 |
| Banque | 2.4 | 6.5 | 6.5 | 9.4 |
| Administration | 1.0 | 1.1 | 1.1 | 1.1 |
| Serv. banc. non imputés | 2.4 | 6.5 | 6.5 | 9.4 |
| **PIB aux coûts des facteurs** | **3.9** | **4.5** | **4.2** | **4.1** |
| Impôts indirects | 5.7 | 4.8 | 4.8 | 5.4 |
| **PIB aux prix du marché** | **4.0** | **4.5** | **4.3** | **4.3** |
| **PIB nominal (Mrds Ariary)** | **32 166.1** | **35 707.5** | **35 730.8** | **35 877.3** |

<u>Loharanom-baovao</u> : *MFB/SG/DGB/DSB/SCME*

Ny fisian'ny Fihaonam-ben'ny Mpamatsy vola sy Mpampiasa vola (CBI) tamin'ny desambra 2016 dia nahafahana niantso ireo mpampiasa vola matanjaka sy nanatsara ny fiaraha-midinika tamin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Na dia teo aza izany dia tsy niova ny vokatra azo tamin'ny 2017 noho ny faharetan'ny fotoana ivoahan'ireo famatsiam-bola avy any ivelany sy ny fitomboan'ny tranga mety hanelingelina ireo tetik'asa vao hapetraka eto amin'ny firenena. Araka izany, ny tahan'ny fampiasam-bola ankapobeny dia nijanona ho 15,2% tamin'ny harikarena ny taona 2017, raha 14,8% izany taha izany ny 2016. Isan'ireny tranga mety hitera-doza nolazain'ireo mpampiasa vola ny tsy fandriam-pahalemana sy ny tokony hanavaozana ny lafiny lalàna eto Madagasikara, ary ao anatin'izany ny rijan-teny mifehy ireo tetik'asa PPP. Araka izany, ny didim-panjakana fampiharana ny lalàna momba ny PPP ny 2016 dia norafetina nandritra ny taona 2017.

***Fandraisana anjara mavitrik'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ho fanampiana tamin'ny fahavoazana nateraky ny rivo-dora Enawo***

Noho ny hamaroan'ny fahavoazana ara-pitaovana sy ny fahafatesan'olona vokatry ny rivo-doza Enawo, ny fikambanan'ireo mpiara-miombon'antoka, nahitana ireo ONG teto an-toerana ihany koa, dia nandray anjara mavitrika tamin'ny hetsika fanampiana. Voavory haingana ireo vola nanaovan'ny Governemanta Malagasy antso maika. Nitobaka ihany koa ireo fanampiana ara-pivelomana. Ny fahantrana lalina mahazo ny mponina nefa dia nampihisatra ny fanatanterahana ireo hetsika fanarenana, indrindra tamin'ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa rava. Ny fanampiana tsy misy hatak'andro nataon'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena, tamin'ny alalan'ny famindrana ny sora-bola ho an'ny FEC kosa dia nahafahana nanomboka avy hatrany ny asa fanarenana ireo fotodrafitrasa.

***Fitarazohan'ireo tsindry mampiakatra ny vidim-piainana saingy voafehy noho ireo lamina napetrak'ireo manam-pahefana***

Ny taona 2017 dia niantomboka tamin'ny endrika ara-toekarena tena ratsy. Ny fisian'ireo olana ara-toetr'andro tamin'ny fiantombohan'ny taona (tsy fahampian'ny rotsak'orana nanomboka ny volana novambra 2016 sy ny fandalovan'ny rivo-doza Enawo tamin'ny janoary), ny fiakaran'ny vidim-bary sy ny vidin-tsolika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, ny faharetan'ny fotoanan'ny maintso ahitra teo amin'ny voka-bary niampy ny tsy faharakofan'ny tolotra ny tinady ankapobeny, ary koa ny fitomboan'ny vola nokirakiraina dia nanakorontana ny vidin'entana ankapobeny teto amintsika. Nahatratra 9,0% ny fisondrotry ny vidim-piainana tamin'ny fiafaran'ity vanim-potoana ity raha 7,7% ny vinavina tao amin'ny LFR 2017.

Hatramin'ny volana janoary no efa nanomboka niseho ireo tsindry mampisondrotra ny vidim-piainana, izay nahitana salam-piovana 0,03 isan-jato isam-bolana. Tsapa ihany anefa ny fihenana kely tamin'izany teo anelanelan'ny volana jona sy aogositra noho ireo lamina napetraky ny

Governemanta sy ny BFM. Nisy ny fitomboan'ny taha indroa izay teo amin'ny 8,3% hatramin'ny 9% ary lasa ho 9,5%, nisy ny fampitomboana ny vary nafarana, ny fanampiana nomena ho an'ireo mpitatitra, sns mba hisorohana ny fisondrotry ny vidim-piainana. Ny taha ambony indrindra tamin'izany dia ny taha 9,1% hita ny volana novambra, nateraky ny fiakaran'ny vidim-bary (+23,8%) sy ireo entana ilaina andavanandro (+12,2%). Ny vidin'ny angovo ihany koa dia isan'ny niteraka ny fisondrotry ny vidim –piainana na dia ampahany kely ihany aza. Marihina fa nisy ny fanitsiana ny vidin'ny angovo tamin'ny 2017 noho ny tsy fahamarinan-toeran'ny vidin-tsolika eran'izao tontolo izao. Amin'ny ankapobeny, ny vidin'ny barila dia 51,85 Dolara tamin'ny 2017 raha 40,68 Dolara izany tamin'ny 2016 (loharanom-baovao OPEP).

Ankoatra ny fiantraikan'ny vidin'entana, antony ara-bola ihany koa no nampisondrotra ny vidim-piainana tamin'ity taona voalaza ity. Nitombo haingana loatra ny vola nokirakiraina teto Madagasikara amin'ny ankapobeny miohatra amin'ny vidin'entana sy ny fitomboan'ny harikarena. Nokajiana ho 17,8% izany fiovana izany, izany hoe nihoatra 2,8% tamin'izay novinavinaina tao amin'ny LFR (15,0%). Ny fampidiram-bola manokana avy tamin'ny fanondranana lavanila hatramin'ny fiafaran'ny taona no anton'ity elanelana tamin'ny vinavina ity. Na izany aza, nihena 2,3% raha oharina tamin'ny vanim-potoana tahaka izao tamin'ny taon-dasa ny vola nokirakiraina vokatry ny politikam-piarovana nentin'ny BFM mba hahamarin-toerana ny vidin'entana anatiny sy hifehezana ny fisondrotry ny vidim-piainana.

**<u>Fafana 2</u>**: Fiovaovan'ny vidin'ny fanjifana (amin'ny %) isaky ny seha-pamokarana sy isaky ny karazan'entana

| Vanim-potoana | FITAMBARANY | Vokatra ara-tsakafo | Vokatra eto an-toerana | Vokatra nafarana | PPN | Vary | Angovo |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| jan-17 | 6.9 | 5.4 | 7 | 5.8 | 4.7 | 3 | 4.4 |
| feb-17 | 7.3 | 6.3 | 7.4 | 6.9 | 6.1 | 6.5 | 4.9 |
| marts-17 | 8.2 | 7 | 8.1 | 9 | 7.3 | 9 | 6.6 |
| apr-17 | 8.5 | 7.7 | 8.4 | 9.1 | 8 | 12.2 | 5.7 |
| may-17 | 8.6 | 8 | 8.6 | 7.7 | 8.4 | 13 | 5.3 |
| jona-17 | 8.5 | 7.9 | 8.6 | 8.2 | 8.4 | 12.3 | 5 |
| jolay-17 | 8.2 | 8.2 | 8.4 | 7 | 8.2 | 12.5 | 2.3 |
| aog-17 | 8.2 | 8.6 | 8.6 | 5.9 | 8.4 | 13.3 | 2.5 |
| sept-17 | 8.3 | 8.8 | 8.7 | 5.8 | 8.8 | 13.8 | 3 |
| okt-17 | 8.4 | 9.1 | 8.9 | 5.9 | 9.7 | 16 | 3.8 |
| nov-17 | 9.1 | 10.9 | 9.8 | 5.5 | 12.2 | 23.8 | 3.7 |
| des-17 | 9 | 11.8 | 9.9 | 5.2 | 14.1 | 28.9 | 4.3 |

<u>Loharanom-baovao</u> : *INSTAT*

**Fafana 3**: Famintinana ny mari-drefy amin'ny sandan'ny fanjifana sy ny vola nokirakiraina

| Fitanisana | Fanatanterahana2016 | LFI 2017 | LFR 2017 | Fanatanterahana 2017 |
|---|---|---|---|---|
| **Mari-drefin'ny vidin-javatra eo amin'ny fanjifana** (amin'ny %) | | | | |
| *- antenantenam-potoana* | **6.7** | **6.9** | **7.8** | **8.3** |
| *- Fiafaran'ny taona* | **7.0** | **7.1** | **7.7** | **9.0** |
| **Fiovaovan'ny vola kirakiraina** (M3 amin'ny % n'ny PIB) | **20.1** | **12.7** | **15.0** | **17.8** |

Loharanom-baovao *: MFB/SG/DGB/DSB/SCME araka ny famariparitan'ny FMI*

***Fiakaran'ny sandan'ny Ariary vokatry ny fitomboan'ny vola vahiny***

Ny habetsahan'ny takalo teo amin'ny tsenam-bola iraisam-pirenena sy ny toeran'ny Dolara USD teo amin'ny fifanakalozam-barotra ary ny fanampiana ara-bola no fototra hamaritana ny sandan'ny Ariary manoloana ny vola vahiny roa mpanelanelana. Ho an'ny taona 2017 sy ampitahaina tamin'ny vinavina voasoratra tao amin'ny LFR 2017, niakatra isan'isany 4,45% sy 0,18% ny sandan'ny Ariary raha oharina amin'ny Dolara sy DTS. Araka izany, ny Dolara iray dia lasa 3 230,0 Ariary raha tokony ho 3 384,6 Ariary ary ny DTS dia 4 600,0 Ariary raha tokony ho 4 608,20 Ariary.

Izany no nisy dia vokatry ny fihatsaran'ny vokatra lavanila avy eto Madagasikara teo amin'ny tsena iraisam-pirenena (fiakaram-bidy avo), ny fivoahan'ny fanampiana ara-bola tamin'ny alalan'ny fandaharan'asa FEC, ny fihenan'ny fatiantoky ny mizanam-barotra ary koa ny tsy fitovian'ny fisondrotry ny vidim-piainana teo amin'i Madagasikara sy ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra. Ny tsy fitovian'ny fisondrotry ny vidim-piainana dia nampihen-danja ny vidin'ny vokatra malagasy aondrana, ankoatra ny entana izay tsy misy afa tsy eto Madagasikara ihany.

Nahatratra 1,087 tapitrisa DTS ny tahiry afa-karatsaka tamin'ny 2017, izay mitovy amin'ny sandan'ny fanafaran'entana mandritra ny efa-bolana, raha 896 tapitrisa DTS na 3,4 volana amin'ny fanafaran'entana ny tao amin'ny LFR.

**Fafana 4**: Famintinana ireo taham-pifanakalozana tamin'ny fiafaran'ny taona

| Fitanisana | Fanatanterahana 2016 | LFI 2017 | LFR 2017 | Fanatanterahana 2017 |
|---|---|---|---|---|
| **Taham-pifanakalozana** (fiafaran'ny taona) | | | | |
| - Ariary/USD | **3 348** | **3 349.8** | **3 384.6** | **3 230.0** |
| - Ariary/DTS | **4 501** | **4 670.9** | **4 608.20** | **4 600.0** |

Loharanom-baovao : *MFB/SG/DGB/DSB/SCME araka ny famariparitan'ny FMI*

***Endrika ivelany tsara kokoa noho izay novinavinaina***

Tsara kokoa noho izay novinavinaina tamin'ny LFI sy ny LFR 2017 ny endriky ny fandoavam-bola ivelany tamin'ny 2017. Nahitana ambim-bava 168,7 tapitrisa DTS ny fifandanjana ankapobeny raha fatiantoka 24,4 tapitrisa DTS no noheverina tao anatin'ny LFI 2017 ary 74,4 tapitrisa DTS ny tao amin'ny LFR. Na dia teo aza ny endriky ny toekarena izay tsy nifanaraka tamin'ny famokarana tamin'ny 2016, ity fahombiazana ity kosa dia vokatry ny fitomboan'ny fanondranan'entana saika tamin'ireo vokatra rehetra mihitsy sy ny fahalavorarian'ny fifamindrana mahazatra.

Fatiantoka 316,5 tapitrisa DTS no hita teo amin'ny mizanan'ny entana aman-draharaha, raha 352,1 tapitrisa DTS ny vinavina tao amin'ny LFI ary 580,0 tao amin'ny LFR. Izany fihenan'ny fatiantoka izany dia azo noho ny fitomboan'ny fanondranana ireo vokatra toy ny lavanila, jirofo ary ireo vokatra ambanin'ny tany amin'ny ankapobeny, ary indrindra ny cobalt izay tafakatra 123,9% ny vidiny ny taona 2016 hatramin'ny 2017. Niakatra be ihany koa ny fanondranana volamena tamin'ny 2017satria nanondrana 2,8 taonina raha 535 kg izany ny 2016. Na izany aza, nitombo ihany koa ny fanafaran'entana amin'ny ankapobeny, 20% miohatra amin'ny LFI ary 2,8% miohatra amin'ny LFR. Ny fanafarana vary no nahitana fiakarana betsaka izay 167,1% miohatra tamin'ny taona 2016, izany hoa 591 000 taonina raha 221 000 taonina tamin'ny 2016. Ny fanafarana ny fampitaovana dia nitombo 24,5% ny habetsahany ary 26,6% ny vidiny. Maro ireo sehatry ny fanafaran'entana nahitana fandrosoana goavana, singanina tamin'izany ireo entana fihinana (+28,7%), ny angovo (+20,8%), ny akora fototra (+8,7%) ary tamin'ireo orinasa afakaba (+5,3%).

Mikasika ny fifamindram-bola mahazatra, ny fahazoana ny fanohanana ofisialy, indrindra avy tamin'ny BAD, ny Vondrona Eoropeanina sy ny Banky Iraisam-pirenena ary koa ireo fanampiana ara-bola dia nahatratra 531,6 tapitrisa DTS, izay nanakaiky ny vinavina tao anatin'ny LFR, raha 471,1 tapitrisa DTS ny vinavina tao anatin'ny LFI 2017. Fehiny, ny fatiantoky ny kaonty mahazatra dia nihatsara raha oharina tamin'ny LFI 2017 sy ny LFR ka nanjary ho 40,1 tapitrisa DTS.

Ho an'ny kaonty goavana sy ny famatsiam-bola, ambim-bola 211,1 tapitrisa DTS no nisy tamin'ny 2017 raha 178,7 tapitrisa DTS ny vinavina tao amin'ny LFI 2017 ary 288,7 ny tao amin'ny LFR. Io elanelana tamin'ny vinavina sy ny zava-nisy io dia avy amin'ny tsy fahavorian'ny vola tao amin'ny kaontin'ny fanondranan'entana. Noho ny fisalasalana tamin'ireo mpampiasa vola manoloana ny toe-draharaha politika teto Madagasikara dia lasa ambany noho ny vinavina ny fampiasam-bola mivantana sy fampiasam-bola vahiny, izay 258,0 tapitrisa DTS raha 399,1 tapitrisa DTS tao amin'ny LFI 2017 ary 343,2 tapitrisa DTS tao amin'ny LFR.

**Fafana 5**: Endriky ny Toe-danjam-pifanakalozana tamin'ny 2016 sy 2017 (amin'ny tapitrisa DTS)

| Fitanisana | 2016 | LFI 2017 | LFR 2017 | Fanat. 2017 |
|---|---|---|---|---|
| Kaonty mahazatra | 41.0 | -471.1 | -529.9 | -40.1 |
| Mizanam-barotra | -190.0 | -352.1 | -580.0 | -316.5 |
| Kaonty goavana sy Famatsiam-bola | 169.8 | 178.7 | 288.7 | 211.1 |
| Fifandanjana ankapobeny | 210.8 | -24.4 | -74.4 | 168.7 |

Loharanom-baovao : *MFB/SG/DGB/DSB/SCME*

***Fiakarana kely tamin'ny fampidiran-ketra***

Ny Fitantanana ny hetra dia nanohy ireo hetsika efa nisy mba hampitomboana ny fampidiran-ketra. Araka izany, ny fandrafetana ny Volavolan-dalàna mifehy ny Tetibola 2017 dia nametraka ny maha zava-dehibe ny fametrahana ireo lamina izay mikendry ny fangaraharana, ny ady amin'ny kolikoly ary ny hamerenana ny fifampatokisana eo amin'ny Fitantanana ny hetra sy ny mpandoa hetra. Tafiditra tao anatin'izany ihany koa ireo fepetra ara-ketra natao hiarovana ny tontolo iainana sy ny fanatsorana ny fandoavan-ketra.

Raha fintinina, nahitana fihoarana 0,9% ny fampidiran-ketra (taham-panatanterahana 100,9%) raha oharina tamin'ny LFR, ka nahazoana 4 117,9 lavitrisa Ariary. Vokatr'izany dia nahitana tombony kely 0,1% ny tahan'ny tsindri-ketra ary tonga 11,5% tamin'ny harikarena faobe ny 2017. Nandritra ity vanim-potoana ity, ny vola niditra tamin'ny hetra sy tamin'ny fadin-tseranana dia tafakatra isan'isany 6,4% sy 5,7% tamin'ny harikarena faobe. Araka izany, ny taham-panatanterahana azy ireo dia 108,4% sy 103,5% isan'isany, ka 2 281,3 lavitrisa Ariary ny fampidiram-bola anatiny ary 2 047,1 lavitrisa Ariary ny fampidiram-bolan'ny fadin-tseranana.

Momba ny fidiram-bola tsy hetra, ny vinavina izay 0,2% amin'ny harikarena faobe dia lasa 0,3% izay nitentina 122,1 lavitrisa Ariary. Ity fahombiazana ity dia vokatry ny fahalavorarian'ny famoriana ireo vola miditra avy amin'ny harena anaty rano sy an-kibon'ny tany ary ireo vokatra handraisan'ny fanjakana anjara.

Na dia teo aza anefa ny fihatsaran'ny fampidiram-bola, nihena 16,6% kosa ny fanomezana raha oharina tamin'ny vinavina tao amin'ny LFR. Araka izany, 83,4% tamin'ireo fanomezana novinavinainaina ihany no nisy, izany hoe 2,9% miohatra amin'ny harikarena faobe.

Amin'ny ankapobeny, ny vola miditra rehetra afa-karatsaka dia nanome ny taham-panatanterahana 97,7% sy nanana anjara 14,7% miohatra amin'ny harikarena faobe, ary latsaka 0,3% tamin'ny vinavina tao anatin'ny LFR.

**Fafana 6**: Fivoaran'ny fampidiram-bolan'ny Fanjakana tamin'ny 2017

| | 2017 | | Fiova | Taham-panatanterahana 2017 | Amin'ny % PIB 2017 | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| *Amin'ny Lavitrisa Ariary* | **LFR** | **fanat** | **fanat /LFR** | **%** | **fanat** | **LFR** |
| **Vola niditra rehetra** | 5549.4 | 5487.5 | -1.1% | 98.9 | 15.3% | 15.5% |
| Vola niditra afa-karatsaka (1) + (2) | 5400.4 | 5277.0 | -2.3% | 97.7 | 14.7% | 15.1% |
| Vola niditra afa-karatsaka (1) | 4081 | 4117.9 | 0.9% | 100.9 | 11.5% | 11.4% |
| Hetra niditra (rehetra) | 4230 | 4328.4 | 2.3% | 102.3 | 12.1% | 11.8% |
| Hetra niditra (afa-karatsaka) : | **4081** | **4117.9** | **0.9%** | 100.9 | 11.5% | 11.4% |
| Hetra | 2104 | 2281.3 | 8.4% | 108.4 | 6.4% | 5.9% |
| Fadin-tseranana | 1977 | 2047.1 | 3.5% | 103.5 | 5.7% | 5.5% |
| Fanefàna TVA | 149 | 210.5 | 41.3% | 141.3 | 0.6% | 0.4% |
| Vola niditra hafa (2) | 1319.4 | 1159.0 | -12.2% | 87.8 | 3.2% | 3.7% |
| Vola niditra tsy hetra | 76.5 | 122.1 | 59.7% | 159.7 | 0.3% | 0.2% |
| Fanomezana | 1242.9 | 1036.9 | -16.6% | 83.4 | 2.9% | 3.5% |
| Fanomezana mahazatra | 332.1 | 298.4 | -10.1% | 89.9 | 0.8% | 0.9% |
| Fanomezana goavana | 910.9 | 738.5 | -18.9% | 81.1 | 2.1% | 2.5% |

*Loharanom-baovao: OGT 2017 – LFR 2017*

***Fanatsarana ny lafiny sosialy sy fitsinjarana ara-drariny ny tetibola***

Ny fandaniam-bola tamin'ny 2017 dia nifantoka indrindra tamin'ny lafiny sosialy sy fotodrafitrasa na dia niantraika mafy tamin'ny sehatra famokarana aza ny voka-dratsin'ny rivo-doza Enawo nandritra ny telovolana voalohany. Araka izany, nampitomboina tamin'ny alalan'ny MRI (Mécanisme de Réponse Immédiate) niarahana tamin'ny Banky Iraisam-pirenena ny hetsika fanampiana ireo tra-pahavoazana.

Na izany aza anefa, tafapetraka araka ny tokony ho izy sy nangarahara ireo hetsika, mba hanamafy ny fitokisana amin'ny Fanjakana. Ambonin'izany, ny fandrafetana ny Paik'ady Fanavaozana ny Fitantanam-bolam-panjakana hatramin'ny 2024, niaraka tamin'ny Paik'ady fampandrosoana ao anatin'ny telo taona (2016 hatramin'ny 2018) dia an-dàlam-panatanterahana. Na dia teo aza anefa ireny, tokony ho tohizana hatrany ny fanavaozana indrindra mikasika ny fandaharan'asa FEC, ary isan'ny tanjona tokony hifantohan'ny Governemanta. Etsy ankilany ihany koa ny fanatsarana ny fanaraha-maso ny fandaniam-bola andavanandro sy ny fijerena hentitra ny zava-bita amin'ireo fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana (PIP).

Ny fandaniam-bola rehetra dia nahatratra ny taham-panatanterahana 86,1% miohatra amin'ny LFR, izay nitentina 6 330,9 lavitrisa Ariary. Ny taha miohatra amin'ny harikarena faobe dia 17,7% raha 20,5% tamin'ny LFR. Ny fahakelezan'ny fampiasam-bolam-panjakana no anton'io elanelana io, vokatry ny tsy fahampian'ny famatsiam-bola avy any ivelany, izay tsy nisy afa tsy

58,9%. Ny tahan'ny fanatanterahana ny fampiasam-bolam-panjakana araka izany dia 65,9%, izany hoe 1 921,8 lavitrisa Ariary raha 2 916,1 lavitrisa Ariary ny vinavina tamin'ny LFR, izay mielanelana 873,9 lavitrisa Ariary.

Momba ny zana-bola amin'ny trosa, ny fandoavana azy ireny dia nahatratra 285,5 lavitrisa Ariary ny fitambarany, ka ny 70,2 lavitrisa Ariary tamin'izany dia trosa ivelany (nihena 34,5%). Ny taham-panatanterahana ankapobeny dia 84,2% ka 65,5% ho an'ny ivelany ary 92,8% ho an'ny anatiny. Ny fandoavana ny trosa malagasy tamin'i Lybye no antony voalohany noho ny olana teo amin'ny fifandraisan'ny banky.

Nialoha izany, tanteraka hatramin'ny 97,7% ny famoaham-bola, izay nitentina 3 989,7 lavitrisa Ariary raha 4 084,9 lavitrisa Ariary ny vinavina. Ny fandaniam-bola amin'ny mpiasa dia tontosa hatramin'ny 99,3%, ka ny 99,7% tamin'izany ho an'ny karama ary ny 94,6% ho an'ny tambin-karama. Ny elanelana 5,4% hita momba ny tambin-karama dia vokatry ny fahakelezan'ny fandraiketana ny famoaham-bola tamin'ny Ministera vitsivitsy, indrindra ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny miadidy ny Fiaraha-miasa sy ny Fampandrosoana izay nahitana ny taham-pandraiketana 7,32%.

Na dia teo aza ny fahasarotan'ny dingana fampandehanana ny tsenam-panjakana dia nijanona ho 1,6% hatrany ny tahan'ny sora-bola tsy voarakitra ho an'ny fandaniam-bolan'ny fampandehanan-draharaha vokatry ny tahan'ny famoaham-bola tao amin'ny entana sy asa aman-draharaha izay tafakatra 92,8%. Ireto fandaniam-bola ireto dia nahatratra 279,0 lavitrisa Ariary. Ny famindram-bola sy ny fanampiana nefa dia saiky voatazona avokoa raha oharina tamin'ny vinavina izay nitentina 1 461,9 lavitrisa Ariary.

**Fafana 7** : Fivoarana sy fanatanterahana ny fandaniam-bolan'ny Fanjakana tamin'ny 2017

| | 2017 | | fiova | Taham-panatanterahana 2017 | % amin'ny PIB 2017 | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| *Amin'ny lavitrisa Ariary* | LFR | fanat | % | % | fanat | LFR |
| Fandaniana rehetra (1+2) | 7354.3 | 6330.9 | -13.9% | 86.1 | 17.7% | 20.5% |
| Fandaniana andavanandro (1) | 4438.2 | 4409.2 | -0.7% | 99.3 | 12.3% | 12.4% |
| Fandaniana | 4084.9 | 3989.7 | -2.3% | 97.7 | 11.1% | 11.4% |
| Mpiasa | 1977.2 | 1963.2 | -0.7% | 99.3 | 5.5% | 5.5% |
| Karama | 1806.8 | 1802.1 | -0.3% | 99.7 | 5.0% | 5.0% |
| Tambin-karama | 170.4 | 161.2 | -5.4% | 94.6 | 0.4% | 0.5% |
| Fampandehanan-draharaha | 1768.6 | 1741.0 | -1.6% | 98.4 | 4.9% | 4.9% |
| Entana sy raharaha | 300.8 | 279.0 | -7.2% | 92.8 | *0.8%* | *0.8%* |
| Famindram-bola sy fanampiana | 1467.8 | 1461.9 | -0.4% | 99.6 | *4.1%* | *4.1%* |
| Zana-bola | 339.2 | 285.5 | -15.8% | 84.2 | 0.8% | 0.9% |
| Ivelany | 107.2 | 70.2 | -34.5% | 65.5 | *0.2%* | *0.3%* |
| Anatiny | *232* | 215.3 | -7.2% | 92.8 | *0.6%* | *0.6%* |
| Lahasa anatin'ny Tahirim-bola | 353.2 | 419.5 | 18.8% | 118.8 | 1.2% | 1.0% |
| Fampiasam-bola (2) | 2916.1 | 1921.8 | -34.1% | 65.9 | 5.4% | 8.1% |
| Loharanom-bola anatiny | 789.3 | 668.9 | -15.2% | 84.8 | 1.9% | 2.2% |
| Loharanom-bola ivelany | 2126.8 | 1252.8 | -41.1% | 58.9 | 3.5% | 5.9% |

*Loharanom-baovao: OGT 2017 – LFR 2017*

***Fihenan'ny fatiantoka***

Noho ny fihatsaran'ny fampidiram-bola sy vokatry ny fihenana nisongadina teo amin'ny fandaniam-bola dia hita ny fihenana 3,5% tamin'ny fatiantoka ka nahazoana ny -2,4% tamin'ny harikarena faobe. Ny ambim-bola ho fenoina araka izany dia -2 113,1 lavitrisa Ariary ka lasa -855,5 lavitrisa Ariary. Ny famatsiam-bola tena ilaina dia niantohan'ny tany ivelany hatramin'ny 58,4% izay nitentina 499,7 lavitrisa Ariary ary 39,3% teto an-toerana, izay 335,8 lavitrisa Ariary. Ity farany dia novatsian'ny rafitra ara-banky vola nitentina 155,6 lavitrisa Ariary sy 276,0 lavitrisa Ariary tamin'ny rafitra tsy ara-banky nefa nifandanja tamin'ny petra-bola teo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana izay nitentina 75,7 lavitrisa Ariary.

## II. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA

Ny takelaka « fanadihadiana ny fahombiazan'ny fitondram-panjakana» dia mitatitra ny fampiasana ny vola hanatanterahana ny politikam-panjakana. Ny vokatra tena nisongadina tamin'ireny no ampidirina amin'ity lalàna ity, nalaina tamin'ny RAP. Izy ity dia tatitra ataon'ny Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa manerana ny departemanta tsirairay, hahafahana mampitaha ny vinavina sy ny zava-bita amin'ny alalan'ireo maridrefin'ny fahombiazana.

### A. <u>FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA TETO AMIN'NY FIRENENA</u>

#### 1. *Ireo zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2017 (Tetibola Ankapobe)*

Hahatanteraka ny politikam-panjakana ankapobeny, ny Governemanta malagasy amin'ny alalan'ny Andrim-panjakana 7 sy Ministera 31 dia nanatanteraka iraka goavana 55, izay notsinjaraina tamin'ny fandaharan'asa 148 sy tanjona 426. Tetibola nananika ny 7 370,14 lavitrisa Ariary araka izany no natao hanatanterahana ireto andraikitra ireto, ka ny 5 653,09 lavitrisa Ariary tamin'izany no lany tamin'ny fiafaran'ny taona, izany hoe taham-pandaniam-bola 76,70%.

Momba ny zava-bita , fahombiazana 57,29% no nisy tamin'ny taona 2017, ka tondromarika 577 no tanteraka tamin'ireo 1 007 voasoratra. Tamin'ireo fandaharan'asa rehetra kosa, 44 no nahazoana fahombiazana 100% raha 26 izany tamin'ny 2016. Toy ny tamin'ireo taona efa nifandimby, ny fampihenana ny sora-bola vokatry ny fandrafetana ny LFR sy ny fampiharana ny taham-pandaminana no antony voalaza matetika nahatonga ny faharatsian'ny vokatra ao anatin'ny tatitry ny fahombiazana.

Departemanta 9 no nahita fahombiazana nisongadina ka nahatratra ny tanjona nokendrena hatramin'ny 75% , dia ny Antenimieram-pirenena, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, ny Ministeran'ny Fiarovamp-pirenena, ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Haivoary ary ny Ala, ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, ny Ministeran'ny Paositra, Fifandraisan-davitra sy ny Fampandrosoana ara-kajy mirindra ary ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana siantifika. Tetsy andaniny, departemanta 5 no nahitana fahombiazana maivana, ka tsy nahatanteraka ny tanjona nokendrena mihoatra ny 30%, dia ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny raharaham-bahiny misahana ny Fiaraha-miasa sy ny Fampandrosoana, ny Ministeran'ny Fizahan-tany, ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika miadidy ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Solika, ny Ministeran'ny Rano, Angovo sy ny Akoranafo ary ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena. Ireo departemanta 24 ambiny kosa dia nahitana fahombiazana antonony, ka ny taham-pahatanterahan'ireo tanjona nokendrena dia teo anelanelan'ny 30% sy 75%.

Araka ny tantara dia nisaraka ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoran'afo andaniny, sy ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana ankilany, tamin'ny 2016 fa natambatra ho iray tamin'ny 2017 ka nahazoana ny Ministeran'ny Rano, ny Angovo ary ny Akoran'afo. Ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny misahana ny Fiaraha-miasa sy ny Fampandrosoana kosa dia departemanta vao noforonina tamin'ny volana may 2017.

Ny fanatanterahana lehibe ara-bola sy mivaingana tamin'ny 2017 dia fintinina ao anatin'ity fafana manaraka ity:

**<u>Fafana 8</u>**: Famintinana ny endriky ny fahombiazana sy ny endriky ny tetibola 2017

| Isa | | | | | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Andrim-panjakana/ Mi** | **Iraka** | **Fand.** | **Tanj.** | **Ezaka ho tratrarina** | | **Zava-bita** | **Tsy tratra** | **Tsy vo af** | **Hafa** | **Sora-bola** | | **Fandaniana vita** |
| | | | | **Teny am-** | **farany** | | | | | **Voalohany** | **Farany** | |
| 38 | 55 | 148 | 426 | 1 247 | 1 007 | 577 | 368 | 11 | 51 | 6 784 ,55 | 7 370 ,14 | 5 653,09 |

*<u>Loharanom-baovao:</u> Filazana ny fahombiazana LFI sy LFR, RAP ary BCSE 2017*

### 2. *Fivoarana isan-taona ho an'ny fahombiazan'ny firenena*

Nandringa ny fanarenana ny toekarem-pirenena noho ireo sakana isan-karazany, voalohany tamin'izany ny fandalovan'ny rivo-doza Enawo ny volana martsa, ny tsy fahampian'ny rotsak'orana na ihany koa ny famerenana ny fandinihana ny fandaharan'asa FEC niaraka tamin'ny FMI. Ireny toe-javatra ireny dia nisy fiantraikany betsaka teo amin'ny fampifandanjana ny tetibola, ka nahatonga ny Governemanta nanitsy ny tetibolany.

Vokatr'izany, tamin'ny fanitsiana tetibola tamin'ny alalan'ny fanaovana ny LFR ny volana jolay 2017 dia niova ho 7 370,14 lavitrisa Ariary ny fandaniam-bolam-panjakana izay nofaritana ho 6 784,55 lavitrisa Ariary teny am-piandohana, izany hoe nitombo 8,6%. Ny fanavaozana ny tetibola tamin'ny departemanta maro dia nanery ireto farany hanova ny tanjony. Araka izany, raha tondromarika 1 247 no hita tao anatin'ny LFI, nihena ho 1 007 kosa ny tao amin'ny LFR. Toy izany koa ny fanitsiana ireo tondromarika 214, ka ny 35,51% dia nampiakarina ary ny 64,49% kosa nahena.

Ny fanovana natao tamin'ny alalan'ny LFR dia fintinina amin'ity fafana manaraka ity :

**<u>Fafana 9</u>**: Fivoaran'ny endriky ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana sy ny endriky ny fahombiazana tamin'ny 2017

| Amin'ny lavitrisa Ariary | | Isa | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| **Fanovàna ny sora-bola** | | **Fanovàna ni isan'ny tondromarika** | | **Fanovàna ny ezaka ho tratrarina** | |
| **Sora-bola LFI** | **Sora-bola LFR Fivoarana** | **Tondromarika Initiaux** | **Tondromarika finaux** | **Nampiana** | **Nesorina** |
| 6 784 ,55 | 7 370 ,14 | 1 247 | 1 007 | 76 | 138 |

*<u>Loharanom-baovao:</u> Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Filazana ny fahombiazana LFI sy LFR 2017*

### 3. *Fivoarana an-telo taona tamin'ny fahombiazan'ny firenena (2015 hatramin'ny 2018)*


Tsy niova loatra ny isan'ny tondromarika, satria raha ny tamin'ny 2015 sy 2016 dia 909 sy 1 035 isan'isany, ary tamin'ny 2017 dia nahitana 1 007.

Teo amin'ny fahatanterahan'ireo tanjona nokendrena kosa, niakatra hatrany ny fahombiazana. Araka izany, raha tsy nihoatra ny 50% ny tondromarika tratra tamin'ny taona 2009 hatramin'ny 2015, nahavelombolo kosa ny vokatra tamin'ny 2016 satria ny 52,17% tamin'ireo vokatra nantenaina no nifanaraka tamin'ny tanjona napetraka. Voatazona izany fahombiazana izany ary nihoatra mihitsy aza tamin'ny 2017, tamin'ny vokatra nisongadina nananika ny 57,30%.

Nisy koa ny ezaka natao teo amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fizaram-baovao, tamin'ny alalan'ny fampihenana ny isan'ireo tanjona tsy ahitana antontan'isa. Raha 34 sy 27 ny isan'ireo antontan-kevitra tsy voaangona nandritra ireo taona roa teo aloha, izay nahitana ny 3,74% sy 3,6% n'ny tondromarika, tondromarika 11 kosa sisa no tsy nahitana antontan'isa, izany hoe ny 1,09% tamin'ireo tondromarika rehetra.

Ny zava-bita nivaingana nandritra ny telo taona dia aravona ao anatin'ity kisary manaraka ity :

**Kisary 1**: Fivoaran'ny fahombiazan'ny firenena ny 2015 hatramin'ny 2017




*Loharanom-baovao:* *RAP 2015-2016-2017*

## B. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA ISAN-TSEHATRA

### 1. *Sehatra fitantanan-draharaha*

#### a. Ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Minsitera tao anatin'ny sehatra fitantanan-draharaha

Nahitana Andrim-panjakana 7 sy Ministera 11 ny sehatra fitantanan-draharaha, ary nahazo anjara tetibola izay nananika ny 52,26% tamin'ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana, izay nitentina 3 852,07 lavitrisa Ariary. Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana dia 3 475,33 lavitrisa Ariary ny vola laniny tamin'ireo asa nataony.

Ny fanatanterahana ny asam-panjakana sahanin'ity sehatra ity dia nampiharina tamin'ny fandaharan'asa 72 sy tanjona 230, ka tondromarika 650 no nentina nandrefesana ny fahombiazana. Tahaka ny tetibolany ihany, ny ampahany betsaka tamin'ireo tondromarika ihany koa dia hita tato anatin'ity sehatra ity, satria ny 64,55% tamin'ireo tondromarika rehetra no nananany. Nahitana fihatsarana ny vokatra azo raha oharina tamin'ny 2016, satria nitombo 2,24% izany;


Ny zava-bitan'ny sehatra fitantanan-draharaha teo amin'ny tetibola sy ny fahombiazana dia fintinina amin'ity kisary ity :

**Fafana 10**: Ny fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tao anatin'ny sehatra fitantanan-draharaha

| Isa | | | | | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Andrim-panjakana/ Min** | **Iraka.** | **Fand.** | **Tanj.** | **Ezaka ho tratrarina** | | **Zava-bita** | **Tsy tratra** | **Tsy voafaritra** | **Hafa** | **Sora-bola** | | **Fandaniana vita** |
| | | | | **Teny am-piandrohana** | **Farany** | | | | | **Voalohany** | **Farany** | |
| 19 | 23 | 72 | 230 | 780 | 650 | 361 | 241 | 5 | 43 | 3 317,29 | 3 852,07 | 3 475, 33 |

*Loharanom-baovao :, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Filazana ny fahombiazana LFI sy LFR 2017 RAP sy BCSE 2017*

**Kisary 2**: Fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2017 (amin'ny %)




*Loharanom-baovao : Filazana ny fahombiazana LFI sy LFR, RAP 2017*

**b. Fivoaran'ny sora-bola sy ny tondromarika tamin'ny sehatra fitantanan-draharaha nandritra ny taona 2017**

Taorian'ny fandrafetana ny LFR dia niakatra ho 3 844,18 lavitrisa Ariary ny anjara tetibolan'ny sehatra fitantanan-draharaha, raha 3 317,29 lavitrisa Ariary izany tao amin'ny LFI, izany hoe fiakarana 15,88%. Nihena ny vinavinam-pandaniam-bola tao amin'ny Antenimieran-doholona, FFM, MAE, MSP, MFRA ary MCRI; raha niakatra kosa ny tetibolan'ireo departemanta ambiny. Ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fiadidiana ny Praiministra no tena nahazo tombony tamin'izany, satria nampiakarina isan'isany 106,79% sy 86%.

Notanterahina avokoa ny ankamaroan'ireo tanjon'ny Andrim-panjakana sy Ministera. Raha tondromarika 780 no hita tao amin'ny LFI, tsy nahitana afa tsy 650 kosa tao amin'ny LFR. Araka izany, ny tondromarika voasoratra tao amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Ministeran'ny Fitsarana dia saiky nihena tamin'ny antsasany mihitsy. Ambonin'izany, tao anatin'ireo tondromarika 650, tanjona 84 no nahena ny sandany ary 57 no nampitomboina. Marihina fa ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola dia nanova ny andininy vitsivitsy tao amin'ny LFR, amin'ny alalan'ny fandraisana ny didim-pitondrana laharana 23 344 tamin'ny 19 septambra 2017 manova ny filazalazana momba ny fahombiazana. Araka izany, tondromarika vaovao roa (02) no nampidirina tao anatin'ny fandaharan'asa fitantanana sy fandrindrana, ary tanjona roa no nahitana fiovana.

**Fafana 11**: Fivoaran'ny fahombiazana teo amin'ny sehatra fitantananan-draharaha nandritra ny taona 2017

| Andrim-panjakana/Ministera | Fanovàna sora-bola | | | | Fanovàna ny isan'ny tondromarika | | Fanovàna ny ezaka ho tratrarina | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Sora-bola voalohany (LFI) | Sora-bola taorian'ny LFR | Sora-bola farany | Fivoarana (%) | Vinavina voaloha | Vinavina farany | Nampiana | Nesorina |
| Fiadidiana ny Repoblika | 105 345 994 000 | 109 622 522 000 | 109 194 449 000 | 3,65 | 67 | 57 | | |
| Antenimeran-doholona | 22 310 400 000 | 21 966 024 000 | 21 966 024 000 | - 1,54 | 8 | 8 | 1 | 1 |
| Antenimieram-pirenena | 46 111 000 000 | 47 829 680 000 | 49 379 680 000 | 7,09 | 4 | 4 | | 1 |
| Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana | 6 345 000 000 | 6 510 259 000 | 6 510 259 000 | 2,60 | 7 | 7 | | |
| Fiadidiana ny Praiministra | 100 686 631 000 | 189 239 090 000 | 187 371 495 000 | 86,09 | 114 | 113 | 3 | |
| Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy | 6 151 000 000 | 5 884 824 000 | 5 884 824 000 | - 4,33 | 3 | 3 | | |
| Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana | 11 298 000 000 | 11 563 793 000 | 11 563 793 000 | 2,35 | 41 | 55 | 15 | 28 |

| Andrim-panjakana/Ministera | Fanovàna sora-bola | | | | Fanovàna ny isan'ny tondromarika | | Fanovàna ny ezaka ho tratrarina | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Sora-bola voalohany (LFI) | Sora-bola taorian'ny LFR | Sora-bola farany | Fivoarana (%) | Vinavina voaloha | Vinavina farany | Nampiana | Nesorina |
| Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny miadidy ny Fiaraha-miasa sy ny Fampandrosoana | - | 1 692 000 000 | 1 692 000 000 | ---- | 0 | 4 | 4 | |
| Ministeran'ny Raharaham-bahiny | 58 250 691 000 | 60 507 830 000 | 58 242 666 000 | - 0,01 | 32 | 32 | | |
| Ministeran'ny Fiarovam-pirenena | 208 659 216 000 | 207 848 521 000 | 209 812 679 000 | 0,55 | 9 | 9 | | 9 |
| Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarmaria | 196 669 787 000 | 191 437 052 000 | 199 587 052 000 | 1,48 | 23 | 15 | 5 | 3 |
| Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana | 237 314 519 000 | 261 521 760 000 | 259 954 291 000 | 9,54 | 57 | 57 | | |
| Ministeran'ny Filaminam-bahoaka | 112 671 927 000 | 110 118 622 000 | 110 161 902 000 | - 2,23 | 18 | 17 | | |
| Ministeran'ny Fitsarana | 102 446 822 000 | 104 079 282 000 | 104 829 611 000 | 2,33 | 65 | 31 | 1 | 14 |
| Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola | 2 004 394 857 000 | 2 398 255 309 000 | 2 400 116 899 000 | 19,74 | 209 | 118 | 15 | 27 |
| Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana | 16 896 798 000 | 36 350 127 000 | 34 940 456 000 | 106,79 | 17 | 17 | 13 | 1 |
| Ministeran'ny Asam-panjakana sy ny Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha | 20 916 851 000 | 18 818 097 000 | 18 704 060 000 | - 10,58 | 58 | 56 | | |
| Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana | 42 878 071 000 | 44 023 602 000 | 44 698 238 000 | 4,24 | 10 | 9 | | |
| Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana | 17 945 563 000 | 16 908 270 000 | 17 464 338 500 | - 2,68 | 38 | 38 | | |
| **FITAMBARANY** | **3 317 293 127 000** | **3 844 176 664 000** | **3 852 074 716 500** | **16,12** | **780** | **650** | **57** | **84** |

*Loharanom-baovao :* *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

### c. <u>**Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta ao amin'ny sehatra fitantanan-draharaha**</u>

- FIADIDIANA NY REPOBLIKA

<u>**Fafana 12**</u>: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratr | Tsy voat | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 001 | Fitantanana sy fandrindrana | 104 304 052 104 | 70 276 679 746,30 | 67,38 | 48 | 27 | 16 | 0 | 5 | 56.25% |
| 201 | Fotodrafitrasa mifandray | 667 811 000 | 629 608 844,00 | 94,28 | 6 | 4 | 2 | 0 | 0 | 66.67% |
| 401 | Fampandrosoana ny eny ambanivohitra | 441 940 000 | 435 647 941,00 | 98,58 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 501 | Fahasalamana, fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA | 500 266 000 | 744 857 781,86 | 148,89 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 801 | Firaisankinam-pirenena | 3 280 379 896 | 3 280 379 895,22 | 100,00 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **109 194 449 000** | **75 367 174 208,38** | **69,02** | **57** | **34** | **18** | **0** | **5** | **59.65%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tratra amin'ny antonony ny tanjona hampihenana ny kolikoly, ny fahazoana ireo fitaovana samihafa no nahafahana nanatanteraka ny asa mikasika izany. Ambonin'izany, faritra 22 no afaka nampihatra ny politikam-paritra momba ny fampihenana ny kolikoly. Tanteraka 100% ireo hetsika isan-karazany sy ny fanaraha-maso ary ny fanentanana, izay nahafahana ihany koa nametraka ny rafitra hanaraha-maso sy hampiofanana ireo tompon'andraikitra sy ireo mpiara-miombon'antoka.

Momba ny fiarovana ny olona sy ny fananany, tafita teny amin'ireo ambaratongam-pahefana ny toromarika natao ary fivoriana fakàn-kevitra maro no tanteraka mba hitazonana ny filaminana ara-politika sy hanohizana ny fiaraha-miasa matotra ao anatin'ireo mpitandro ny filaminana.

- *Fotodrafitrasa mifandray :* tanteraka avokoa ny vinavina rehetra teo amin'ny fanatsarana ny rafi-pifandraisana teny amin'ny Lapam-panjakana (Iavoloha sy Ambohitsirohitra), ankoatra ny fametrahana ireo fifandraisana an-taroby, ka ny 5 dia an-dàlam-pametrahana vokatry ny fahalanian'ny tahiry. Momba ny teknolojia vaovaon'ny fampitam-baovao sy ny fifandraisana, teknisianina 10 ihany tamin'ny 36 novinavinaina no nahazo fiofanana noho ny fiovaovan'ny saran'ny fiofanana.

- *Fampandrosoana ny eny ambanivohitra :* tafapetraka tsara ny tontolo maitso sy maharitra noho ny fampiasana ireo sampam-panabeazana miisa 20.

- *Fahasalamana, fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA:* tamin'ireo drafitra 25 noheverina hampiharina teo anivon'ireo kaominina mikasika ny ady amin'ny VIH/SIDA, 28 no vita.

- *Firaisankinam-pirenena :* faritra 3 no fantatra fa tena mahantra sy sahirana ka tanjona ny hanatsara ny fanohanana azy ireo.

- ANTENIMIERAN-DOHOLONA

**Fafana 13**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 002 | Fitantanana sy Fandrindrana | 11 316 616 000 | 11 216 522 280,90 | 99,12 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67% |
| 119 | Fanohanana ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana | 10 649 408 000 | 9 921 215 764,00 | 93,16 | 5 | 2 | 3 | 0 | 0 | 40,00% |
| **FITAMBARANY** | | **21 966 024 000** | **21 137 738 044,90** | **96,23** | **8** | **4** | **4** | **0** | **0** | **50.00%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* nahafa-po ny fampiasana ny tetibola, tamin'ny taha 96,56%. Ambonin'izany, tratra araka ny fe-potoana ilaina ny famoahana ireo antontan-taratasy momba ny karama ary nihatsara ny tolotra ka tanteraka nifanaraka tamin'ny paik'ady ho tanterahina mandritra ny taona ireo asa.
- *Fanohanana ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana:* tsy tratra afa tsy amin'ny ampahany ny tanjona, indrindra mikasika ny fandaniana ireo lalàna sy ny volavolan-kevitra, ary koa ny famaritana ny fe-potoana fandoavana ny volan'ireo mpikambana ao amin'ny andrim-panjakana. Iray ihany ny hetsika vita mikasika ny fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta. Tsy nisy vita kosa ny fitsidihana teny anivon'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana noho ny tsy fahampian'ny ho enti-manana. Ny antsasak'ireo antontan-taratasy momba ny fampandehanan'asan'ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra sy ireo vaomiera ihany no tafavoaka noho ny fandàvan'ny Tahirim-bolam-panjakana ireo antontan-taratasy vokatry ny tsy fahampian'ny sora-bolan'ireo kaonty sasan-tsasany.

- ANTENIMIERAM-PIRENENA

**Fafana 14**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 003 | Fitantanana sy fandrindrana | 23 734 163 000 | 23 640 422 116,88 | 99,61 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 101 | Fanjakana tompon'andraikitra | 25 645 517 000 | 25 579 930 564,80 | 99,74 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| **FITAMBARANY** | | **49 379 680 000** | **49 220 352 681,68** | **99,68** | **4** | **3** | **1** | **0** | **0** | **75.00%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsara ny vokatra teo amin'ny fampandehanan-draharaha sy ny fanatsarana ny fitantanana satria voahaja ny fe-potoana 10 andro famoahana ireo antontan-taratasy.
- *Fanjakana tompon'andraikitra :* nihoatra ny vinavina ny tondromarika momba ny fandrafetana lalàna ho fanamafisana ny maha firenena tan-dalàna, ka lalàna 51 no lany raha 48 ny vinavina. Teo ihany koa ny fandraisana anjara tamin'ireo fivoriana iraisam-pirenena izay nahatratra 85 raha 47 ny vinavina. Tetsy andaniny nefa, fanaraha-maso 6 ihany no vitan'ny Antenimieram-pirenena raha 10 ny vinavina, vokatry ny tsy fahampian'ny vola.

- FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA

**Fafana 15**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 004 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 071 400 000 | 4 878 411 232,65 | 96,19 | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75.00% |
| 102 | Fanjakana tompon'andraikitra | 1 438 859 000 | 1 308 658 003,55 | 90,95 | 3 | 3 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **6 510 259 000** | **6 187 069 236,20** | **95,04** | **7** | **6** | **1** | **0** | **0** | **85.71%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tondromarika telo no tratra, isan'izany ny fikirakirana ireo antontan-taratasy, ny tahan'ny fampiasana ny tetibola sy ny fanatsarana ara-pitaovana ary koa ny fanomezan-danja ny harem-pirenena. Nisy akony kely tamin'ny famahàna ny olan'ny fitantanan-draharaha ny tsy fahampian'ny fanaraha-maso anatiny teo anivon'ireo rantsam-pitantanana sy ny tsy fisian'ny rafitra fanatsarana.
- *Fanjakana tompon'andraikitra :* tanteraka avokoa ny vinavina rehetra ary nihoatra mihitsy aza izany. Fanapahan-kevitra sy didy aman-dalàna 53 no navoaka hiantoka ny fanajana ny Lalàm-panorenana, raha 28 ny vinavina, vokatry ny fihatsaran'ny endriky ny politika momba ny lalàna. Ny fampiofanana ireo mpiantsehatra dia nahafahana nahatratra ny tanjona mba hisian'ny fifidianana madio sy eken'ny rehetra ary mangarahara. Nampahafantarina ny vahoaka tamin'ny alalan'ny tahan'ireo fanapahan-kevitra sy didy aman-dalàna navoaka ny asan'ny Andrim-panjakana, izay 98%.

- FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA

**Fafana 16**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 005 | Fitantanana sy fandrindrana | 32 539 155 000 | 31 800 051 422,73 | 97,73 | 87 | 39 | 47 | 0 | 1 | 44.83% |
| 402 | Fampandrosoana eny ambanivohitra | 780 138 000 | 537 081 340,60 | 68,84 | 10 | 2 | 8 | 0 | 0 | 20.00% |
| 403 | Fanjarian-tsakafo sy filaminana ara-tsakafo | 153 802 000 000 | 80 189 052 857,44 | 52,14 | 15 | 5 | 10 | 0 | 0 | 33.33% |
| 802 | Firaisankinam-pirenena | 250 202 000 | 153 633 160,00 | 61,40 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| **FITAMBARANY** | | **187 371 495 000** | **112 679 818 780,77** | **60,14** | **113** | **46** | **66** | **0** | **1** | **40.71%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana:* ny tanjona momba ny ady atao amin'ny fivarotan'olona, ny fandrafetana ireo antontan-taratasy momba ny paik'adim-pirenena, ny tolotry ny asam-panjakana, ny fampikambanana ireo tahiry, ny tetik'ady hampihenana ny fahantrana, ny fe-potoana fikirakirana lalàna, ny fialàna amin'ny fampiasana antontan-taratasy amin'ny fikarohana didim-panjakana sy naoty toro-làlana, dia tratra tao anatin'ity fandaharan'asa ity. Ny fahatarana teo amin'ny dingan'ny fifamindran'andraikitra sy ny fampihemorana ireo asa ho amin'ny telovolana fahaefatra ary ny tsy fahampiana ara-bola nefa no antony tsy nahatrarana ny tanjona ho an'ireo tondromarika sasany.

- *Fampandrosoana ny eny ambanivohitra:* ny 20% tamin’ny tondromarika napetraka tao amin’io fandaharan’asa io ihany no tratra. Tamin’ireo tondromarika 10 voasoratra, ny fanadihadiana isan-droa volana ny toetry ny tsenam-bary anatiny sy ivelany sy ireo vokatra ara-tsakafo sy ireo fivoriana fakan-kevitra iraisan’ny Fanjakana sy ny tsy miankina hitantanana ny lafiny momba ny vary ihany no tanteraka nitovy tamin’ny vinavina. Kely kosa ny zava-bita ho an’ireo tondromarika hafa noho ny tsy fandraisana an-tànana ireo asa sy vokatry ny fahataran’ny fanatanterahana azy ireny.
- *Fanjarian-tsakafo sy filaminana ara-tsakafo:* tsy tratra amin’ny ankapobeny ny tanjona novinavinaina hanatsarana ny fanjarian-tsakafo sy ny filaminana ara-tsakafo, ny fampihenana ny tsy fahampiana ara-tsakafo sy ny fanarenana aorian’ny loza ary koa ny fitantanana ny fandaharan’asan’ny ady amin’ny raboka. Tetsy andaniny kosa anefa, tokan-trano 5 831 no nahazo fanohanana ara-tsosialy natokana ho an’ireo mahantra sy tena sahirana ary olona miisa 63 462 no nahazo fanampiana mivantana tamin’ny tetik’asa.
- *Firaisankinam-pirenena:* nahitana fihenana ny taham-pahavoazana tamin’ireo tranga mety hitera-doza sy ny fiantraikan’izany tamin’ny mponina, ny taha novinavinaina ho 3% dia lasa 0 % tamin’ny fiafaran’ny taona.

- FILAN-KEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY

**<u>Fafana 17</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran’ny fandaharan’asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 057 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 133 824 000 | 4 902 756 716,00 | 95,50 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 823 | Fampihavanam-pirenena | 751 000 000 | 676 133 954,00 | 90,03 | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0.00% |
| **FITAMBARANY** | | **5 884 824 000** | **5 578 890 670,00** | **94,80** | **3** | **1** | **2** | **0** | **0** | **33.33%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tanteraka ny tanjona hahatongavana amin’ny fitantanana mahomby sy mazava. Voahaja ny fe-potoana 15 andro fikirakirana ireo antontan-taratasy ary nifanaraka tamin’ny vinavina.
- *Fampihavanam-pirenena:* tsy tratra ny tanjona sasany entina hamahana ny olana politika tamin’ny 2002 hatramin’ny 2009 sy ny fanorenana ifotony ny firenena. Araka izany, mbola teo amin’ny dingana fanombohana hatrany ity andrim-panjakana ity, na dia efa tafapetraka mialoha aza.

- VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEO-TENA MISAHANA NY FIFIDIANANA

**Fafana 18**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 060 | Fitantanana sy fandrindrana | 9 225 608 000 | 8 878 773 008,91 | 96,24 | 22 | 15 | 4 | 0 | 3 | 68.18% |
| 126 | Fanatanterahana ny dingam-pifidianana | 2 313 185 000 | 2 236 940 043,80 | 96,70 | 26 | 13 | 2 | 0 | 11 | 50.00% |
| 825 | Fanabeazana momba ny fifidianana sy serasera | 25 000 000 | 24 955 876,80 | 99,82 | 7 | 7 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **TOTAL** | | **11 563 793 000** | **11 140 668 929,51** | **96,34** | **55** | **35** | **6** | **0** | **14** | **63.64%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* mba hiantohana ny fahaleovan-tena sy ny fahalavorarian'ny asan'ny CENI ary hanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra ao aminy, azo ny 90% tamin'ireo fitaovana novinavinaina ho vidiana. Tanteraka 100% ny fampiofanana momba ny fitantanan-draharaha, fitantanana sy teti-pivoarana. Azo nampiasaina ihany koa ny foibe fanoroan-kevitra sy mpitahiry ary ireo antontan-kevitra ho amin'ny teti-pivoarana. Teo ihany koa ny fampiasana solosaina, ny rafitra fikirakirana ary ny fifandraisana.
- *Fanatanterahana ny dingam-pifidianana :* zana-baomiera iray misahana ny fifidianana no nampiasaina ary fampiofanana maro momba ny dingan'ny fifidianana no nozaraina, tahaka izany koa ireo hetsika fanentanana sy fifandraisana. Ny tahan'ny fahazoana antoka ny lisi-pifidianana dia nahatratra 83%, ny lisitry ny mpifidy voasoratra dia 9 200 000, izany hoe fitomboana 1,05% raha oharina tamin'ny taona 2016.
- *Fanabeazana momba ny fifidianana sy serasera:* saika tratra ihany ny tanjona teo amin'ny fandrafetana sy fampiharana ny paik'adim-pirenena fanabeazana momba ny fifidianana, satria tondromarika 5 tamin'ireo 7 voasoratra no nahatratra tanjona. Tontosa 100% ny paik'adim-pifandraisana hanentanana ny olona handray anjara amin'ny fifidianana. Nahatratra 75% kosa ny fahatanterahan'ireo hetsika fanabeazana momba ny fifidianana niarahana tamin'ireo mpisehatra samihafa. Azo hatramin'ny 75% ny fitaovana nampiasaina tamin'ny fanabeazana momba ny fifidianana sy ny fifandraisana.

- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY MISAHANA NY FIARAHA-MIASA SY NY FAMPANDROSOANA

**Fafana 19**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 062 | Fitantanana sy fandrindrana | 1 692 000 000 | 1 241 409 405,80 | 73,36 | 4 | 0 | 4 | 0 | 0 | 0.00% |
| **FITAMBARANY** | | **1 692 000 000** | **1 241 409 405,80** | **73,36** | **4** | **0** | **4** | **0** | **0** | **0.00%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tamin'ny tanjona hametrahana ny fanjakana tsara tantana, tondromarika 4 no napetraka. Tsy nisy tratra nefa na ny iray tamin'ireo tondromarika ireo aza, fa elanelana 25% no hita manoloana ny vinavina. Ny fampiasana ny sora-bola dia tsy nanomboka raha tsy ny volana jolay 2017.

- MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Fafana 20**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 006 | Fitantanana sy fandrindrana | 50 570 786 000 | 49 934 798 434,04 | 98,74 | 6 | 5 | 1 | 0 | 0 | 83.33% |
| 601 | Diplomasia sy fiaraha-miasa | 7 671 880 000 | 7 667 271 750,60 | 99,94 | 26 | 22 | 4 | 0 | 0 | 84.62% |
| **FITAMBARANY** | | **58 242 666 000** | **57 602 070 184,64** | **98,90** | **32** | **27** | **5** | **0** | **0** | **84.38%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* saiky nahatratra ny tanjona nokendreny avokoa ireo tondromarika rehetra ho fampivoarana ny fitaovana ampiasain'ireo sampan-draharaha foibe, ankoatra ny tondromarika momba ny isan'ireo ambaratongam-pahefana sy vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, izay tsy nisy hatramin'ny fiafaran'ny taona vokatry ny tsy fanatanterahana ny asa momba izany.
- *Diplomasia sy fiaraha-miasa :* ny zava-bita nisongadina indrindra dia ny fikarakarana fihaonam-be/atrik'asa/seminera iraisam-pirenena miisa 8 teto Madagasikara, ny fanatrehan'ireo mpitondra sy tompon'andraikitra ny fivoriana sy seminera marolafy niisa 88, ny fanaovan-tsonia fifanarahana miisa 9 teo amin'ny fiaraha-miasa marolafy, ny fanaovan-tsonia fifanarahana miisa 17 teo amin'ny fiaraha-miasa roalafy. Teo amin'ny famerenana ny fiaraha-miasan'ny fanjakana sy ny tsy miankina, nahazo famatsiam-bola vahiny mivantana ireo vondrom-bahoakam-paritra ary mpiasa 9 taty amin'ny foibe no nanaraka fiofanana momba ny toekarena, varotra ary fifanarahana iraisam-pirenena.

Teo amin'ny fandraisana anjaran'ny firenena tamin'ireo fivorian'ny faritra samihafa kosa, nanatrika fivoriana 10 momba izany ny tompon'andraikitra malagasy ary fandaharan'asa na tetik'asa 25 vokatry ny fifanarahana avy tamin'ireo fivoriana iraisam-paritra ireo no tanteraka.

- MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA

**<u>Fafana 21</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 007 | Fitantanana sy fandrindrana | 171 479 798 000 | 171 421 545 513,22 | 99,97 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 103 | Fitantanana ny politikam-piarovana | 15 360 256 000 | 14 996 097 594,18 | 97,63 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 008 | Fitantanana sy fandrindrana | 13 423 157 000 | 13 219 045 859,99 | 98,48 | 3 | 3 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 104 | Tafika an-tanety | 7 886 026 000 | 7 682 083 060,40 | 97,41 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 105 | Tafika ana-habakabaka | 855 912 000 | 854 422 718,80 | 99,83 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 106 | Tantsambom-pirenena | 807 530 000 | 805 896 316,00 | 99,80 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **209 812 679 000** | **208 979 091 062,59** | **99,60** | **9** | **9** | **0** | **0** | **0** | **100.00%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Fiarovana sy Fandriam-pahalemana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (007):* afaka nanatanteraka antsakany sy andavany ny asa momba ny raharaha ankapobeny sy ara-teknika ny ministera.

- *Fitantanana ny politikam-piarovana:* araka izay nantenaina avokoa ireo vokatra. Ny fanatanterahana ireo asa fandaminana sy ny asan'ireo sampam-piarovana dia tanteraka hatramin'ny 90% sy 80% isan'isany, nifanaraka tamin'ireo vinavina napetraka.

**Iraka « Tafika malagasy »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tratra araka ny vinavina napetraka avokoa ny taha novinavinaina ho an'ny fahafenoan'ireo haba isan'olona sy iombonana fandoa sy ho an'ny fahazoana mampiasa ireo fotodrafitrasa, fampitaovana ary fitaovan'ireo vondron-tafika ary koa ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa fandraisana miaramila vaovao sy fampiofanana.

- *Tafika an-tanety :* vokatry ny ezaka efa natao tamin'ny 2016 dia nahitana fitomboana ny hetsika momba ny fanazaran-tena sy ny fanomanana ny tafika an-tanety, ka nahatratra 90% ny taham-pahombiazana.

- *Tafika ana-habakabaka :* noho ny fitomboan'ny sora-bola natokana ho an'ny tafika ana-habakabaka taorian'ny LFR, tanteraka avokoa ireo asa laharam-pahamehana novinavinaina teny am-piandohan'ny taona.

- *Tantsambom-pirenena :* tanteraka avokoa ny asa fanohizana ny lahasa maharitry ny tafika anaty rano voasoratra tao amin'ny vinavina teny am-piandohana.

- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MIADIDY NY ZANDARMARIA

**Fafana 22**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 009 | Fitantanana sy fandrindrana | 175 197 192 000 | 175 135 718 050,80 | 99,96 | 3 | 1 | 2 | 0 | 0 | 33.33% |
| 108 | Fanelanelanana iraisana sy na manokana | 2 654 400 000 | 2 654 299 480,00 | 100,00 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 121 | Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka | 7 607 123 000 | 7 522 367 366,49 | 98,89 | 7 | 3 | 4 | 0 | 0 | 42,85% |
| 124 | Fampanaraham-penitra ireo fampitaovana sy fotodrafitrasa | 12 865 930 000 | 12 534 300 274,98 | 97,42 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 125 | Fampiofanana | 1 262 407 000 | 1 245 943 361,50 | 98,70 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| **FITAMBARANY** | | **199 587 052 000** | **199 092 628 533,77** | **99,75** | **15** | **8** | **7** | **0** | **0** | **53,33%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* fanaraha-maso 1 829 no vita teo amin'ny tanjona hanatsarana ny fitantanana sy hamerenana amin'ny laoniny ny fahefam-panjakana. Kely noho ny vinavina ny isan'ny sehatra fanentanana ho amin'ny fanajana ny Tany tan-dalàna sy ny filaminam-bahoaka, noho ny fanitsiana ny tanjona nokendrena nandritra ny enim-bolana faharoa. Ambonin'izany, ny 55% tamin'ny tranga voaray mikasika ny kolikoly ihany no voadinika hatramin'ny fiafaran'ny taona fa ireo tranga hafa kosa dia mbola an-dàlam-pandinihana.
- *Fanelanelanana iraisana sy na manokana:* tratra avokoa ny tanjona tamin'ireo tondromarika momba ny fanelanelanan'ny vondrona manokana, ny fivezivezena fampandrian-tany ary ny fanelanelanana mba ho fanajana ny Tany tan-dalàna sy ny filaminam-bahoaka.
- *Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka :* isan'ny tondromarika tena niavaka ny asan-jiolahy izay nahitana fihenana be, tamin'ny taham-pihenana 13% raha 3% izany tao amin'ny LFR. Ny fanovàna ny ezaka ho tratrarina nandritra ny enim-bolana faharoa kosa no antony tsy nahatrarana ny tanjona ho an'ny ankamaroan'ireo tondromarika.
- *Fampanaraham-penitra ireo fampitaovana sy fotodrafitrasa:* ny tanjona hanatsarana ny rafi-piarovana ny fari-dranomasina, ny isan'ny fotodrafitrasa naorina sy nohatsaraina ary koa ny tahan'ny fanisàna ireo fitaovana amin'ny fiafaran'ny taona dia nifanaraka tamin'ny isa novinavinaina teny am-piandohana.

- *Fampiofanana:* fiofanana sy fanatsaram-pahaizana 15 no vita tamin'ireo 32 novinavinaina. Nofoanana na nahemotra kosa ireo fiofanana sasany.

- MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

**<u>Fafana 23</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratr a | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 010 | Fitantanana sy fandrindrana | 31 716 034 000 | 31 490 404 761,00 | 99,29 | 12 | 5 | 7 | 0 | 0 | 41.67% |
| 109 | Fitantanana ny lafin-tany | 40 000 000 | 39 886 000,00 | 99,72 | 8 | 5 | 3 | 0 | 0 | 62.50% |
| 202 | Fiatrehina ny tranga mitera-doza sy ny loza | 39 751 097 000 | 38 831 037 472,98 | 97,68 | 13 | 13 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 044 | Fitantanana sy fandrindrana | 120 451 742 000 | 71 018 434 567,87 | 58,96 | 8 | 6 | 2 | 0 | 0 | 75.00% |
| 113 | Fampandrosoana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana | 67 995 418 000 | 94 665 983 689,40 | 139,22 | 16 | 11 | 5 | 0 | 0 | 68.75% |
| **FITAMBARANY** | | **259 954 291 000** | **236 045 746 491,25** | **90,80** | **57** | **40** | **17** | **0** | **0** | **70.18%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Fitantanana ny lafin-tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* nandritra ny taona 2017, toerana 120 no voarakotra tambazotra aterineto sy afaka nifandray ary 100% tamin'ireo mpiasa isaky ny renivohi-paritany no nisitraka ny fanatsarana ny fahombiazana sy ny fahazoana antoka ny fitantanana ny lafin-tany. Nozaraina tamin'ireo Lehiben'ny Distrika 96 sy Lehiben'ny Prefektiora 24 ihany koa ny paik'ady fampiharana ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna amin'ny asan'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana. Farany, nampiharina sy tafapetraka 100% ny paik'ady hiantohana ny zotram-pifidianana.
- *Fitantanana ny lafin-tany :* ny vokatra tena niavaka tao amin'ity fandaharan'asa ity dia ny fandrafetana lalàna 2, ny fanisàna fitaovam-piadiana miisa 57 553, ny fandraisana an-tsoratra mpifindra monina miisa 7 698 tao anatin'ny tahirin'antontan-kevitra ary ny fanoratana ny teratany vahiny miisa 27 266 monina eto Madagasikara.
- *Fiatrehina ny tranga mitera-doza sy ny loza:* mba ho laharam-pahamehana ny hetsika fiarovana sy fampihenana ireo tranga mitera-doza sy loza, kaominina 600 no nomena fiofanana sy naverina nentanina, faritra 18 sy distrika 103 nomena fanatsaram-pahaizana momba ny fiatrehina ny tranga mitera-doza sy loza ary kaominina sy Fokontany miisa 1 200 no nahazo fiofanana. Ambonin'izany, trano fitehirizana miisa 65 no novatsiana entana ho amin'ny vonjy taitra. Momba ny vonjy voina kosa, ny tahan'ny fandraisana andraikitra taorian'ny loza « hai-trano » dia nahatratra 80%, « rivo-doza - tondra-drano » 150%, paik'ady 17 hiatrehina ny zavatra tsy ampoizina no nohavaozina, olona miisa 750 no nahazo fiofanana ary fifanaraham-piaraha-miasa 12 no vita sonia sy nampiharina.

**Iraka « Fitsinjaram-pahefana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (044):* ho fanatsarana ny fahombiazana sy ny fahazoan'antoka ny fitantanana ny lafin-tany, rafi-baovao iray no noforonina, tranon-kala aterineto iray no nohavaozina ary hetsika iray no naseho sy nampahafantarina ny rehetra. Teo ihany koa ny fiofanana 24 ho an'ny mpiasa, mpiasa miisa 265 no nahazo « formation initiale » ary sampan-draharaha 56 no nomena fitaovana raitra sy ampy.
- *Fampandrosoana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana:* tao anatin'ireo tondromarika ho fanatsarana ny rafitra mpikarakara ny filazana ny maha olom-pirenena, fanentanana kaominina miisa 500 ihany no tontosa.Tetsy andaniny nefa, tratra avokoa ny tanjona ho an'ireo tondromarika rehetra hanandratana ny fitsinjaram-pahefana tena izy sy ny fahaiza-mitantana ifotony, ankoatra ny isan'ny tompon'andraikitry ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana nahazo fiofanana, izay nahitana fihenana 1 505, izany hoe 6 495 raha 8 000 no novinavinaina hahazo fiofanana.

- MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

**Fafana 24**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kao dy | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 036 | Fitantanana sy fandrindrana | 96 054 733 000 | 95 625 057 521,43 | 99,55 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 120 | Filaminam-bahoaka | 14 107 169 000 | 13 693 701 601,47 | 97,07 | 15 | 9 | 4 | 0 | 2 | 60,00% |
| **FITAMBARANY** | | **110 161 902 000** | **109 318 759 122,90** | **99,23** | 17 | 11 | 4 | 0 | 2 | 64,70% |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* nihoatra lavitra tamin'izay noheverina ny vokatra azo tamin'ny tanjona tokana « fandrindrana ny fiofanana sy ny fandraisana mpiasa ». Araka izany dia mpianatra 3 395 no nampiofanina ary polisy 577 no nahazo fanatsaram-pahaizana, raha novinavinaina ho 250 sy 60 isan'isany.
- *Filaminam-bahoaka :* ho an'ny tanjona hanatsarana ny fomba fiarovana, ny tondromarika nahatratra ny tanjona dia ny fanorenana biraon'ny polisy miisa 5 sy kaomisaria 2 ; ny fanatsarana kaomisaria miisa 12, ny fividianana fiara 3, fitaovana ara-teknika 70 ary fitaovana momba ny informatika miisa 123 ; ny fihenan'ny isan'ny loza namoizana ain'olona hatramin'ny -0,25% sy ny famoahana vahiny tsy ara-dàlana miisa 102 ho any ivelan'ny sisin-tany.

- MINISTERAN'NY FITSARANA

**Fafana 25**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 012 | Fitantanana sy fandrindrana | 78 002 352 000 | 77 260 440 085,42 | 99,05 | 8 | 5 | 3 | 0 | 0 | 62.50% |
| 111 | Fitantanana ny Fitsarana | 16 925 952 000 | 10 964 216 549,26 | 64,78 | 14 | 7 | 6 | 1 | 0 | 50.00% |
| 112 | Fandraharahana ny fonja | 9 065 587 000 | 8 977 901 965,91 | 99,03 | 5 | 5 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 127 | Fampivoarana | 835 720 000 | 745 776 335,23 | 89,24 | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50.00% |
| **FITAMBARANY** | | **104 829 611 000** | **97 948 334 935,82** | **93,44** | **31** | **19** | **11** | **1** | **0** | **61.29%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ho an'ny politika fitantanana ny mpiasa, tafapetraka sy nihavao ny sokajim-pilaharan'asa 10, 16,13% tamin'ireo mpiasa no voakasiky ny politika famadibadihan-toerana, sampan-draharahan'ny fitsarana sy fandraharahana ny fonja miisa 27 sy sampan-draharahan'ny FPJA 10 no tafapetraka sy niasa. Etsy ankilany, tranga 265 koa no nampahafantarina tamin'ny haino aman-jery.
- *Fitantanana ny Fitsarana:* mikasika ny dingam-pikirakirana ireo antontan-taratasy teo anivon'ireo fitsarana, ireo raharaha nentina teo amin'ny Fitsarana an-tampony sy tamin'ireo Fitsarana ambaratonga voalohany dia voatsara araka ny fe-potoana voalaza. Nahatratra 228 ny didim-pitsarana navoakan'ireo Fitsarana 6 momba ny fitantanam-bola. Ambonin'izany, lalàna 10 momba ny fananganan-jaza no natao ary toerana 18 no nentina nampahafantarana izany lalàna vaovao izany.
- *Fandraharahana ny fonja:* momba ny fiarovana ny fonja, nahitana fihenana ny taham-pitsoahana ny fonja, satria raha novinavinaina ho 2% izany dia nihena ho 0,4% hatramin'ny fiafaran'ny taona. Tratra ihany koa ny tanjona tamin'ireo tondromarika rehetra nandrefesana ny tanjona ho fanatsarana ny fomba fiainana ao anatin'ny fonja.
- *Fampivoarana:* toerana 37 no nanaovana fitsirihana, fanadihadiana ifotony ary fanaraha-maso ara-pitantanana, 60% tamin'ireo kojakoja sy fitaovam-piasana no azo mba hamerenana ny hasin'ny Fitsarana. Mikasika ireo fitarainana kosa, 54,05% tamin'ny vinavina 90% no voadinika.

- MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

**Fafana 26**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 013 | Fitantanana sy fandrindrana | 138 075 048 000 | 99 469 625 125,87 | 72,04 | 34 | 19 | 9 | 4 | 2 | 55,88% |
| 114 | Fitantanana ny vola | 1 233 071 505 000 | 1 106 650 147 096,91 | 89,75 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| 115 | Fitantanana ny hetra | 69 590 566 000 | 67 422 157 769,00 | 96,88 | 14 | 2 | 5 | 0 | 7 | 14.29% |
| 116 | Fadin-tseranana | 41 938 439 000 | 40 357 585 883,61 | 96,23 | 24 | 15 | 9 | 0 | 0 | 62.50% |
| 117 | Tahirimbolam-panjakana | 578 470 543 000 | 556 124 683 877,82 | 96,14 | 31 | 10 | 9 | 0 | 12 | 32.26% |
| 129 | Fanaraha-maso ny tetibola sy vola | 23 393 795 000 | 23 044 020 316,74 | 98,50 | 4 | 4 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 130 | Fitantanana ny vola ho an'ny Mpiasam-panjakana | 305 377 003 000 | 304 496 644 072,27 | 99,71 | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75.00% |
| 803 | Hetsika ara-tsosialy | 10 200 000 000 | 7 544 716 974,58 | 73,97 | 6 | 4 | 2 | 0 | 0 | 66.67% |
| **FITAMBARANY** | | **2 400 116 899 000** | **2 205 109 581 116,80** | **91,88** | **118** | **57** | **36** | **4** | **21** | **48,30%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ho fanatsarana ny fomba fandrindrana ny asan'ny Ministera sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy, tatitra fanaraha-maso sy tombana telo (3) momba ny kalitaon'ny asa omena ireo manan-draharaha sy tatitra telo (3) tamin'ny asa vitan'ny ministera no tanteraka.

Mikasika ny fikajiana ireo fotodrafitrasa efa ratsy sy ny fampihenana ny fahasahiranana isan-tokan-trano any amin'ireo faritra sahirana, làlana mirefy 461 km no nohatsaraina, tetezana 6 naorina/nohavaozina ary toby fandanjan'entana 8 no niasa. Tamin'ity tanjona ity hatrany, ankizy latsaky ny 2 taona miisa 227 118 no nahazo tombony tamin'ny paik'ady fanatsarana ny fisakafoanan'ny zaza sy ny ankizy. Ambonin'izany, olona miisa 1 206 828 no nisitraka ny kely indrindra tamin'ny fitsaboana, ny fizaran-tsakafo na ny fanaraha-maso ny fahasalamana eo am-piterahana.

Momba ny fandaminana anatiny ny asa, ny fitantanana ary ny ezaka fanatsarana ny asa nataon'ny mpiasan'ny ministera kosa, nahatratra 75,20% ny mari-drefy tamin'ny fahombiazan'ireto farany raha 29,86% ny vinavina. Teo ihany koa ny tahan'ny famoahana ireo antontan-taratasy vaovao izay nihoatra tamin'izay nantenaina ho azo, izany hoe taha 99,9% hatramin'ny fiafaran'ny taona raha novinavinaina ho 80%.

- *Fitantanana ny vola :* ny tahan'ny fampiasana ny tetibola ankapobeny teo amin'ny famatsiam-bola anatiny dia 83,66% raha 85% ny vinavina. Io elanelana io dia vokatry ny fahataran'ny fanombohana teo amin'ny dingana fampandehanana ny tsenam-baro-panjakana.

- *Fitantanana ny hetra:* tamin'ny tanjona ho fanapariahana ny fandoavan-ketra sy ho fampitomboana ny isan'ny mpandoa hetra, fahombiazana niavaka no hita teo amin'ny vola niditra, satria ny tahan'ny famoriam-bola dia tonga hatramin'ny 102,33% kanefa ny vinavina dia 95% ihany.

Mikasika ny tanjona ho fampanajàna ny fitsipi-pitondra-tena tokony hananan'ny mpiasam-panjakana kosa, tsy tratra ny tanjona ho an'ny tahan'ny fitsirihana sy fanaraha-maso anatiny, ny antony voalaza ho nahatonga izany dia ny fanavaozana ireo raharaha anatiny. Fihaonana 130 no nokarakaraina raha 28 ny vinavina, ho fanatsarana ny fandoavan-ketra sy nanaovana tatitra momba izany.

- *Fadin-tseranana:* ny zava-bita tena niavaka dia ny fikarakarana ireo fanaraha-maso niisa 565, izay nanaovan'ny Sampan-draharahan'ny Fanaraha-maso sy ny Ady amin'ny Hosoka ezaka goavana ; ny fanomezana fampiofanana tany ivelany ho an'ireo mpiasa 77 ; ny fandinihana malaky ireo antontan-taratasy 572 momba ny tetibidy ho an'ny fadin-tseranana ; ny fampidiram-bola tamin'ny fanafaran'entana izay azo hatramin'ny 22% ; ary ny tena niavaka dia ny fahazoana 6,51 lavitrisa Ariary noho ireo sazy vokatry ny fandikan-dalàna tao amin'ny fadin-tseranana. Tsy tahaka ny tamin'ny taona 2016 kosa fa efa niasa avokoa ny TRADENET miisa 15. Tsy nisy birao na sampan-draharaha nampiasa ny SYDONIA WORLD nefa: araka ny fanazavana azo, hatao miandàlana amin'ny 2018 ny fametrahana izany.

- *Tahirimbolam-panjakana :* hiantohana ny fahampian'ny tahirim-bola sy ny mombamomba azy ary ny lanjany ara-panjakana, tratra 100% ny tanjona hampiely izany tany amin'ireo kaominina sy ministera, ny isan-jaton'ny mpiasa manana sata manokana tao amin'ny Tahirimbolam-panjakana ary ny anjara tamin'ny fandoavam-bola tsikelikely.

Ara-dalàna sy voahaja ny fe-potoana famoahana ny lalàna fandravonana ny tetibolam-panjakana, ho fanatsarana ny fitantanana ny vola sy ny kaontin'ireo antokon-draharaham-panjakana, ny taham-pamoriana ny fidiram-bola tsy hetra dia nahatratra hatramin'ny 351,30%. Nisy ihany anefa ny tsy fahombiazana tamin'ireo tondromarika sasan-tsasany. Ny taham-panatanterahana ny lahasa momba ny trosam-panjakana ihany koa dia nahatratra 83,25%, tsy tratra ny tanjona tamin'ny fampielezana ny fanaraha-maso ireo orinasam-panjakana sy ny mpampiasa volam-panjakana, satria ny ampaham-bola tamin'izany dia nentina nanaovana fikarohana teo anivon'ireo Ministera sy Andrim-panjakana. Tsy mbola voaloa ihany koa ireo trosa.

Momba ny drafi-pampandrosoana ny ara-bola, nahitana fihenana ny taham-pidiram-bola isan-tokan-trano raha oharina tamin'ny taon-dasa. Tahaka izany ihany koa ny tahan'ny fanatsarana ny fampidiram-bola vahiny avy amin'ny fanondranan'entana sy ny fanatsarana ny fitantanana ny kitapom-bolam-panjakana. Tanteraka antsakany sy andavany anefa ny fanaraha-maso tamin'ireo kaompaniam-piantohana.

- *Hetsika ara-tsosialy:* ho fanatsarana ireo fotodrafitrasa ifotony sy ny dinidinika teo anivon'ireo kaominina, 100% n'ireo antontan-taratasy voaray dia feno sy ampy araka izay ilaina ary 47,52% tamin'izany no neken'ny mpamatsy vola. Vitsy noho izay novinavinaina ny isan'ny antontan-taratasy fangatahana famatsiam-bola voaray teny anivon'ireo kaominina, noho ny tsy fahampian'ny fanentanana momba ny antontan-taratasy ho karakaraina. Mikasika ny fanombohana ireo tetik'asa « HIMO » niarahana tamin'ny Fanjakana sy ny Fiangonana kosa, olona 460 157 isan'andro no karamaina isan-telo volana. Trano 7 ihany anefa no naorina sy nohatsaraina nanoloana ny vinavina 26.

- *Fanaraha-maso ny tetibola sy vola:* Tratra avokoa ny tanjona tamin'ireo tondromarika rehetra ho fanatsarana ny fanaraha-maso. Araka izany, 75% tamin'ireo sampan-draharaha no nanaovana fitsirihana ary fiofanana 6 no nokarakaraina.
- *Fitantanana ny vola ho an'ny Mpiasam-panjakana:* mba hanatsarana ny rafi-pitantanana sy ny maha olona, tratra ny tanjona teo amin'ny isan'ny rijanteny sy/na dingana nohavaozina isaky ny asa. Vitsy noho izay novinavinaina kosa ny isan'ny trano naorina sy/na nohatsaraina: nesorina tao anatin'ny laharam-pahamehan'ny fandaniam-bola nandritra ny fandrafetana ny LFR, araka izany ny fanatsarana ny trano sasan-tsasany.

- MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY TETI-PIVOARANA

**<u>Fafana 27</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 014 | Fitantanana sy fandrindrana | 8 201 623 000 | 7 666 961 094,45 | 93,48 | 6 | 5 | 1 | 0 | 0 | 83.33% |
| 604 | Toekarena | 26 061 558 000 | 11 842 498 552,18 | 45,44 | 8 | 4 | 4 | 0 | 0 | 50,00% |
| 612 | Teti-pivoarana | 677 275 000 | 408 634 010,00 | 60,34 | 3 | 1 | 2 | 0 | 0 | 33.33% |
| **FITAMBARANY** | | **34 940 456 000** | **19 918 093 656,63** | **57,01** | **17** | **10** | **7** | **0** | **0** | **58,82%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny tanjona amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny vola dia tanteraka hatramin'ny 83,33%. Tsy tratra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola noho ny fahataran'ny fanavaozana ny paik'ady momba ny fampandehanana ny tsenam-panjakana tao amin'ny sorabola RPI (loharanom-bola madio avy eto anatiny) sy ny tsy fandraiketana ny sora-bola momba ny fiofanana, fanadihadiana ary fikarohana.
- *Toekarena :* antonony ihany ny fahombiazana ho an'ity fandaharan'asa ity. Ny zava-bita dia ny fampahafantarana ireo fitaovana 5 momba ny fanomezam-baovao, ny fanentanana sy fanampiana ara-kevitra, ny fandrafetana ny Tatitra ara-toekarena sy ara-bola, ny fisian'ny takela-panondroana ara-toekarena 4 sy ny fampiasana ny dingana filazana sy fanitsiana ny politika sy ny tetik'asa iaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny fampivelarana ny paik'ady fampandrosoana ny firenena.

Nahitana fihenana ny taham-pitomboan'ny toekarena raha oharina tamin'ny vinavina. Izany dia vokatry ny fatiantoka ara-pambolena taorian'ny takaitra navelan'ny rivo-doza sy ny fahataran'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Isan'ny tanjona iray notohizana ihany koa ny fametrahana antontan-kevitra manara-penitra sy azo antoka hamantarana ny toetoetra sy ny fivoaran'ny toekarena. Araka izany, naoty 2 momba ny toetoetry ny toekarena tao anatin'ny vinavina ho 4 sy naoty iray (01) momba ny politika ara-toekarena no nisy hatramin'ny fiafaran'ny taona. Teo amin'ny fandrafetana ny

antontan-kevitry ny politikam-pirenena momba ny fiaraha-miasa ivelan'i Madagasikara kosa, ny 50% n'ny dingana no vita : ny ambiny dia niarahana nanao tamin'ireo ministera hafa.

- *Teti-pivoarana :* tafavoaka ireo antontan-taratasy 2 tari-dàlana ho amin'ny fampivelarana ny maha olona. Mikasika ny fanatsarana ny fiombonana isan-tsehatra sy isam-paritra momba ny politikam-pampandrosoana, politikan-tsehatra 3 tamin'ireo 10 novinavinaina ihany no voadinika sy voarindra, ary faritra 7 fotsiny tamin'ireo 22 no afaka nandrafitra ny paik'adiny.

- MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY FANAVAOZANA NY FITANTANAN-DRAHARAHA, NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY

**Fafana 28**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 041 | Fitantanana sy fandrindrana | 15 809 431 000 | 15 566 415 402,54 | 98,46 | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50.00% |
| 804 | Fiantohana ny tontolo sosialy sy arak'asa ho an'ireo mpiasa | 728 049 000 | 110 717 729,00 | 15,21 | 3 | 1 | 2 | 0 | 0 | 33.33% |
| 805 | Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo zo fototra | 1 110 050 000 | 1 043 365 129,00 | 93,99 | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75.00% |
| 812 | Fanatsarana ny ady amin'ny fampiasana ankizy | 400 716 000 | 381 699 204,00 | 95,25 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 824 | Fanohanana amin'ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa | 31 742 000 | 30 856 600,00 | 97,21 | 9 | 4 | 5 | 0 | 0 | 44.44% |
| 015 | Fitantanana sy fandrindrana | 146 567 000 | 119 399 699,00 | 81,46 | 15 | 8 | 7 | 0 | 0 | 53.33% |
| 118 | Manatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana sy manamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa | 175 457 000 | 157 577 222,40 | 89,81 | 12 | 4 | 8 | 0 | 0 | 33.33% |
| 128 | Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha | 302 048 000 | 293 488 160,00 | 97,17 | 8 | 2 | 6 | 0 | 0 | 25.00% |
| **FITAMBARANY** | | **18 704 060 000** | **17 703 519 145,94** | **94,65** | **56** | **25** | **31** | **0** | **0** | 44.64% |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Asa sy Lalàna sosialy »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny fametrahana sy ny fampiasana ny rafitra fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy ary ny fahavitàn'ny fandinihana ireo antontan-taratasy no zava-bita nanamarika ny tanjona hamerenana ny fitantanan-draharaha eny ifotony. Nefa, noho ny tsy fahampian'ny vola dia tsy nisy sampan-draharaham-paritra nahavita nampandeha ny fitantanan'asa teny ifotony, ary 62% tamin'ireo izay nitsangana tamin'ny taon-dasa ihany no voatokana (tsy voadika tsara le hoe recipiendaire sy décoré (nahazo médaille angamba).

- *Fiantohana ny tontolo sosialy sy arak'asa ho an'ireo mpiasa :* taham-pahombiazana ambany 33,33% no hita tao amin'ity fandaharan'asa ity : tsy tratra ny tanjona tamin'ny fanapariahana ifotony ny rafitra SST sy ny fampielezana / fanatsarana ny sosialin'ny mpiasa (SST). Na izany aza anefa, vita araka ny vinavina ny fanavaozana sy ny fampahafantarana ireo rijanteny mikasika ny SST.

- *Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo zo fototra :* tratra 100% ny tanjona tamin'ny fanajan'i Madagasikara ny fepetra napetraky ny OIT. Mpiasa 1 314 no nahazo

fanabeazana arak'asa tao amin'ny Ivo-toeram-pirenena momba ny Asa ary tafiditra tanteraka tamin'izany avokoa ny fampianarana rehetra novinavinaina. Tsy tahaka izany kosa anefa ny fanajana ny lalàn'ny asa fa nahitana elanelana 20%.

- *Fanatsarana ny ady amin'ny fampiasana ankizy:* tratra ny tanjona napetraka, azo nampiasaina 100% ireo rafitra fandrindrana ny ady amin'ny fampiasana ankizy ary nampiharina ny lamin'asa fiarovana ireo ankizy miasa.

- *Fanohanana amin'ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa :* isan'ny zava-bita niavaka ny fanisàna ireo mpiasa manana asa sahaza, ny fanamarinana ireo fifanarahana arak'asa, ny fizarana taratsy fanomezan-dàlana hiasa ary ny fanentanana ireo mpiara-miombon'antoka 13 074 ara-tsosialy sy mpiara-miombon'antoka 3 119 teny anivon'ny faritra. Tamin'ny fampifandraisana ny tontolon'ny asa sy ny tsenan'asa kosa, ampahany tamin'ny tanjona ihany no tratra, satria ny 60% tamin'ireo fampahafantarana momba ny tsenan'asa no nisy, 70% ny SRAPRs tafapetraka sy niasa ary 50% n'ireo fifanaraham-piaraha-miasa sy/na fiombonan'antoka no vita sonia.

**Iraka « Asam-panjakana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsy tratra afa tsy 50% ny tanjona ho amin'ny fitantanan-draharaha mahomby sy mirindra. Na izany aza, nisy ihany ireo vokatra nivaingana, toy ny fanomezana toro-làlana hatramin'ny 25% ireo manan-draharaha mikasika ireo tahirin-kevitra amin'ny asam-panjakana sy ny asa, ny fahavitàn'ny fandrindrana ireo asan'ny sampan-draharaham-paritra, ny fifanarahan'ny tsena tamin'ny CMP, ny fanomezana tombontsoa ara-tsosialy ny mpiasa miisa 497, ny fikarakarana sy fanatanterahana atrik'asa fampiofanana 3 mikasika ny rafitra fampitam-baovao sy fanaraha-maso tombana, ny fanavaozana sy fandrafetana rijanteny 10. Fitaovana informatika iray ihany anefa no nohavaozina raha 5 ny vinavina ary fametrahana tambazotram-pifandraisana 4 ihany no vita, tsy fahombiazana vokatry ny fitokonana nataon'ny ANRE. Tsy nisy fitaovan-tserasera sy informatika nohavaozina sy novidiana ihany koa. Ary farany, ny biraon'ny DRFPTLS Vatovavy Fitovinany ihany no nohatsaraina tamin'ny vinavina hahavita 5 ary fitaovana sy kojakojam-birao 16 no azo raha 100 ny vinavina, noho ny fahasarotan'ny fitaterana mankany amin'ny faritra.

- *Manatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana sy manamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana :* ny tanjona tratra tamin'ny fanatsarana ny tolotry ny asam-panjakana dia ny fampitomboan-kasina ny asam-panjakana izay vita hatramin'ny 100%, ny fiahiana ny fifaninanana ara-panjakana sy ny fametrahana ny rafitra tsaratsara kokoa hatramin'ny 100%, ny fandrindrana 100% ny asa momba ny fitantanana ny mpiasa sy ny fanafainganana 100% ny famoahana ny antontan-taratasin'ireo mpiasam-panjakana. Ny fametrahana ny rafitra handrindrana ny fiofanana sy ny asa ho fampivelarana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana dia tsy vita araka ny nantenaina satria ny 10% tamin'ireo toeram-piofanana ihany no mampihatra io rafitra io, nahitana elanelana 30% ihany koa ny tahan'ny fahafam-po tamin'ny toro-làlana natao ho an'ireo manan-draharaha.

- *Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha :* mba hampiharana ny politikan'ny governemanta, tratra ny tanjona tamin'ireo tondromarika hanatanterahana ny atrik'asa fankatoavana ny paik'ady GPEEC sy ny fanentanana ny mpiasam-panjakana sy ny mpikambana tao anatin'ireo tetik'asa fanatsarana.Tsy nisy anefa komitim-pitantanana, na komity ara-teknika na vondrom-pikambanana ara-teknika tafatsangana. Tsy nisy mpiasam-panjakana nahazo fiofanana tamin'ny fanovàna sy ny fitantanana ireo tetik'asa fanatsarana. Ny sava-ranon'andro tamin'ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny Repoblika Malagasy sy ny Fanjakana Maraokanina ihany no vita ary nampahafantarina ny masoivoho maraokanina. Ambonin'izany, 30% tamin'ireo famatsiam-bola ny tetik'asa fanatsarana ihany no azo, 10% tamin'ireo tetik'asa fanatsarana no vita teto anivon'ny foibe sy ny faritra ary 33% tamin'ireo lamina fanaraha-maso ny fandraisana mpiasam-panjakana no naseho ho fantatry ny rehetra.

- MINISTERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

**<u>Fafana 29</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 037 | Fitantanana sy fandrindrana | 23 403 433 000 | 23 047 189 705,33 | 98,48 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| 606 | Varotra | 21 220 805 000 | 807 818 244,86 | 3,81 | 5 | 5 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 613 | Fanjifana | 74 000 000 | 57 734 312,00 | 78,02 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| **FITAMBARANY** | | **44 698 238 000** | **23 912 742 262,19** | **53,50** | **9** | **7** | **2** | **0** | **0** | **77.78%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsy tratra afa tsy 54,82% ny tahan'ny fampiasana ny tetibola raha novinavinaina ho 97% izany teny am-piandohana. Na izany aza anefa, tanteraka 98,05% izany teo amin'ny tetibola tsy karama ho fampandehanan-draharaha.
- *Varotra:* nihoatra ny vinavina avokoa ny zava-bita rehetra. Araka izany, didy aman-dalàna 18 momba ny Varotra anatiny sy ny kalitao no voarafitra, fiofanana 30 momba ny fanatsarana ny fahafahan'ny vidin-javatra mifaninana no nomena ireo mpiasa sy ireo mpisehatra ara-toekarena. Teo amin'ny fampivelarana ny takalo ivelany, fivoriana sy/na hetsika hafa momba ny ady hevitra sy ny fifanarahana ara-barotra no nisy. Tanteraka ihany koa ny hetsika 15 fampiroboroboana ny lafiny fanondranan'entana sy hetsika 41 hampivoarana ny seha-barotra iraisam-pirenena.
- *Fanjifana :* tratra ny tanjona tamin'ireo tondromarika 2 napetraka ho fiarovana ny toekarena sy ny mpanjifa, niavaka tamin'izany ny fiofanana sy/na fanomezam-baovao / taratasy fitarainana voadinika / mpandraharaha ara-toekarena naraha-maso izay niisa 11 776 sy hetsika 12 fanatsarana ireo fitaovana sy fampitaovana ara-teknika tamin'ireo sampan-draharaha mpanamarina ara-pahasalamana sy mpiantoka ny fahamarinan'ny refy. Mikasika ny didy aman-dalàna kosa, iray tamin'ireo 4 voasoratra iany no voarafitra.

- MINISTERAN'NY SERASERA SY NY FIFANDRAISANA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA

**Fafana 30**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 821 | Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana | 10 937 688 000 | 10 765 011 579,22 | 98,42 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| 822 | Fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena | 537 462 500 | 514 243 860,00 | 95,68 | 10 | 3 | 7 | 0 | 0 | 30.00% |
| 030 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 857 188 000 | 5 738 659 574,09 | 97,98 | 11 | 8 | 3 | 0 | 0 | 72.73% |
| 212 | Fampitam-baovao | 43 000 000 | 42 971 100,00 | 99,93 | 11 | 4 | 7 | 0 | 0 | 36.36% |
| 213 | Fampivelarana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery | 89 000 000 | 88 764 094,00 | 99,73 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| **FITAMBARANY** | | **17 464 338 500** | **17 149 650 207,31** | **98,20** | **38** | **19** | **19** | **0** | **0** | **50.00%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana »**

- *Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana :* tonga hatramin'ny 120% ny fahafaham-pon'ny Antenimiera niaraka tamin'ireo Andrim-panjakana hafa. Ny fahafaham-pon'ny fahefana mpanatanteraka niaraka tamin'ny Andrim-panjakana hafa dia nananika ny 222%. Tetsy andaniny nefa, tsy hita ny fandrosoan'ireo andrim-panjakana noho ny tsy fahampian'ny fitaovana ara-informatika.

- *Fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena:* ny zava-bita tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia ny fipetrahan'ny rafitra fitahirizana antontan-kevitra sy ny fandrafetana paik'adim-pirenena iray momba ny filatsahana an-tsitrapo. Tsy nifanaraka tamin'ny tanjona ny ezaka nataon'ireo fiarahamonim-pirenena (OSC) : 242 tamin'ireo OSC miisa 500 no voalamina araka ny antom-pisiany, ny andraikiny, ny toerana iasany ; ary tsy nisy vondrona nampiasaina hanara-maso ny fiainan'ny mponina noho ny tsy fisian'ny fitaovana informatika. Tsy nisy fifanaraham-piaraha-miasa vita ihany koa teo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina. Rafitra iray fandrindrana ny dingana amin'ny FIHAVANANA ihany no tafapetraka.

**Iraka « Serasera »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tondromarika maro no nahatratra ny tanjona ho an'ity fandaharan'asa ity, toy ny tahan'ny fampiasana ny tetibola, ny isan'ny tatitra vita, ny isan'ny rafitra fampitam-baovao sy serasera tafapetraka sy niasa, ary ny isan'ny fifanaraham-piaraha-miasa vita sonia. Tetsy andaniny nefa, tsena/fifanarahana 48 fotsiny no nankatoavina raha 540 ny vinavina, vokatry ny tsy fahampian'ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa tety amin'ny foibe sy tany amin'ny faritra. Nahatratra 52% ny tahan'ny fampiharana sy ny fanombanana ny politikan'ny

governemanta momba ny serasera, ny fampitam-baovao ary ny fifandraisana amin'ireo andrim-panjakana. Mikasika ny fitantanana ny mpiasan'ny ministera kosa, mpiasa 98 no nahazo fiofanana raha 75 ny vinavina ary mpiasa 52 no noraisina raha 30 ny vinavina teny am-boalohany. Tsy toy izany kosa anefa fa fifanarahana arak'asa 308 ihany no voalamina sy voamarina raha 550 ny vinavina. Teo amin'ny fitantanana ny fananan'ny ministera, ny antsasaky ny tany sy fanaka ary fotodrafitrasa ihany no voarakitra an-tsoratra.

- *Fampitam-baovao:* teo amin'ny politika sy ny paik'ady momba ny serasera, fiofanana 83 no nokarakaraina ary fandaharana 20 287 no nalefa tamin'ny RNM/TVM sy haino aman-jery tsy miankina. Teo amin'ny fametrahana ny TNT eto Madagasikara, toerana 6 tamin'ny 200 fotsiny no nanaovana fanadihadiana, lalàna 2 ihany no tafapetraka ary toerana 12 fotsiny tamin'ireo 22 novinavinaina no nampidirana ny TNT. Mikasika ny tanjona hampiroborobo ny fiombonan'ny mpilatsaka an-tsitrapo eto madagasikara, tafapetraka avokoa ireo rafitra 4 ary mpilatsaka an-tsitrapo 337 no nahetsika.
- *Fampivelarana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery:* mba hanatsarana ny kalitaon'ny fotodrafitrasa sy ny tolotra amin'ny serasera, fitaovana 2 868 no novidiana raha 316 ny vinavina ary fotodrafitrasa ara-teknika 61 (nahitana tsatokam-pifandrainsana 42, foibe famoahana feo 22 sy famoahana sary 12) no naorina sy nohatsaraina raha 82 ny vinavina teny am-piandohana.

### 2. *Sehatra sosialy*

#### a. __Ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra sosialy__

Hahatanteraka ireo fandaharan'asa laharam-pahamehana, ny sehatra sosialy no sehatra faharoa nahazo sora-bola betsaka indrindra, izay 21,17% tamin'ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana, izay nitentina 1 634,18 lavitrisa Ariary. Iraka 14 no nankinina tamin'ireo ministera 7 tao anatiny, notsinjaraina tao anatin'ny fandaharan'asa 37 sy tanjona 88, izay nahitana tondromarika 145 natao hanombanana ny fahatrarana ireo tanjona napetraka.

Ny 87,59% tamin'ny sora-bola no lany ny fiafaran'ny taona, fandaniana izay nitentina 1 431,41 lavitrisa Ariary. Voasokajy ho isan'ny sehatra nahomby indrindra ny sehatra sosialy, tamin'ny fahatrarana ny tanjona nokendrena hatramin'ny 65,52%, izany hoe tondromarika 95 nahatratra tanjona tamin'ireo 145 nisy. Nahitana fitomboana 16,66% ihany koa ny fahombiazan'ity sehatra ity raha oharina tamin'ny taon-dasa. Ity sehatra ity irery koa no tsy nahitana antontan-kevitra tsy nahazoam-bokatra tamin'ny fiafaran'ny taona. Ny taham-pahatanterahan' ny tanjona napetrak'ireo ministera dia teo anelanelan'ny 87,50% izay an'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, sy 27,78% an'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena.


Ity fafana manaraka ity no mandravona ireo zava-bitan'ny sehatra sosialy:

**Fafana 31** : Zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ireo Ministera tao amin'ny sehatra sosialy

| | | | | Isa | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Andr /Min | Iraka | Fand. | Tanj. | Tanjona | | Zava-bita | Tsy tratra | Tsy voaf. | hafa | Sora-bola | | Fandaniana vita |
| | | | | Teny am- | Farany | | | | | Voalohany | Farany | |
| 7 | 14 | 37 | 88 | 204 | 145 | 95 | 49 | 0 | 1 | 1 545,41 | 1 634,18 | 1 431,41 |

*Loharanom-baovao :* *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Kisary 3** : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2017




*Loharanom-baovao :* *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

.

### b. Fivoaran'ny fahombiazana tao amin'ny sehatra sosialy nandritra ny taona 2017

Nasiam-panitsiana teny anelanelan'ny taom-piasana ny sora-bola nomena ny sehatra sosialy, izay 1 545,41 lavitrisa Ariary tao anatin'ny LFI ka niova ho 1 632,96 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR ary tonga 1 634,18 lavitrisa Ariary tamin'ny fiafaran'ny taona. Raha niampy ny tetibola tamin'ireo ministera 3, izay nahitana ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Ministeran'ny Mponina ary ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, nihena kosa ny an'ireo departemanta sasany.

Nampitomboina ny isan'ny tanjona nokendrena teo anivon'ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Fampiroboroboana ny Asa tànana ary ny Fikajiana ny Vakoka, raha nahena kosa ny an'ny Ministeran'ny Fampananan'asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fampiofanana arak'Asa sy ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika.

**Fafana 32** : Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra sosialy

| Ministera | Fanovàna ny sora-bola | | | | Fanovàna ny isan'ny tondromarika | | Fanovàna ny ezaka ho tratrarina | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Sora-bola (LFI) | Sora-bola (LFR) | Sora-bola farany | Fiova(%) | Vinavina voalohany | Vinavina farany | nampiana | nesorina |
| Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka | 360 847 536 000 | 371 025 806 000 | 372 936 905 500 | 3,35 | 19 | 6 | 1 | 1 |
| Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena | 27 627 356 000 | 26 458 155 000 | 25 528 709 000 | -7,60 | 58 | 18 | | |
| **Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy** | 35 527 551 000 | 43 560 556 000 | 44 888 313 000 | 26,35 | 66 | 66 | | |
| **Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena** | 873 611 395 000 | 944 012 438 000 | 949 153 860 000 | 8,65 | 11 | 11 | | 1 |
| **Ministeran'ny Fampananan'asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fampiofanana arak'Asa** | 48 579 692 000 | 45 653 105 000 | 45 090 471 000 | -7,18 | 17 | 11 | 1 | 7 |
| **Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika** | 186 961 879 000 | 181 343 850 000 | 184 562 423 000 | -1,28 | 24 | 24 | 0 | 14 |
| **Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Fampiroboroboana ny Asa tànana ary ny Fiarovana ny Vakoka** | 12 255 203 000 | 11 902 646 000 | 12 023 552 000 | -1,89 | 9 | 9 | 9 | |
| **FITAMBARANY** | **1 545 410 612 000** | **1 623 956 556 000** | **1 634 184 233 500** | **5,74** | **204** | **145** | **11** | **23** |

*Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

### c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta tao amin'ny sehatra sosialy

- MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

**Fafana 33**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ny

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voa | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 024 | Fitantanana sy fandrindrana | 191 137 182 000 | 181 018 582 876,89 | 94,71 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% |
| 502 | Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra | 28 807 827 000 | 55 911 814 569,25 | 194,09 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0,00% |
| 503 | Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana any amin'ny hopitaly | 27 477 871 000 | 24 424 311 329,96 | 88,89 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0,00% |

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voa | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 504 | Kojakoja ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa | 6 500 038 000 | 5 536 574 720,80 | 85,18 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% |
| 505 | Ady amin'ny valan'aretina | 51 219 076 500 | 19 673 247 765,00 | 38,41 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% |
| 506 | Famelomana sy fampivelarana ny Reny sy ny zaza | 67 794 911 000 | 31 072 109 397,00 | 45,83 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0,00% |
| **FITAMBARANY** | | **372 936 905 500** | **317 636 640 658,90** | **85,17** | **6** | **3** | **3** | **0** | **0** | **50,00%** |

*Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny fanamby hanatsara ny fitantanana tamin'ny alalan'ny fampiofanana ny mpiasan'ny fahasalamana 2 farafahakeliny dia tanteraka sy nihoatra ny vinavina, vokatry ny fandraisana Mpitsabo sy Mpitsabo Mpanampy vaovao.

- *Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra :* tsy tanteraka afa tsy amin'ny ampahany ny fanatsarana ny fahazoan'ny mponina fiahiana ara-pahasalamana. Ny tsy fahampian'ny fampiasana ireo CSB vokatry ny halaviran-tany sy ny olana ara-bolan'ny mponina, indrindra eny ambanivohitra, no antony voalohany nahatonga izany. Elanelana miiba 14,1% no hita ny fiafaran'ny taona, teo amin'ny taham-pampiasana ny fitiliana teny anivon'ireo CSB. Na izany aza anefa, nahitana fihatsarana izany raha oharina tamin'ny taon-dasa, izay 6,5%.

- *Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana any amin'ny hopitaly:* tsy tratra ny tanjona hanatsara ny fanatonan'ny vahoaka ny hopitaly. Raha napetraka ho 3% ny tanjona tamin'ny tahan'ny fahafatesan'ny marary any amin'ny hopitaly, tafakatra 4,6% izany tamin'ny fiafaran'ny taona, vokatry ny fahataran'ny fandraisana an-tànana ireo marary (olana ara-bola).

- *Kojakoja ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa:* voahaja ny fahatongavan'ireo fanafody nampiasaina teny anivon'ireo CSB, noho ny fametrahana rafi-baovao fandrefesana ny filana sy ny tinady.

- *Ady amin'ny valan'aretina:* ny fisian'ny vola niaraka tamin'ny fahatsoran'ny dingana ampiasaina no antony nahatonga ny fihatsarana tamin'ny ady tamin'ny tazomoka. Ny taham-pisian'ny tazomoka teny anivon'ireo CSB dia 0,39% raha novinavinaina ho 8%.

- *Famelomana sy fampivelarana ny Reny sy ny Zaza:* tsy nahatratra afa tsy 26,2% ny taham-piterahan'ny vehivavy teny amin'ny CSB raha 35% ny vinavina. Ny tsy fahampiana ara-bola mahazo ny mponina, andaniny, ary ny tsy fahampian'ny fiahiana ara-pahasalamana ho an'ny reny sy ny zaza (fitaovam-piterahana, tsy fahampian'ny mpampiteraka ...), ankilany, no antony nahatonga ny faharatsian'ny vokatra.

- MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

**<u>Fafana 34</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 045 | Fitantanana sy fandrindrana | 17 385 404 000 | 17 311 946 724,20 | 99,58 | 3 | 0 | 3 | 0 | 0 | 0,00% |
| 301 | Fanatanjahan-tena | 3 512 439 000 | 3 485 270 214,55 | 99,23 | 7 | 1 | 6 | 0 | 0 | 14,29% |
| 302 | Tanora | 4 609 366 000 | 2 656 359 179,65 | 57,63 | 7 | 3 | 3 | 0 | 1 | 42,86% |
| 303 | Fialam-boly | 21 500 000 | 21 478 700,00 | 99,90 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% |
| **FITAMBARANY** | | **25 528 709 000** | **23 475 054 818,40** | **91,96** | **18** | **5** | **12** | **0** | **1** | **27,78%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

**Iraka « Tanora »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsy tratra ny taham-pampiasana ny tetibola, ary nahitana elanelana miiba 3,09%.
- *Tanora :* vokatry ny fanentanana natao nandritra ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora tao Fianarantsoa, ankizy, tanora vehivavy, olona manan-kilema ary vondron'olona voailika miisa 92, hentanina hanana fitondran-tena mendrika sy hazoto no voarakitra an-tsoratra
- Tamin'ny fiafaran'ny taona raha 24 ny tanjona. Tratra nifanaraka tamin'ny vinavina ny tanjona tamin'ny isan-jaton'ny tanora voaaro tamin'ny loza amin'ny lafiny rehetra, toy ny vohoka aloha loatra, ny VIH/SIDA, ny zava-mahadomelina, ny varotr'olona, ny herisetra, fahombiazana vokatry ny fanentanana natao tany Fianarantsoa sy Morondava nandritra ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora sy andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy tanora.

**Iraka « Fanatanjahan-tena »**

- *Fanatanjahan-tena:* tondromarika iray tamin'ireo 7 voasoratra ihany no nahatratra ny tanjona. Taranja olimpika 45 no hita fa nifanaraka tamin'ny vinavina. Fikambanana 152 fotsiny nefa no nizarana fitaovana ara-panatanjahan-tena nanoloana ny vinavina 233 teny am-piandohana. Ambonin'izay, nahena ny famoaham-bolan'ny fanjakana ho fiahiana ara-pahasalamana vokatry ny fanafoanana ireo fihaonana ara-panatanjahan-tena noho ny antony ara-pahasalamana.
- *Fialam-boly:* hetsika fialam-boly sy ara-panatanjahan-tena 10 tamin'ireo tranoben'ny tanora no tanteraka ary nifanaraka tamin'ny vinavina napetraka.

- MINISTERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY

**Fafana 35**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 025 | Fitantanana sy fandrindrana | 12 501 541 000 | 12 286 150 743,98 | 98,28 | 19 | 12 | 7 | 0 | 0 | 63.16% |
| 806 | Fianarana sy fanabeazana ho an'ny Mponina | 80 000 000 | 79 023 200,00 | 98,78 | 5 | 4 | 1 | 0 | 0 | 80.00% |
| 813 | Fampiroboroboana ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina | 725 000 000 | 49 560 400,00 | 6,84 | 9 | 8 | 1 | 0 | 0 | 88.89% |
| 053 | Fitantanana sy fandrindrana | 4 889 000 000 | 1 527 432 050,00 | 31,24 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 807 | Fahasamihafàna sy Fampandrosoana | 3 544 000 000 | 1 232 829 215,00 | 34,79 | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60.00% |
| 814 | Hetsika ara-tsosialy | 12 088 872 000 | 6 222 968 594,80 | 51,48 | 21 | 12 | 9 | 0 | 0 | 57.14% |
| 815 | Fianakaviana sy fahazazana | 11 059 900 000 | 998 547 390,49 | 9,03 | 5 | 5 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **44 888 313 000** | **22 396 511 594,27** | **49,89** | **66** | **46** | **20** | **0** | **0** | **69.70%** |

*Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

**Iraka « Mponina sy Fampandrosoana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* hiantohana ny fandrindrana sy ny fanaraha-maso ireo rafitra mpanatanteraky ny Ministera, naraha-maso 100% ireo sampam-pitantanana teto amin'ny foibe sy tany amin'ny faritra. Fahombiazana tahaka izany koa no hita teo amin'ny fandinihana ireo fifanaraham-piaraha-miasa, ny fanorenana/fanatsarana ireo trano sy ny fandrafetana lalàna.
- *Fianarana sy fanabeazana ho an'ny Mponina :* vokatra 3 no nifanaraka tamin'izay noheverina, dia ny isan'ny fanadihadiana sy fikarohana vita, ny isan'ny hetsika vita sy ny isan'ny rafitra tafapetraka. Tatitra avy tamin'ny faritra 2 ihany anefa no vita raha 4 ny vinavina.
- *Fampiroboroboana ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina:* nihoatra ny tanjona napetraka ny vokatra ho fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina tao anatin'ny rafitra mpanelanelana sy ireo toerana noheverina hanaovana izany. Araka izany, tafakatra 13 551 ireo tokantrano nizarana fanampiana raha 1 000 ny vinavina. Ambonin'izany, taranjam-piofanana 6 mikasika ny famerenana ara-piaraha-monina sy arak'asa no noforonina ary rafitra mpanelanelana 10 notohanana. Mponina 3 377 ihany koa no notohanana tamin'ny alalan'ny fiahiana ara-tsosialy.

**Iraka « Fiahiana ara-tsosialy »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (053):* tratra avokoa ny tanjona tamin'ny fametrahana rafi-pikarakarana iray. Nahitam-pahombiazana araka izany ny 90% tamin'ireo sampan-draharaha ara-teknika ary kaominina sahirana 50 no hita sy voamarina.
- *Fahasamihafàna sy Fampandrosoana :* 3 tamin'ireo tondromarika 5 napetraka tao amin'ity fandaharan'asa ity no vita. Paik'adim-paritra 11 momba ny ady amin'ny tsy fitovian-tsaranga no niasa, araka izany, rafitra fiahiana ara-tsosialy 8 no notohanana ary foibe mpiahy ara-tsosialy 5 no niasa. Nefa, tsy tanteraka afa tsy 20% ny fampandraisana anjara ny vehivavy hiditra eo amin'ny seha-pitantanana. Tsy nisy fanentanana natao ho an'ny vehivavy mikasika ny fitantanana ny rano, noho ny fanaovana ho laharam-pahamehana ireo hetsika hafa.
- *Hetsika ara-tsosialy :* olona miisa 200 no noheverina hahazo tombony tamin'ny fiahiana ara-tsosialy fototra, nefa tafakatra 78 142 no afaka nisitraka izany hatramin'ny fiafaran'ny taona. Nihoatra lavitra tamin'ny vinavina ny isan'ny olona manan-kilema nahazo fiahiana araka ny zo maha-olona ho an'ireo tena mahantra sy sahirana, ny fanatsarana ny tolotra teo amin'ny fanampiana ara-tsosialy : olona manan-kilema 100 no nisitraka izany raha 100 ny vinavina. Tsara ihany koa ny vokatra teo amin'ny isan'ny olona/tokan-trano nampiana ara-tsosialy : mpisitraka 187 488 raha 8 500 ny vinavina. Kanefa, tsy nisy kosa ny zava-bita tamin'ireto tondromarika manaraka ireto : tokan-trano nisitraka ny lamina amin'ny fandriam-pahalemana sy ny fiahiana ny fahasalamana amin'ny asa, fanorenana tranom-bokatra teny anivon'ireo kaominina sahirana, tokan-trano nampiana ara-bola sy nomena masomboly, ary farany, lamin'asa notohanana ara-bola.
- *Fianakaviana sy fahazazana :* tratra avokoa ny tanjona tamin'ireo tondromarika voasoratra, ary nihoatra ny vinavina mihitsy aza ny vokatra azo. Araka izany, ankizy tsy misy mpiahy miisa 7 127 no noraisin'ny RPE (Réseau Protection de l'Enfance) an-tànana, ankizy 10 525 no nahazo fitaovam-pianarana tany amin'ny faritra ary mpisehatra 465 no nomena fiofanana. Tsy nisy anefa ny tsoa-kevitra momba izany tamin'ny faran'ny taona.

- MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

**Fafana 36**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 027 | Fitantanana sy fandrindrana | 582 527 177 000 | 578 599 448 254,86 | 99,33 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 304 | Fahazazana | 680 000 000 | 666 086 740,00 | 97,95 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 305 | Fampianarana fototra ambaratonga voalohany | 3 871 154 000 | 3 792 209 210,00 | 97,96 | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50.00% |
| 306 | Fampianarana fototra ambaratonga faharoa | 338 929 127 000 | 225 295 704 126,58 | 66,47 | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50.00% |

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 307 | Fampianarana mamaky teny sy manoratra | 11 172 751 000 | 10 648 789 839,78 | 95,31 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| 048 | Fitantanana sy fandrindrana | 6 622 505 000 | 6 599 687 648,00 | 99,66 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 308 | Fampianarana ambaratonga faharoa | 5 351 146 000 | 5 085 086 021,39 | 95,03 | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50.00% |
| **FITAMBARANY** | | **949 153 860 000** | **830 687 011 840,61** | **87,52** | **11** | **7** | **4** | **0** | **0** | **63.64%** |

*Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

**Iraka « Fanabeazana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tamin'ny fanatsarana ny tolotra amin'ny asam-panjakana, nahatratra 72,52% ny tahan'ny fandraiketana ny fandaniam-bola tsy karama. Araka izany, nihoatra lavitra ny fahatrarana ity tanjona ity vokatry ny ezaka nataon'ireo mpisehatra tamin'ny tetibola.
- *Fahazazana :* ny fanentanana natao nandritra ny taona 2017 no nahatonga ny fahombiazana tamin'ity fandaharan'asa ity, ka nahafahana nampiakatra ny tahan'ny fampidirana an-tsekoly ny zaza 3 hatramin'ny 5 taona, avo roa heny tamin'ny tanjona ny vokatra azo.
- *Fampianarana fototra ambaratonga voalohany :* tamin'ny tanjona hanatsara ny fampianarana ambaratonga voalohany, nahatratra 68% ny taham-pahavitàn'ny ankizy ny dingana voalohany, vokatry ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpampianatra. Tsy toy izany anefa fa niakatra ny tahan'ny famerenan-taona noho ny tsy fahampian'ny fiofanana momba ny fahaiza-mampianatra nomena ireo mpampianatra tsy mpiasam-panjakana.
- *Fampianarana fototra ambaratonga faharoa :* tsy tratra ny tanjona noho ny fihenan'ny taham-pahavitàna ity dingana ity. Na izany aza anefa, voatazona ho 12,5% tahaka izay novinavinaina tao amin'ny filazam-pahombiazana ihany ny tahan'ny famerenan-taona.
- *Fampianarana mamaky teny sy manoratra :* tsy tratra ny tanjona hanafoana ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra. Elanelan'isa 11 375 no hita teo amin'ny olona mihoatra ny 15 taona noheverina hahay hamaky teny sy hanoratra, noho ny olana ara-potodrafitr'asa. Na dia efa niorina aza mantsy izany dia mbola tsy afaka nampiasain'ireo mpianatra.

**Iraka « Fampianarana ankapobeny »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (048) :* teo amin'ny fanatsarana ny asam-panjakana, vita tsara ny fandraiketana ireo fandaniam-bola tsy karama noho ny ezaka nataon'ireo mpisehatra ara-tetibola.
- *Fampianarana ambaratonga faharoa:* nahatratra 20,3% ny taham-pahavitàn'ny mpianatra ity dingana ity raha 18% ny vinavina. Nahitana fitomboana kosa anefa ny tahan'ny famerenan-taona noho ny tsy fitozoan'ireo mpianatra.

- MINISTERAN'NY FAMPANANAN'ASA, NY FAMPIANARANA TEKNIKA ARY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA

**Fafana 37** : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 607 | Fanohanana ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa sahaza | 30 468 336 000 | 29 965 155 701,82 | 98,35 | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60.00% |
| 049 | Fitantanana sy fandrindrana | 13 624 071 000 | 12 867 251 981,86 | 94,44 | 3 | 3 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 309 | Fiofanana ara-teknika «initiale» sy arak'asa | 998 064 000 | 928 537 239,04 | 93,03 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| **FITAMBARANY** | | **45 090 471 000** | **43 760 944 922,72** | **97,05** | **11** | **8** | **3** | **0** | **0** | **72.73%** |

Loharanom-baovao : *Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

**Iraka « Fampananan'asa »**

- *Fanohanana ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa sahaza:* tratra ny tanjona hampisondrotra ireo tanora manana asa sy ireo tsy manana asa, raha ampitahaina tamin'ny tahan'ny tanora nahazo fiofanana, tamin'ny isan'ireo niofana sy ny isan'ireo olona nampiofanina arak'asa tany ivelany. Tetsy andaniny, tsy nahatratra ny tanjona ny tondromarika momba ny isan'ny mpiara-miombon'antoka tsy miankina niaraha-niasa sy ny isan'ny tetik'asa notohanana.

**Iraka « Fampianarana teknika sy Fampiofanana arak'Asa »**

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tratra ny tanjona tamin'ny tahan'ny fandrosoan'ny fampiharana ny politikam-pirenena momba ny fampananan'asa sy ny Fampiofanana arak'Asa, avo roa heny noho ny vinavina ny vokatra azo.
- *Fiofanana ara-teknika «initiale» sy arak'asa:* mpianatra 270 tao anatin'ny mponina 100 000 fotsiny no nahazo fiofanana, raha 500 ny vinavina teny am-piandohana, noho ny tsy fisian'ny toromarika azo antoka. Na izany aza anefa, tanteraka araka izay nantenaina ny tanjona tamin'ny fanatsarana ny kalitao.

- MINISTERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA

**Fafana 38**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 028 | Fitantanana sy fandrindrana | 168 664 479 000 | 167 797 211 723,62 | 99,49 | 6 | 6 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 310 | Fampianarana ambony | 4 610 119 000 | 3 999 597 479,00 | 86,76 | 10 | 9 | 1 | 0 | 0 | 90.00% |
| 050 | Fitantanana sy fandrindrana | 9 487 840 000 | 8 553 252 823,80 | 90,15 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| 311 | Fikarohana siantifika | 1 799 985 000 | 1 709 020 862,30 | 94,95 | 5 | 4 | 1 | 0 | 0 | 80.00% |
| **FITAMBARANY** | | **184 562 423 000** | **182 059 082 888,72** | **98,64** | **24** | **21** | **3** | **0** | **0** | **87.50%** |

Loharanom-baovao : *Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

**Iraka « Fampianarana Ambony »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tratra avokoa ny tanjona tamin'ny fanatsarana ny fitantanana ny rafitra, ny fanatsarana ny fitantanana ny fanànana, ny fanatsarana ny fanaraha-maso ny rafi-pampianarana ambony ary ny fiantohana ny filaminana tany anatin'ireo Anjerimanontolo.

- *Fampianarana ambony :* nahitana fahombiazana ity fandaharan'asa ity satria ny tondromarika 9 tamin'ireo 10 napetraka dia nahatratra ny tanjona avokoa. Nahafa-po ny ankamaroan'ny zava-bita satria ny vokatra azo dia nihoatra lavitra noho izay novinavinaina. Nahitana fitomboana be ny isan'ny mpianatra voasoratra anarana tamin'ny fampiofanana ampitain-davitra, raha 4 500 ny vinavina, tafakatra 23 193 izany ny fiafaran'ny taona, ka ny 29% tamin'izy ireo dia mpiasa sy matihanina. Mpianatra 598 no nisy tao anatin'ny mponina 100 000 raha 100 ny vinavina teny am-piandohana. Ambonin'izany, 70% tamin'ireo Anjerimanontolo no voarakotry ny tambazotra WIFI sy nahitana fotodrafitrasam-panatanjahan-tena nohatsaraina. Ivon-toeram-pampianarana ambony miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana 3 ihany anefa no nahazo fankatoavana, raha 30 ny vinavina teny am-piandohana.

**Iraka « Fikarohana Siantifika »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tratra ny tanjona tamin'ny ankamaroan'ireo tondromarika, nahitana ny fanavaozana ireo antontan-kevitra vaovao voaangona (filazalazana momba ny fikarohana) sy ny fahavitàn'ireo rijan-teny 7 hanatsarana ny fototra ijoroan'ny CNRS mba hampiharana ny paik'adim-pirenena momba ny fikarohana.

- *Fikarohana siantifika :* tsy tanteraka ny tanjona hampahafantatra ireo voka-pikarohana momba ny fampandrosoana ny toekarena. Tsy nisy taratasy tafapetraka noho ny fahasarotan'ny dingana fikarakarana izany, izay isan'ny sakana tao anatin'ny dingana fampahafantarana ireo voka-pikarohana.

- MINISTERAN’NY KOLONTSAINA, NY FAMPIROBOROBOANA NY ASA TANANA ARY NY FIAROVANA NY VAKOKA

**Fafana 39** : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran’ny fandaharan’asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 046 | Fitantanana sy fandrindrana | 7 113 774 000 | 6 923 640 810,04 | 97,33 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 611 | Fampandrosoana ny Asa-tànana | 633 000 000 | 596 153 534,80 | 94,18 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| 029 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 178 201 000 | 1 953 019 482,17 | 89,66 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 808 | Vakoka | 776 802 000 | 734 250 889,08 | 94,52 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| 809 | Famoronana | 1 012 175 000 | 919 339 517,00 | 90,83 | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0.00% |
| 810 | Hetsika ara-kolontsaina | 309 600 000 | 271 400 124,60 | 87,66 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **12 023 552 000** | **11 397 804 357,69** | **94,80** | **9** | **5** | **4** | **0** | **0** | **55.56%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR sy RAP 2017*

**Iraka « Asa-tànana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (046):* tratra ny tanjona ho fanatsarana ny kalitaon’ny asam-panjakana : tanteraka araka ny vinavina ny tahan’ny fampiasana ny tetibola. Ny antontan-taratasy sy karaman’ireo ECD ihany koa dia voakarakara sy voaloa ara-potoana.

- *Fampandrosoana ny Asa-tànana :* mba hahatonga ny mpanao asa tànana ho matihanina, mpanao asa-tànana 600 no novinavinaina hampiofanina, avo telo heny nefa izany tamin’ny fiafaran’ny taona. Fahombiazana tahaka izany koa no hita teo amin’ny fampivondronana ireo mpanao asa-tànana ho orinasa madinika iray. Tsy toy izany kosa anefa fa fampiratiana asa-tànana 19 tamin’ireo 30 novinavinaina ihany no tafapetraka vokatry ny fihenan’ny sora-bola tao anatin’ny LFR.

**Iraka « Kolontsaina »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (029) :* ity no fandaharan’asa tokana tanteraka hatramin’ny 100%, ny fahafenoan’ny asa natao dia 80% araka ny vinavina, vokatry ny famoahana ireo antontan-taratasy araka ny fe-potoana nomena, ny fanatsarana ny asa sy ny fanaovana ho matihanina ireo mpiasa.

- *Vakoka :* vakoka 17 tamin’ireo 20 novinavinaina no nohatsaraina sy nokajiana, mba hanomezan-danja ny vakoka sy ny sy ny foibe ara-kolontsaina malagasy.

- *Famoronana :* raha teknisianina sy mpandraharaha ara-kolontsaina 60 no novinavinaina hampiofanina mba ho fampivoarana ny famoronana, 33 tamin’izy ireo ihany no nahazo izany. Ambonin’izany, tamin’ireo famoronana vaovao 30 nantenaina ho tohanana mikasika ny famoronana taozavatra, asa tànana, fahaiza-miteny sy asa soratra, 20 ihany no nahazo fanohanana.

- *Hetsika ara-kolontsaina :* hetsika ara-kolontsaina 40 no notohanana tany amin'ireo faritra, tanjona izay tratra nifanaraka tamin'ny vokatra nandrasana.

### 3. *Sehatra famokarana*

#### a. **Ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao amin'ny sehatra famokarana**

Ity no sehatra nanana sora-bola kely indrindra, tsy nahazo afa tsy ny 9,56% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobe izy, izay nitentina 705,12 lavitrisa Ariary. Tamin'ny fiafaran'ny taona, ny adidy ara-bola nataony dia nahatratra 353,33 lavitrisa Ariary, izany hoe taham-pandaniam-bola 50,11%.

Ho famaritana ny fahombiazana, ny ministera 7 dia nanankinana iraka 7, izay tanterahina amin'ny fandaharan'asa 17 sy tanjona 64, ka ny fahatanterahan'izany dia tombanana amin'ny alalan'ny tondromarika 135. Na dia teo aza ny sora-bola voafetra miohatra tamin'ireo sehatra hafa, ny sehatra famokarana no sehatra faharoa nahomby indrindra, taorian'ny sehatra sosialy, tamin'ny taham-pahavitàn'ireo tondromarika izay nahatratra 59,26% raha 51,11% izany tamin'ny 2016.


Ny zava-bitan'ny sehatra famokarana tamin'ny fampiasana ny sora-bola sy ny fahombiazana dia fintinina ao amin'ity fafana manaraka ity:

**Fafana 40** : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana

| Isa | | | | | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Andr/ Min** | **Iraka** | **Fand.** | **Tanj.** | **Ezaka ho tratrarina** | | **Zava-bita** | **Tsy tratra** | **Tsy voaf aritr a** | **Hafa** | **Sora-bola** | | **Fandaniana vita** |
| | | | | **Teny am-piando** | **Farany** | | | | | **Voalohany** | **Farany** | |
| 7 | 7 | 17 | 64 | 184 | 135 | 80 | 48 | 3 | 4 | 661,48 | 705,12 | 353,33 |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Kisary 4** : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2017 (amin'ny %)




*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**b. <u>Fivoaran'ny fahombiazana ho an'ny sehatra famokarana nandritra ny taona 2017</u>**

Ny vinavinam-pandaniam-bola ho an'ny sehatra famokarana dia napetraka ho 661,48 lavitrisa Ariary, ary tafakatra 705,12 lavitrisa Ariary ny fiafarany, izany hoe fitomboana 6,60%.

Nasiam-panitsiana ny tanjona 19 ho tratrarin'ireo tondromarika, ka ny 13 dia nahena ary ny 6 nampitomboina. Ireto fanitsiana ireto dia hita teo anivon'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Solitany, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Haivoary sy ny Ala, ary koa Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana. Na dia nahena kosa aza anefa ny sora-bola natokana ho an'ny Ministeran'ny Indostria, ny Ministeran'ny Fizahan-tany sy ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Harena anaty rano sy ny Jono, notazonina hatrany ireo tanjona napetrak'izy ireo tao amin'ny LFI.

Ity fafana ambany ity no maneho ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra famokarana nandritra ny taona 2017.

**<u>Fafana 41</u>**: Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra famokarana

| Ministera | Fanovàna ny sora-bola | | | | Fanovàna ny isan'ny tondromarika | | Fanovàna ny tanjona kendrena | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Sora-bola (LFI) | Sora-bola (LFR) | Sora-bola farany | Fiova (%) | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Nampiana | Nanesrorana |
| Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny sehatra tsy miankina | 12 066 894 000 | 11 337 815 000 | 11 563 442 000 | -4,17 | 11 | 11 | | |
| Ministeran'ny Fizahan-tany | 10 392 985 000 | 9 598 419 000 | 9 816 923 000 | -5,54 | 4 | 4 | | |
| Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana | 508 356 741 000 | 536 071 840 000 | 534 952 131 000 | 5,23 | 96 | 45 | 1 | 9 |
| Ministeran'ny Jono sy ny Harena anaty rano | 50 148 117 000 | 47 189 070 000 | 47 067 055 000 | -6,14 | 15 | 14 | | |
| | | | | | | | | |
| Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Haivoary ary ny Ala | 66 469 328 000 | 86 380 727 000 | 86 236 399 000 | 29,74 | 9 | 9 | | 3 |
| Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Harena anaty rano sy ny Jono misahana ny Ranomasina | 3 987 153 000 | 3 643 099 000 | 3 413 718 000 | -14,38 | 35 | 35 | | |
| Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika miadidy ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Solitany | 10 061 165 000 | 11 875 612 000 | 12 066 697 000 | 19,93 | 14 | 17 | 5 | 1 |
| **FITAMBARANY** | **661 482 383 000** | **706 096 582 000** | **705 116 365 000** | **6,60** | **184** | **135** | **6** | **13** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

### c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo Departemanta ao amin'ny sehatra famokarana

- MINISTERAN'NY INDOSTRIA SY NY FAMPANDROSOANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

**Fafana 42** : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 051 | Fitantanana sy fandrindrana | 8 273 212 000 | 8 051 133 614,20 | 97,32 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| 605 | Indostria | 3 290 230 000 | 657 119 010,80 | 19,97 | 8 | 6 | 2 | 0 | 0 | 75.00% |
| **FITAMBARANY** | | **11 563 442 000** | **8 708 252 625,00** | **75,31** | **11** | **8** | **3** | **0** | **0** | **72.73%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tafahoatra ny tanjona avokoa ny vokatra azo, ankoatra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola izay tsy nahatratra afa tsy 75,97%, raha notombanana ho 91%, noho ny olana tamin'ny famatsiam-bola avy any ivelany.
- *Indostria :* nahitam-pahombiazana nahafa-po hatramin'ny 75% ny asa natao. Tondromarika 6 no nahatratra ny tanjona, ka ny tsara indrindra dia ny fanatsarana ireo PME/PMI sy fikambanana miisa 340, ny fametrahana ireo vondrona mpanodina miisa 67 ho fampivoarana ireo indostria amin'ny fanatsarana ny fahaiza-manaony, ny fanetsehana indray ny IMI (Institut Malgache d'Innovation) sy ny fampiroboroboana ireo taranjam-pamokarana indostrialy 22 (mangahazo sy fary mba hamokarana ethanol).

- MINISTERAN'NY FIZAHAN-TANY

**Fafana 43**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 040 | Fitantanana sy fandrindrana | 3 391 788 000 | 3 362 565 718,40 | 99,14 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 608 | Fampandrosoana ny fizahan-tany | 4 756 262 000 | 4 633 311 779,81 | 97,41 | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0.00% |
| 610 | Fampandrosoana ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany | 1 668 873 000 | 1 666 993 470,78 | 99,89 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| **FITAMBARANY** | | **9 816 923 000** | **9 662 870 968,99** | **98,43** | **4** | **1** | **3** | **0** | **0** | **25.00%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tratra ny tanjona hanatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana. Araka izany, voahaja araka ny vinavina ny fe-potoana fandinihana ireo antontan-taratasim-panjakana.

- *Fampandrosoana ny fizahan-tany:* ny fanatsarana ny tanjaky ny fizahan-tany no tanjona tokana napetraka ho an'ity fandaharan'asa ity, tsy tanteraka ny tanjona. Ny tsy fisian'ny antontan-kevitra tamin'ny fiafaran'ny taona no nahatonga ny elanelana hita teo amin'ny isan'ny mpizahan-tany tonga nitsidika sy ny vola nampidirin'ity sehatra ity.
- *Fampandrosoana ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany:* ny fahatarana sy ny famerana ny fanatanterahana io tetik'asa io no antony niteraka ny elanelana tamin'ny zava-bita momba ny fampanaraham-penitra ny sehatry ny fizahan-tany. Raha toerana fandraisam-bahiny 664 no noheverina ho arahi-maso sy hamarinina, 614 tamin'ireo ihany no tanteraka.

- MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

**<u>Fafana 44</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 061 | Fitantanana sy fandrindrana | 28 224 690 000 | 27 741 623 908,23 | 98,29 | 18 | 15 | 3 | 0 | 0 | 83.33% |
| 411 | Fambolena | 497 843 880 000 | 256 023 790 842,90 | 51,43 | 17 | 12 | 5 | 0 | 0 | 70.59% |
| 412 | Fiompiana | 8 883 561 000 | 7 155 575 550,00 | 80,55 | 10 | 4 | 6 | 0 | 0 | 40.00% |
| **FITAMBARANY** | | **534 952 131 000** | **290 920 990 301,13** | **54,38** | **45** | **31** | **14** | **0** | **0** | **68.89%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* maro ny vokatra tsara tao amin'ity fandaharan'asa ity, satria nihoatra lavitra noho izay noheverina teny am-piandohana ny vokatra azo. Araka izany, mpiomana ho teknisianina ara-pambolena 207 no nampiofanina, fivoriana fanentanana 530 no vita, fandaharana 18 no nandeha tamin'ny haino aman-jery, mpiasa 513 no nahazo fiofanana, tetik'asa fiaraha-miombon'antoka vaovao 13 no nisy vokatry ny fifanakalozana tamin'ireo firenena vahiny ary ny fandrafetana naoty 12 hahazoana masomboly hamokaram-bary tsaratsara kokoa sy mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Ny tsy fahampian'ny tetibola no nanakana ny fanatanterahana ireo asa fanohanana mivantana teny anivon'ny faritra rehetra. Ambonin'izany, ny tsy fahafahana namoaka ireo sora-bola voarakitra tamin'ny SOA sasan-tsasany no niteraka ny elanelana tamin'ny tahan'ny fampiasana ny tetibola.
- *Fambolena :* mba hanatsarana ny asan'ireo mpamokatra, fikambanana tantsaha 4 217 no novinavinaina hotohanana, nefa tafakatra hatramin'ny 9 241 ny vokatra, noho ny fanampiana sy fanohanana ireo tetik'asa isan-karazany. Mpamokatra 42 318 ihany koa no nampiana tamin'ny fampiasana fitaovana ho enti-mamboly, raha 35 000 ny vinavina. Nihoatra lavitra ihany koa ny fahatrarana ny tanjona tamin'ny fandinihana ny velaran-tany ho volena, ny fampiofanana ireo fikambanan'ny tantsaha sy ny fampielezana ireo teknika fanatsarana. Tetsy andaniny nefa, isan'ny

sakana tamin'ny fampandrosoana ny maha izy azy ny taranja zava-maniry sy ny fiarovana ireo toha-drano mpanondraka ny fampihenana ny tetibola sy ny tsy fahampian'ny rotsak'orana.

- *Fiompiana:* ny fihenana ny tetibola no tsy nahafahana nahatratra ny tanjona ho an'ireo tondromarika hametrahaka ivon-toeram-pampiterahana manokana sy ny hampiofana ireo teknisianina momba ny biby. Teo ihany koa ny tsy fahampian'ny vilona ho volena, izay niteraka ny elanelana hita teo amin'ny tondromarika ho fanatsarana ireo tanim-boly. Tsy toy izany kosa anefa fa nahafa-po ny vokatra tamin'ny isan'ireo omby vita vakisiny, ny fanatsarana ny fampiasana sy ny fametrahana ireo toeram-pampisotroan-drano ny biby.

- MINISTERAN'NY HARENA ANATY RANO SY NY JONO

**Fafana 45**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 033 | Fitantanana sy fandrindrana | 9 650 011 000 | 9 560 528 049,80 | 99,07 | 7 | 4 | 3 | 0 | 0 | 57.14% |
| 408 | Fampandrosoana ny jono sy ireo harena anaty rano | 37 417 044 000 | 3 650 389 288,64 | 9,76 | 7 | 6 | 1 | 0 | 0 | 85.71% |
| **FITAMBARANY** | | **47 067 055 000** | **13 210 917 338,44** | **28,07** | **14** | **10** | **4** | **0** | **0** | **71.43%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* nafindra ho amin'ny fividianana fiarakodia ny tetibola natokana hananganana sy hanatsarana ny toeram-piasana taorian'ny fampiharana ny LFR, antony tsy nampisy ny fanorenana sy fanamboarana trano.

- *Fampandrosoana ny jono sy ireo harena anaty rano:* nihoatra lavitra ny vinavina ny isan'ny haza an-dranomasina azo, ny isan'ny teknisianina sy mpiompy nahazo fiofanana ary ny isan'ny fahazoan-dàlana hanjono voazara. Ny tsy fahampian'ny vola kosa no sakana tsy nahatanteraka ireo fanadihadiana ara-antontan'isa teny anivon'ireo faritra mba hitantanana ny harena anaty rano.

- MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA , NY HAI-VOARY ARY NY ALA

**Fafana 46**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 017 | Fitantanana sy fandrindrana | 12 503 400 000 | 11 900 092 051,93 | 95,17 | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75.00% |
| 701 | Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary | 73 202 764 000 | 7 417 826 097,65 | 10,13 | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66.67% |
| 703 | Fampandrosoana ny lamina momba ny tontolo iainana | 530 235 000 | 250 251 929,80 | 47,20 | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **86 236 399 000** | **19 568 170 079,38** | **22,69** | **9** | **7** | **2** | **0** | **0** | **77.78%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* nihatsara tokoa ny fampitam-baovao mikasika ny ala sy ny tontolo iainana tamin'ny alalan'ny lohahevi-piofanana 45 sy atrik'asa « IEC » 15. Izany dia vokatry ny fanaovana ho laharam-pahamehana ireo atrik'asa momba izany. Fahombiazana tahaka izany koa no hita tamin'ny fanorenana na fanatsarana trano.
- *Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary:* na dia teo aza ny tsy fahampian'ny vola, fanaraha-maso 198 tany amin'ireo faritra arovana no vita.
- *Fampandrosoana ny lamina momba ny tontolo iainana:* nahatratra ny tanjona avokoa ireo tondromarika 2 tao anatin'ity fandaharan'asa ity, nihoatra ny vinavina mihitsy aza ny vokatra azo. Ny fandraisana andraikitra nataon'ny Foibem-pitantanana ny Tontolo Iainana sy ireo Foibem-paritra ary koa ireo sampan-draharaha ara-teknika no nahatonga izany.

- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY HARENA ANATY RANO SY NY JONO MISAHANA NY RANOMASINA

**Fafana 47**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 059 | Fitantanana sy fandrindrana | 3 332 218 000 | 2 996 116 141,60 | 89,91 | 14 | 10 | 4 | 0 | 0 | 71.43% |
| 410 | Fiarovana ny ranomasina sy ireo harena ao anatiny | 81 500 000 | 72 740 760,00 | 89,25 | 21 | 9 | 9 | 0 | 3 | 42,85% |
| **FITAMBARANY** | | **3 413 718 000** | **3 068 856 901,60** | **89,90** | **35** | **19** | **13** | **0** | **3** | **54,29%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsy tratra ny tanjona tamin'ny tahan'ny fampiasana ny tetibola, noho ny fahataran'ny fanombohan'ny fandraiketana ny famoaham-bola sy ny fahataran'ny fanendrena ireo mpisehatra. Tsy nisy notanterahina ireo tondromarika mikasika ireo kaontim-pitaovana sy ireo fanadihadiana fanamarinana anatiny. Tetsy andaniny anefa, tanteraka araka izay

nantenaina ireto tondromarika ireto: fandaminana ny maha ara-panjakana, ny fiofanan’ny mpiasa, ny fampidirana ny fifandraisana miodina haingana ary ny fandinihana ireo antontan-taratasy manana olana.

- *Fiarovana ny ranomasina sy ireo harena ao anatiny:* ny tsy fahombiazana hita tao anatin’ity fandaharan’asa ity dia noho ny ankamaroan’ireo tetik’asa ara-teknika izay mbola teo am-panombohana, ka tsy afaka navoaka tao anatin’ny fotoana fohy ny vokatra azo. Na dia vao nanomboka ny asany aza anefa ity departemanta ity dia nahatanteraka asa maro, toy ny fametrahana rafitra informatika ara-tsiantifika iray, ny fametrahana tahirin’antontan-kevitra ara-tsiantifika iray azo antoka, ny fandrafetana tahirin-kevitra iray fandaminana ny fari-dranomasina ary ny fandrafetana ireo lalàna momba ny ranomasina.

- MINISTERA EO ANIVON’NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY HARENA AN-KIBON’NY TANY SY NY SOLIKA

**<u>Fafana 48</u>**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran’ny fandaharan’asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratr a | Tratra | Tsy tratr | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 019 | Fitantanana sy fandrindrana | 8 368 257 000 | 7 211 235 822,40 | 86,17 | 6 | 2 | 3 | 1 | 0 | 33.33% |
| 609 | Fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon’ny tany | 3 698 440 000 | 985 407 641,00 | 26,64 | 11 | 2 | 6 | 2 | 1 | 18.18% |
| **FITAMBARANY** | | **12 066 697 000** | **8 196 643 463,40** | **67,93** | **17** | **4** | **9** | **3** | **1** | **23.53%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tratra ny tanjona tamin’ny fampiasana ny tetibola na dia nahitana elanelana kely 3,55% aza. Tsy nisy antontan’isa ny antontan-kevitra momba ny tahan’ny mpiasa nahazo fitsaboana nify, satria mbola teo an-dàlam-panamboarana ny trano hanaovana izany.
- *Fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon’ny tany:* tsara ny vokatra tamin’ny tanjona hanatsara ny vola ampidirin’ny harena an-kibon’ny tany. Araka izany, raha novinavinaina ho 1 080 lavitrisa Ariary ny vola mety hiditra, nahatratra 2 371,17 lavitrisa Ariary kosa ny vola niditra marina, izany hoe taham-pamoriam-bola 219%. Maivana kosa ny vokatra tamin’ireo tondromarika ambiny.

### 4. *Sehatra fotodrafitrasa*

#### a. <u>Ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin’ireo Andrim-panjakana sy Ministera tao anatin’ny sehatra fotodrafitrasa</u>

Ho fitantanana ireo asa teo anivon’ny sehatra fotodrafitrasa, ny ministera 5 izany nandrafitra azy dia nanana iraka 11, nozaraina tamin’ny fandaharan’asa 22 ary notanterahina tamin’ny alalan’ny tondromarika 77. Mba hahatongavana amin’ireo tanjona ireo dia nomena sora-bola nitentina 1 178,76 lavitrisa Ariary ity sehatra ity, izay 15,99% tamin’ny fitambaran’ny tetibola ankapoben’ny

fanjakana. Ny fandaniam-bola rehetra hatramin'ny fiafaran'ny taona dia nahatratra 393,01 lavitrisa Ariary, izany hoe taham-pandaniana 33,34%.

Na dia nahitam-pahombiazana ambonin'ny 50% ny zava-bitan'nyty sehatra ity dia mbola laharana farany izany fahombiazana izany, ny fahatrarany ny tanjona dia 53,25%. Izy ihany koa no sehatra tokana nahitana fihemorana raha oharina tamin'ny taon-dasa, izay nahavita 53,95%.


Ny fafana manaraka no mamintina ireo zava-bitan'ny sehatra fotodrafitrasa:

**<u>Fafana 49</u>** : Zava-bita sy fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

| isa | | | | | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Andr/ Min** | **Iraka** | **Fand.** | **Tanj.** | **Tanjona kendrena** | | **Zava-bita** | **Tsy tratra** | **Tsy voafari.** | **Hafa** | **Sora-bola** | | **Fandaniana vita** |
| | | | | **voalohany** | **farany** | | | | | **voalohany** | **farany** | |
| 5 | 11 | 22 | 44 | 79 | 77 | 41 | 30 | 3 | 3 | 1 260,36 | 1 178,76 | 393,01 |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**<u>Kisary 5</u>**: Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2017 (amin'ny %)




*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**b. <u>Fivoaran'ny fahombiazana ho an'ny sehatra fotodrafitrasa nandritra ny taona 2017</u>**

Raha nahitana fitomboana ny sora-bola nomena ireo sehatra 3 hafa teny antenantenan'ny taona, nisy fihenana kosa izany ho an'ny sehatra fotodrafitrasa, elanelana miiba 6,47% raha oharina tamin'ny sora-bola teny am-piandohana. Ny vinavinam-pandaniam-bola ihany koa dia 1 260,36 lavitrisa Ariary ary niova ho 1 178,76 lavitrisa izany. Araka izany, nihena avoka ny sorabola ho nomena ireo departemanta, ankoatra ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetr'andro izay nitombo 18,37% ny tetibolany.

Nasiam-panitsiana ka nahena, araka izany ny 22% tamin'ireo tanjona ho tratrarina, ka ny ampahany betsaka tamin'izany dia hita teo anivon'ny Ministeram-panjakana misahana ny Tetik'asan'ny Filoham-pirenena. Na dia teo aza anefa ny fihenan'ny sora-bola, tsy nanova ny takelaka filazam-pahobiazana ny Ministeran'ny Rano sy ny Angovo ary ny Akoranafo sy ny Ministeran'ny Fifandraisan-davitra.

Ny fafana manaraka no maneho ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazana tamin'ny 2017.

**Fafana 50**: Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa

| Ministera | Fanovàna ny sora-bola | | | | Fanovàna ny isan'ny tondromarika | | Fanovàna ny tanjona kendrena | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Sora-bola (LFI) | Sora-bola (LFR) | Sora-bola farany | Fiova (%) | Voalohany | Farany | Nampiana | Nanesorana |
| **Ministeran'ny Rano sy ny Angovo ary ny Akoranafo** | 266 203 322 000 | 219 132 266 000 | 220 593 805 000 | -17,13 | 19 | 19 | | 1 |
| **Ministeran'ny Asa Vaventy** | 564 772 692 000 | 540 012 412 000 | 539 884 824 000 | -4,41 | 11 | 11 | | |
| **Ministeram-panjakana misahana ny Tetik'asan'ny Filoha, ny Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana** | 363 777 388 000 | 342 179 858 000 | 341 942 459 000 | -6,00 | 24 | 23 | 2 | 10 |
| **Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro** | 60 717 009 000 | 73 274 235 000 | 71 871 573 000 | 18,37 | 21 | 20 | | 7 |
| **Ministeran'ny Fifandraisan-davitra, ny Paositra ary ny Teknolojia vaovao** | 4 892 859 000 | 4 505 655 000 | 4 468 211 000 | -8,68 | 4 | 4 | | |
| **FITAMBARANY** | **1 260 363 270 000** | **1 179 104 426 000** | **1 178 760 872 000** | **-6,47** | **79** | **77** | **2** | **18** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

### c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

- MINISTERAN'NY RANO SY NY ANGOVO ARY NY AKORANAFO

**Fafana 51**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 031 | Fitantanana sy fandrindrana | 1 240 139 000 | 1 235 081 965,10 | 99,59 | 1 | 0 | 0 | 0 | 1 | 0.00% |
| 203 | Fampivelarana ireo fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ireo loharanon'angovo eto an-toerana | 11 454 963 000 | 10 458 352 616,53 | 91,30 | 7 | 3 | 1 | 3 | 0 | 42.86% |
| 032 | Fitantanana sy fandrindrana | 140 852 082 000 | 65 108 821 601,15 | 46,22 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasorat ra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 205 | Fampivelarana ny fampidiran-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana | 1 001 423 000 | 382 960 220,80 | 38,24 | 9 | 0 | 7 | 0 | 2 | 0.00% |
| 204 | Fampandrosoana ny sehatra solitany sy ireo solika mifangaro | 66 045 198 000 | 16 580 336 133,82 | 25,10 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0,00% |
| **FITAMBARANY** | | **220 593 805 000** | **93 765 552 537,40** | **42,51** | **19** | **3** | **10** | **3** | **3** | **15,79%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Angovo »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* noho ny fampikambanana ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo tamin'ny Ministeran'ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana, ny fandaharan'asa 031 (Fitantanana sy fandrindrana) teo anivon'ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo tao anatin'ny filazam-pahombiazana nampiarahina tamin'ny LFI 2017 dia nofoanana ary nosoloina ny fandaharan'asa 032 araka io anarana io ihany tao amin'ny LFR, ka nampiova ny tanjona ho 0%.
- *Fampivelarana ireo fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ireo loharanon'angovo eto an-toerana :* noho ny fanatsarana ny fitantanana sy ny fiarovana ireo mpampiasa vola tsy miankina, tratra ny tanjona tamin'ny tahan'ny mpampiasa vola tsy miankina namatsy vola ny sehatra angovo, sehatra izay nanintona mpampiasa vola betsaka tokoa.

**Iraka « Rano sy Fanadiovana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* Tsy tratra afa tsy 90,14% ny tanjona tamin'ny fampiasana ny tetibola, raha 100% ny taha novinavinaina.
- *Fampivelarana ny fampidiran-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana :* ampahany tamin'ny tanjona no tratra tamin'ny fampidirana rano fisotro madio manerana ny nosy, na teny ambanivohitra na an-tanàn-dehibe. Isan'ny nahatonga izany ny fahatarana tamin'ny dingan'ny tsenam-baro-panjakana sy ny tsy fahampian'ny fahafaha-manao. Tahaka izany koa ny tahan'ny fampidirana fotodrafitrasa momba ny rano ho an'ny mponina teto amin'ny firenena. Noho ny toerana amin'ny faritra mitsororika be sy anaty lohasaha no nahasarotra ny fananganana ireto fotodrafitrasa ireto.

**Iraka « Akoranafo »**

- *Fampandrosoana ny sehatra solitany sy ireo solika mifangaro:* raha novinavinaina ho 3% ny fiovaovan'ny vidin'ny solika dia tonga hatramin'ny 4,18% izany tamin'ny 2017. Araka izany, tsy nahafahan'ireo tompon'andraikitra mahefa nifehy ny vidin'ny solika ny tsy fahafahan'i Madagasikara miala amin'ny fanafarana solika.

- MINISTERAN'NY ASA VAVENTY

**Fafana 52**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 020 | Fitantanana sy fandrindrana | 14 133 824 000 | 10 942 428 873,96 | 77,42 | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75.00% |
| 206 | Fampivelarana ny fotodrafitrasa momba ny làlana | 525 751 000 000 | 105 314 883 727,61 | 20,03 | 7 | 3 | 4 | 0 | 0 | 42.86% |
| **FITAMBARANY** | | **539 884 824 000** | **116 257 312 01,57** | **21,53** | **11** | **6** | **5** | **0** | **0** | **54.55%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

- *Fitantanana sy fandrindrana :* mbola ratsy hatrany ireo làlam-pirenena tany amin'ny faritra samihafa. Ny 65% tamin'ireo faritra matanjaka ara-toekarena ihany no afaka mifandray amin'ny alalan'ny fitaovam-pitaterana. Tsy toy izany kosa anefa fa afaka nampitombo ny fiofanana nomena ny mpiasa sy ny mpiara-miombon'antoka aminy ny Ministera, noho ny fihenan'ny saran'ny fiofanana. Teo koa ny fivoaran'ny tahan'ny fahazoana famatsiam-bola tamin'ireo tetik'asa laharam-pahamehana, noho ny fitomboan'ny tetibolan'ny ministera tamin'ny 2017 miohatra ny tamin'ny 2016.
- *Fampivelarana ny fotodrafitrasa momba ny làlana :* ny elanelana hita tamin'ny tahan'ireo kaominina ahitana arabe dia vokatry ny fahosan'ny famatsiam-bola fikojakojana ny làlana ambanivohitra, izay simba tanteraka noho ny toetr'andro ratsy.

- MINISTERAM-PANJAKANA MISAHANA NY TETIK'ASAN'NY FILOHAM-PIRENENA, NY FANAJARIANA NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA

**Fafana 53**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 018 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 905 196 000 | 2 285 029 94,92 | 78,65 | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50.00% |
| 409 | Tany sy filaminan'ny fananan-tany | 24 837 308 000 | 24 426 923 375,23 | 98,35 | 9 | 8 | 1 | 0 | 0 | 88.89% |
| 021 | Fitantanana sy fandrindrana | 3 096 633 000 | 3 070 545 470,20 | 99,16 | 6 | 3 | 3 | 0 | 0 | 50.00% |
| 207 | Fanajariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe | 127 524 815 000 | 72 244 680 041,80 | 56,65 | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50.00% |
| 058 | Fitantanana sy fandrindrana | 171 660 157 000 | 34 146 845 546,27 | 19,89 | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0.00% |
| 215 | Fampandrosoana ireo fotodrafitrasa | 11 918 350 000 | 1 209 743 614,25 | 10,15 | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50.00% |
| **FITAMBARANY** | | **341 942 459 000** | **137 383 767 142,67** | **40,18** | **23** | **14** | **9** | **0** | **0** | **60.87%** |

<u>Loharanom-baovao :</u> *RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Tany sy filaminan’ny fananan-tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (018):* raha tratra ny tanjona tamin’ny fanatsarana ny fahaiza-manaon’ny mpiasa momba ny fikirakirana ireo taratasin-tany, tsy vita tahaka izay novinavinaina kosa ny fanatsarana ny fitantanana ny vola natokana ho an’ny sampan-draharahan’ny fananan-tany, noho ny fahataran’ny dingana fandraiketana ny famoaham-bola.
- *Tany sy filaminan’ny fananan-tany:* nihoatra ny vinavina napetraka avokoa ny isan’ny taratasin-tany navoaka, noho ny fitomboan’ny olona mila izany. Ambonin’izany, ny lamina napetraky ny ministera momba ny fanafainganana ny fanomezan-daharana ireo drafitra ara-tsarin-tany dia nanampy ny fitomboan’ny isan’ny sarin-tany nahazo laharana sy ny paik’ady anatiny misahana ny fananan-tany voavolavola. Etsy ankilany, Birao ifoton’ny fananan-tany 6 ihany no voatohana noho ny tsy fahampian’ny vola.

**Iraka « Fanajariana ny Tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (021) :* nihoatra lavitra noho izany novinavinaina ny isan’ny mpiasa nahazo fiofanana mba hiantoka sy hanatsara ny fomba fitantanana sy ireo sampan-draharaha any amin’ny faritra. Tetsy andaniny, tsy nahafahana nividy fitaovana ny tsy fahampian’ny sora-bola an-tànana.
- *Fanajariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe:* tsy tratra ny tanjona hanampy ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana amin’ny fampivelarana ny maha olona, noho ny fahataran’ny dingana fandraiketana ny famoaham-bola sy ny famoahana ireo famatsiam-bola avy any ivelany.

**Iraka « Asa goavana ho an’ny Fotodrafitrasa sy Fampitaovana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tratra ny tanjona tamin’ny fampiasana ny tetibola na dia nisy elanelana kely 0,7% aza, mba ho fanatsarana ny fomba fitantanana sy ireo sampan-draharaha any amin’ny faritra. Tsy nisy politikam-pirenena momba ny fampivelarana ny fotodrafitrasa sy fampitaovana norafetina tamin’ny 2017, noho ny tsy fisian’ny famatsiam-bola.
- *Fotodrafitrasa sy fampitaovana:* handamina ireo fotodrafitrasa sy ireo fampitaovana no fanamby napetraka tao anatin’ity fandaharan’asa ity. Araka izany, fotodrafitrasa lehibe ara-toekarena sy sosialy 15 no naorina/nohatsaraina nifanaraka tamin’ny vinavina.

- MINISTERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

**Fafana 54**: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratra | Tratra | Tsy tratra | Tsy voafa | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 022 | Fitantanana sy fandrindrana | 18 265 992 000 | 17 647 845 712,53 | 96,62 | 3 | 3 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 208 | Fitaterana an-tanety sy an-damasinina | 1 118 010 000 | 823 081 123,60 | 73,62 | 6 | 3 | 3 | 0 | 0 | 50.00% |
| 209 | Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka | 46 018 671 000 | 17 009 826 322,09 | 36,96 | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60.00% |
| 042 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 905 400 000 | 5 242 209 930,60 | 88,77 | 3 | 3 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 211 | Fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro | 563 500 000 | 561 361 812,70 | 99,62 | 3 | 3 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **71 871 573 000** | **41 284 324 901,52** | **57,44** | **20** | **15** | **5** | **0** | **0** | **75.00%** |

*Loharanom-baovao : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Fitaterana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (022) :* nohatsaraina ny fahaiza-manaon'ny mpiasa sy ny ara-pitaovana tamin'ny alalan'ny fampidirana intranet tamin'ireo rafitra roa sy ny fampiofanana mpiasa 6 tany ivelany.
- *Fitaterana an-tanety sy an-damasinina:* ho fanatsarana ny vokatra sy ny kalitaon'ny Fitaterana an-tanety, naorina/nohatsaraina ny fiantsonana tao Mananjary sy Vangaindrano. Tsy nisy fampahafantarana momba ny aro lozan'ny fifamoivozana vita, noho ny fanafoanana izany taorian'ny fanovan-drafitra tao amin'ny Ministera. Nitombo kosa ny halaviran'ny lalam-by nohatsaraina vokatry ny ezaka niantefa kokoa tamin'ny asa fanarenana ireo ravan'ny rivo-doza.
- *Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka:* ho fampandrosoana ny rafi-pitaterana ana-habakabaka, seranam-piaramanidina 4 no nampanarahina fenitra. Nahitana fihenana anefa ny mpandeha fiaramanidina (mpandeha 420 raha 1 000 ny vinavina) noho ny tsy fisian'ny sidin-davitra.

**Iraka « Famantarana ny Toetr'andro »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (042):* araka izay noheverina avokoa ny zava-bita. Araka izany, tratra ny tanjona tamin'ny tahan'ny fampiasana ny tetibola, satria tanteraka 82,78% ny dingana fandraiketana ny famoaham-bola.
- *Fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro:* Nahafa-po ihany koa ny vokatra ho an'ity fandaharan'asa ity. Nahitam-bokatra tamin'ny elanelana miabo avokoa ny tahan'ny fiparitahan'ny tambazotra mpizara vaovao sy ny tahan'ny fahazoana antoka ny vinavina momba ny toetr'andro.

- MINISTERAN'NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPANDROSOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA

**Fafana 55** : Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

| Kaody | Anaran'ny fandaharan'asa | Sora-bola farany | Fandaniana vita | Fanat (%) | Voasoratr a | Tratra | Tsy tratr | Tsy voaf | Hafa | Taham-panat |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 023 | Fitantanana sy fandrindrana | 745 474 000 | 621 746 682,20 | 83,40 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 214 | Tohana ho amin' ny fanapariahana ny paositra | 0 | 0,00 | 0,00 | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0.00% |
| 043 | Fitantanana sy fandrindrana | 0 | 0,00 | 0,00 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| 210 | Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra | 3 722 737 000 | 3 698 868 741,52 | 99,36 | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100.00% |
| **FITAMBARANY** | | **4 468 211 000,00** | **4 320 615 423,72** | **96,70** | **4** | **3** | **1** | **0** | **0** | **75.00%** |

*<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR ary BCSE 2017*

**Iraka « Paositra sy Fifandraisan-davitra »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tratra ny tanjona tamin'ny fahaiza-mitantanana ny mpiasa, ny vola ary ny fitaovana. Elanelana miabo 1,51% ihany koa no hita teo amin'ny tahan'ny sora-bola noraiketina ho ampiasaina tao anatin'ny sora-bola rehetra.
- *Tohana ho amin' ny fanapariahana ny paositra:* ampahany tamin'ny tanjona napetraka no tratra. Na izany aza anefa, biraon'ny paositra 3 no nisokatra tamin'ny 2017 raha novinavinaina ho 5, dia ny tany Ambilobe, Sabotsy Namehana ary Ranohira.

**Iraka « Teknolojian'ny fampitam-baovao sy ny Fifandraisana » (TIC)**

- *Fitantanana sy fandrindrana (053):* fehezan-dalàna sy fehin-kevitra ara-teknika 4 momba ny TIC no nohavaozina na norafetina mba hahatsara ny vokatra sy ny kalitaon'ny tolotra amin'ny Fifandraisan-davitra sy ny Teknolojia Vaovao.
- *Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra:* vita araka ny tokony ho izy ny fametrahana rafi-pifandraisana iraymahomby sy azo ampiasaina, tamin'ny alalan'ny fametrahana toerana 20 misy internet ho an'ny rehetra raha 15 ny vinavina. Izany fahombiazana izany dia azo vokatry ny fampahafantarana ireo teknolojian'ny fampitam-baovao sy ny serasera, tamin'ny alalan'ny fametrahana ireo toerana samihafa nampiasana ny TIC (fampiratiana ara-kajy, toeram-pilalaovana mikasika ny TIC, …)

## III. FANADIHADIANA NY ENDRIKY NY TETIBOLA

Ity fizarana farany ity no ahitana ireo vokatra ankapobeny tamin'ny fanatanterahana ny Lalàna mifehy ny Tetibola, aseho isaky ny fizarana, ny vinavina sy ny zava-bita teo amin'ny vola miditra sy ny fandaniam-bola. Entina hanehoana ny fivoaran'endriky ny tetibola ihany koa ny fanadihadiana ireo didy fanovàna ny sora-bola sy ny didy milaza ny sora-bola fanampiny ho an'ny taona 2017.

### A. VINAVINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA

Ny vola niditra sy ny vola nivoaka marina dia nahatratra **7 156 209 531 016,48 Ariary** sy **7 301 262 176 845,81Ariary** isan'isany. Fatiantoka **145 052 645 829,33 Ariary** no vokatry ny fampiasana ny tetibola 2017, izay 6,2% tamin'ny harin-karena faobe.

Ny fafana manaraka no anehoana ireo vokatra ankapoben'ny fanatanterahana ny Lalàna mifehy ny Tetibola.

**Fafana 56** : Vokatra ankapobeny tamin’ny fanatanterahana ny tetibola 2017

Amin’ny Ariary

| Fitanisana | Vola miditra | | Fandaniam-bola | | Fanatanterahana | | Hanisisa | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Vola miditra | Fandaniam-bola | Fihoaran’ny vola miditra | Fihoaran’ny fandaniana |
| **FIZARANA I** | | | | | | | | |
| **TETIBOLA ANKAPOBENY** | | | | | | | | |
| a – Lahasa fampandehanan-draharaha | 4 512 327 262 000,00 | 4 982 348 059 000,00 | 3 953 876 041 000,00 | 4 485 513 037 500,00 | 4 828 650 499 139,12 | 4 331 155 951 072,42 | | |
| b – Lahasan’ny Hana-pamokarana | 1 008 157 000 000,00 | 910 884 000 000,00 | 2 830 673 351 000,00 | 2 884 623 149 500,00 | 197 090 213 338,47 | 1 321 938 712 970,79 | | |
| **FITAMBARAN’NY FIZARANA I** | **5 520 484 262 000,00** | **5 893 232 059 000,00** | **6 784 549 392 000,00** | **7 370 136 187 000,00** | **5 025 740 712 477,59** | **5 653 094 664 043,21** | | **627 353 951 565,62** |
| | | | | | | | | |
| **FIZARANA II** | | | | | | | | |
| **TETIBOLA ANANKINA** | | | | | | | | |
| a – Lahasa fampandehanan-draharaha | 27 235 000 000,00 | 27 235 000 000,00 | 21 295 000 000,00 | 21 295 000 000,00 | 17 442 183 784,17 | 10 543 912 837,40 | | |
| b – Lahasan’ny Hana-pamokarana | 0,00 | 0,00 | 5 940 000 000,00 | 5 940 000 000,00 | | | | |
| **FITAMBARAN’NY FIZARANA II** | **27 235 000 000,00** | **27 235 000 000,00** | **27 235 000 000,00** | **27 235 000 000,00** | **17 442 183 784,17** | **10 543 912 837,40** | **6 898 270 946,77** | |
| | | | | | | | | |
| **FIZARANA III** | | | | | | | | |
| **CPT** | 588 943 706 000,00 | 600 224 712 000,00 | 1 008 647 776 000,00 | 1 242 215 428 000,00 | 358 919676043,33 | 1 080 875 822 165,48 | | |
| **FITAMBARAN’NY FIZARANA III** | **588 943 706 000,00** | **600 224 712 000,00** | **1 008 647 776 000,00** | **1 242 215 428 000,00** | **358 919676043,33** | **1 080 875 822 165,48** | | **721 956 146 122,15** |
| | | | | | | | | |
| **FIZARANA IV** | | | | | | | | |
| **FAMPIASANA NY FCV** | 1 350 600 000,00 | 1 350 600 000,00 | 0,00 | 0,00 | 5 097 212 022,22 | 0,00 | | |
| **FITAMBARAN’NY FIZARANA IV** | **1 350 600 000,00** | **1 350 600 000,00** | **0,00** | **0,00** | **5 097 212 022,22** | **0,00** | **5 097 212 022,22** | |
| | | | | | | | | |
| **FIZARANA V** | | | | | | | | |
| Trosa anatiny | 3 314 101 470 000,00 | 3 503 705 086 000,00 | 2 794 563 020 000,00 | 2 784 400 000 000,00 | 838 160 429 948,56 | 282 613 386 826,30 | | |
| Trosa ivelany | 1 478 090 150 000,00 | 1 797 281 700 000,00 | 243 106 000 000,00 | 292 167 472 000,00 | 904 948 015 230,57 | 274 135 581 472,42 | | |
| Vola an-tànana azo ampiasaina | | 0,00 | 72 104 000 000,00 | 137 746 639 000,00 | 0,00 | 0,00 | | |
| **FITAMBARAN’NY FIZARANA V** | **4 792 191 620 000,00** | **5 300 986 786 000,00** | **3 109 773 020 000,00** | **3 214 314 111 000,00** | **1 743 108 445 179,13** | **556 748 968 298,72** | **1 186 359 476 880,41** | |
| | | | | | | | | |
| **FITAMBARAMBE** | **10 930 205 188 000,00** | **11 823 029 157 000,00** | **10 930 205 188 000,00** | **11 853 900 726 000,00** | **7 150 308 229 506,44** | **7 301 263 367 344,81** | **1 198 354 959 849,40** | **1 349 310 097 687,77** |

**Fatiantoka** tamin’ny fanatanterahanana ny tetibolam-panjakana 2017**: 145 052 645 829,33 Ariary**

### B. FANADIHADIANA NY FIVOARAN'NY SORA-BOLA

Mandritra ny taom-piasana, ny LOLF, araka ny fizarana faha III dia nilaza ny fahafahana manova ireo sora-bola nankatoavin'ny Antenimiera. Araka izany dia niroso tamin'ny fanamboarana ny sora-bola ny Governemanta ny taona 2017, ary koa nanokatra sora-bola fanampiny, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 19 sy 20

#### *1. Fiovan'ny sora-bola*

Taorian'ny fankatoavana ny LFR tamin'ny volana Jolay 2017 dia nisy ny fanovàna ny fitsinjarana ny sora-bola ho an'ireo andrim-panjakana sy ministera, notanterahina tamin'ny alalan'ny fanarahana didy aman-dalàna miisa 262. Araka izany, Didim-pitondrana fanitsiana ny tetibola 246 sy Didim-panjakana 16 no nisy, ka ny 10 dia ny famindrana sora-bola tamin'ny fandaharan'asa anatin'ny Ministera (virement de crédits) ary ny 6 momba ny famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera (transfert de crédits).

Nitombo ny isan'ny didy fanovàna ny sora-bola noraisina tamin'ny 2017 raha oharina tamin'ireo taon-dasa teo aloha, araka ny asehon'ity fafana manaraka ity:

**Fafana 57**: Endriky ny fiovan'ny sora-bola tamin'ny 2015 hatramin'ny 2017

| Karazana didy | 2015 | 2016 | 2017 |
|---|---|---|---|
| Didim-panjakana famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera na « transfert de crédits » | 1 | 12 | 6 |
| Didim-panjakana famindrana sora-bola anatin'ny Ministera na « virement de crédits » | - | 05 | 10 |
| Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola | 9 | 179 | 246 |
| **FITAMBARANY** | **10** | **196** | **262** |

*Loharanom-baovao : didy manova ny sora-bola tamin'ny 2015 hatramin'ny 2017, taorian'ny LFR*

❖ **Didim-panjakana famindrana sora-bola na « virement de crédits »**

Taorian'ny LFR, hetsika famindrana sora-bola 10 no vita, ka ny fitambarany dia nahatratra 45,838 lavitrisa Ariary. Izy ireto dia hita teo anivon'ny:

- Fiadidiana ny Repoblika, ho fanampiana ireo tambin-karama manokana fiahiana ara-tsakafo ireo mpiasa miadidy ny fiarovana ny Filoham-pirenena.
- Fiadidiana ny Praiministra, ho fanohanana ireo fandaharan'asam-panampiana ara-tsosialin'ny ONN, ny fanatanterahana ireo atrik'asa vaovaon'ny PIP voasoratra tamin'ny tetibola 2017 ary ny famahàna ny olana ara-bola vokatry ny fitomboan'ny isan'ny miaramila mpiaro ny Fiadidiana ny Praiministra.
- Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ho fandoavana ireo vola natokana handrindrana ny serasera, ireo lahasa momba ny famonoana ny mikroba, ny fanadiovana ireo

kaominina sasan-tsasany sy ny fizarana fanafody sy fitaovana ilaina mahakasika ny ady tamin'ny fihanaky ny valan'aretina pesta teo anivon'ny BNGRC.

- Ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, ho amin'ny fampandehanan-draharahan'ny Ministera ;
- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana, ho fanatanterahana ireo asa maika momba ny fanomezan-drano ny voly, momba ireo fotodrafitrasa ara-piompiana ary ary ireo sehatra ambanivohitra ;
- Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, tamin'ny fametrahana laboratoara fampiasa amin'ny vonjy taitra sy ny fandoavana ireo anjara vola fandoan'ny hopitaly nandritra ny taona 2017 teny anivon'ireo CHU mba ho fanatsarana ny rafitra mpiahy ara-pahasalamana eto Madagasikara ;
- Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, tamin'ny fandoavana ny karaman'ny mpampianatra FRAM rehetra tsy ankanavaka nanerana an'I Madagasikara.
- Ministeran'ny Asa Vaventy, tamin'ny fandoavana TVA.

❖ **Didim-panjakana famindrana ny sora-bola na «transfert de crédits»**

Didim-panjakana 6 no nentina nanatanterahina ny famindrana ny sora-bola, izay nahatratra 124,701 lavitrisa Ariary ny fitambarany.

- Ny Fiadidiana ny Praiministra dia namindra vola nitentina 1,903 lavitrisa Ariary nankany amin'ny MPPSPF, mba hanatanterahana ireo tetik'asa maika amin'ny fiahiana ara-tsosialy vokatry ny fandalovan'ny rivo-doza Enawo teto Madagasikara.
- Ny MFB dia nanao famindram-bola nitentina 5,174 lavitrisa Ariary ho fanatanterahana ireo asa laharam-pahamehan'ny Governemanta ary koa hampiasaina amin'ireo famoaham-bola maika, isan'izany ny hetsika ho amin'ny fandriam-pahalemana nataon'ny MDN; ny fandoavana ny vidin'ny solika sy ny saram-pitsaboana ho an'ny mpiasa tao amin'ny Antenimieram-pirenena; ny fanomanan'ny Ministeran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana ny AAICTFM (Assise de l'Action Internationale des Collectivités Territoriales Franco-Malagasy) tamin'ny Oktobra 2017 ary ny fividianan'ny Ministeran'ny Serasera ireo fitaovana vaovao famoahana sary sy feo.
- Ny famindram-bola fahatelo dia natao tao amin'ny DGGFPE (MFB) izay nitentina 117,202 lavitrisa Ariary, tamin'ny alalan'ny didim-panjakana 3 samihafa, ho fandoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana.
- Farany, 420,900 tapitrisa Ariary no nafindran'ny MFB ho an'ny Ministeran'ny Fitsarana, mba handoavana ny karaman'ireo mpiraki-draharaha tamin'ny volana desambra 2017.

❖ **Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola**

Maro tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera no nanao fanitsiana ny sora-bolany araka ny antony samihafa, ka ny antony voalaza matetika dia ny tsy fahampian'ny tetibola tamin'ireo kaonty

sasan-tsasany taorian'ny fampiharana ny LFR. Ny fitambaran'ny sora-bola rehetra nafindra tamin'ny alalan'ity fomba ity dia nahatratra 486,197 lavitrisa Ariary.

Tao anatin'ireo didy fanitsiana ny sora-bola 248 nampiharin'ireo departemanta 36, ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena ary ny Ministeran'ny Asa Vaventy no tena nahitana izany.

- *Sehatra fitantanan-draharaha*

- Ny Fiadidiana ny Repoblika dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola miisa 09 izay nitentina 5,898 lavitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka indrindra tamin'izany dia nafindra ho amin'ny famatsiana ireo tetik'asa tamin'ireo kaominina voafidy hanatanterahana ny Tetik'asa Tohana Hampahomby ny Sehatra ara-panjakana.

- Ny Antenimieran-doholona dia nanao didy fanitsiana sora-bola iray nitentina 526 tapitrisa Ariary, tamin'ny fivezivezen'ireo loholona teny anivon'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana sy ny fikarakarana ny fandinihana ny tetibola ho avy.

- Didy fanitsiana sora-bola 3 nitentina 2,121 lavitrisa Ariary no nataon'ny Antenimieram-pirenena, ka ny ampahany betsaka dia nampiasaina tamin'ny fanitsiana ireo laharam-pahamehana momba ny tetibolan'ny hana-pamokarana.

- Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana dia tsy nanao afa tsy didy fanitsiana sora-bola iray izay nitentina 93,465 tapitrisa Ariary, mba ho fampitomboana ny vola mivoaka tsy hahatongavana amin'ny tsy fampiasana ny vola.

- Ny fanitsiana sora-bola 9 nataon'ny Fiadidiana ny Praiministra dia nitentina 521,385 tapitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka dia nandoavana ny valisoa fankasitrahana ireo mpiasa maharitra sy tsy maharitra sivily mendrika tao anatin'ny Fiadidiana ny Praiministra.

- Ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misana ny Fifidianana dia nanova ny fitsinjarana ireo sora-bolany tamin'ny alalan'ny fanitsiana natao tamin'ny fividianana fitaovana ho an'ny Sampan-draharahan'ny Serasera, ny fanavaozana ny lisi-pifidianana manaraka 2017-2018, ny fividianana taratasim-pifidianana fanampiny sy ny fanaterana azy teny anivon'ireo distrika.

- Ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny dia nampiasa didy fanitsiana sora-bola 3, izay nitentina 1,323 lavitrisa Ariary. Ny ampahan'ny sora-bola nasiam-panitsiana dia nafindra mba hamenoana ny kaonty sasan-tsasany momba ny saran'ny fanomanana ny asa.

- Sora-bola nitentina 1,463 lavitrisa Ariary no nanaovana fanitsiana ho an'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena, natao tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana 10. Ny ampahany betsaka dia nafindra ho amin'ny fiarovana ny filaminana an-tanàn-dehibe.

- Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 15 izay nitentina 3,103 lavitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka tamin'izany dia nentina namatsiana ireo filàna tao amin'ny BNGRC.

- Fanitsiana sora-bola 4 nitentina 1,128 lavitrisa Ariary no nataon'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka, ka ny fividianana fitaovana sy kojakojam-pianarana ho an'ireo mpianatra ho polisy sy ny fanajariana ireo fotodrafitrasa no nandrafitra ny ampahany betsaka tamin'ny fandaniam-bola natao.
- Nanatanteraka fanitsiana sora-bola miisa 9 ny Ministeran'ny Fitsarana, izay nitentina 1,843 lavitrisa Ariary. Ny ampahany betsaka tamin'izany dia natokana handoavana ny tambin-karaman'ireo mpiraki-draharaha sy ny mpitsara.
- Fanitsiana sora-bola 47 no nataon'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny tetibola, izay nitentina 167,023 lavitrisa Ariary. Ny fanovàna nisongadina indrindra dia ny fanentsemana ny fatiantoka tao amin'ny Kaompania Air Madagascar, ny fandoavana ireo trosa tamin'ny fandraisana an-tànana mivantana ny fiahiana ny mpiasa, ny fandoavana ireo saram-pitsaboana sy ireo faktiora tsy voaloa tamin'ny fividianana "gaz" ho an'ny Masoivohon'i Washington, andaniny ary ny fandrafetana ny PLF 2018 sy ny fanatanterahana ireo tanjona nofaritan'ny PTA, ankilany.
- Fanitsiana sora-bola 4 izay nitentina 441,445 tapitrisa Ariary no hita tao amin'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana, ka ny ampaham-bola betsaka tamin'izany dia nentina nanohizana sy namatsiana ireo hetsika ho fanatanterahana ny andiany fahatelo amin'ny fanisàna ankapobeny ny mponina sy ny trano fonenana.
- Ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana dia nanao fanitsiana sora-bola 4 izay nitentina 100 tapitrisa Ariary, ka ny fandaniam-bola betsaka indrindra tamin'izany dia natokana hanorenana sy hanatsarana ary hanajariana ny zaridaina teny Ambohidahy ho fanorenana toeram-pijanonan'ny fiara.
- Ho an'ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, fanitsiana sora-bola iray nitentina 32,4 tapitrisa Ariary no natao nandoavana ny anjara vola aloan'ny Ministera tamin'ny seminera momba ny kalitaon'ny asam-panjakana izay natao tany Tanger (Maroc) ny taona 2017.
- Fanitsiana sora-bola miisa 3 nitentina 461,44 tapitrisa Ariary no nataon'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana ka ny fanampiana ny sora-bolan'ireo SOA vao noforonina araka ny andraikitra vaovaon'ireo sampan-draharaha samihafa no nandrafitra ny ampahany betsaka tamin'izany.

➢ *Sehatra sosialy*

- Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola 29 no nisy teo anivon'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, izay nitentina 23,473 lavitrisa Ariary. Ny ampahany betsaka tamin'izany dia nampiasaina tamin'ny famoronana ny fandaharan'asa fampiasam-bola ho amin'ny asa maika sy ny fiatrehina ny areti-mifindra sy ny loza ho an'ny Foibem-pitantanan'ny Fahasalamam-bahoaka, ny fanarenana ireo fotodrafitrasa ara-pahasalamana tany amin'ireo faritra izay tena voakasiky ny

fandalovan'ny rivo-doza Enawo ary ho fanarenana sy fampitaovana ireo fotodrafitrasa ara-pahasalamana rava tany amin'ireo faritra noho ny fandalovan'ny rivo-doza.

- Ho fanatanterahana ireo lahasa laharam-pahamehana teny anivon'ny Fitantanana sy ny Sampan-draharaha, no nahatonga ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena nandray didim-pitondrana fanitsiana sora-bola miisa 3 izay nitentina 205 tapitrisa Ariary.

- Ny Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny vehivavy dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 2 izay nitentina 1,044 tapitrisa Ariary, mba hividianana fitaovana fitsaboana ny nify sy hividianana fitaovana ilaina amin'ny fanorenan-trano sy ny kojakoja momba izany, ary koa ho fampandrosoana ireo lahasa tao amin'ny Ivon-toerana Fandraisana sy Fanomezana Toro-làlana momba ny Lalàna tao Itasy.

- Ny fitsinjarana ny sora-bola teo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena izay nahatratra 111,052 lavitrisa Ariary dia nasiam-panitsiana tamin'ny alalan'ny didy 16. Ny ampahany betsaka dia nafindra ho an'ny asa mila vola maika, ny famerenana ny hasin'ny fanabeazana, ny famatsiana ny tahiry amin'ny fampisakafoanana an-tsekoly, ny fividianana fitaovana ho enti-mpampianatra.

- Fanitsiana sora-bola 5 nitentina 468,75 tapitrisa Ariary no natao teo anivon'ny Ministeran'ny Fampananan'asa sy ny Fampianarana Teknika ary ny Fampiofanana arak'Asa, ka ny ampahany betsaka dia nahakasika ny fizarana fitaovam-pianarana teny amin'ireo sekoly.

- Tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola iray nitentina 3,360 lavitrisa Ariary ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, mba handoavana vatsim-pianarana tamin'ny Anjerimanontolon'Antananarivo sy ora fanampiny tamin'ny fampianarana tao amin'ny Anjerimanontolon'i Mahajanga sy Antsiranana nandritra ny taom-pianarana 2015-2016.

- 390 tapitrisa Ariary no fanitsiana natao teo anivon'ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Fampiroboroboana ny Asa tànana ary ny Fiarovana ny Vakoka, ka ny fandaniam-bola nisongadina tamin'izany dia ny fanajariana ny tokotany ivelan'ny Tranom-bokim-pirenena teo Anosy, ny filàna ara-pitaovana sy kojakojam-birao ary ireo asa fanajariana.

➢ *Sehatra famokarana*

- Fanitsiana sora-bola nitentina 179,37 tapitrisa Ariary, tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana 3 no hita teo anivon'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina, isan'ny niavaka tamin'izany ny fandoavana ny vidin'ny rano, herinaratra ary ny vola fandoa amin'ny serasera an-taroby ; sy ny famoaham-bola tamin'ny fampidirana herinaratra tao amin'ny trano vaovaon'ny Ministera teo Anosy.

- Nanao fanitsiana sora-bola 2 ny Ministeran'ny Fizahan-tany, izay nitentina 219,6 tapitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka tamin'izany dia nandoavana ny latsak'emboka anjaran'ny ministera tamin'ireo hetsika ara-pizahan-tany iraisam-pirenena.

- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana dia nanao fanitsiana sora-bola 7 izay nitentina 35,196 lavitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka dia nanaovana ireo asa maika fanarenana ny simba nateraky ny rivo-doza ENAWO.
- Ny Ministeran'ny Harena anaty Rano sy ny Jono dia nandray fanitsiana sora-bola 3 nitentina 2,321 lavitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka dia natokana handoavana ny ampaham-bola farany hanohanana ny sehatra ho an'ny taona 2018.
- Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Haivoary ary ny Ala dia nandray didy fanitsiana sora-bola 3 nananika ny 88 tapitrisa Ariary, ka ny antsasa-manila mahery tamin'izany dia natokana ho amin'ny hofan-tranon'ny Ministra sy nampiasaina tamin'ireo asa ho « Fanamafisana ny ady amin'ny doro-tanety ».
- Ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Harena anaty Rano sy ny Jono misahana ny Ranomasina dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola iray nitentina 61,3 tapitrisa Ariary, noho ny fanatanterahana iraka isan-karazany tany ivelany, ny fandoavana ny adidy iraisam-pirenena sy ny fandoavana ireo vola tsy voaloa tamin'ny fifandraisana an-taroby.
- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Solitany dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola iray nitentina 408,875 tapitrisa Ariary ho famatsiana ireo sampan-draharaha mifandray aminy, miadidy ireo EPIC.

➢ *Sehatra fotodrafitrasa*

- Fanitsiana sora-bola 6 nitentina 10,65 lavitrisa Ariary no natao teo anivon'ny Ministeran'ny Rano sy ny Angovo ary ny Akoranafo, ka ny ampahany betsaka tamin'izany dia nandoavana vola ho an'ireo fianakaviana tsy nisitraka ny tetik'asa PAGOSE, ny fanokanam-bola ho an'ny birao sy ny fiara hampiasain'ireo tale jeneraly.
- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Solitany dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola iray nitentina 484,29 tapitrisa Ariary, ka ny tanjona tamin'izany dia ny hiantoka ny fivezivezen'ny Ministra, handoavana tambin-karama sy ny fiambenana amin'ny alina ho an'ireo mpiambina ary ny adidy amin'ny fanampiana ireo sampan-draharaha mifandray aminy.
- Ny lahasa fanitsiana sora-bola 8 nataon'ny Ministeran'ny Asa Vaventy dia nitentina 65,63 lavitrisa Ariary. Ny ampahany betsaka indrindra tamin'izany dia nentina tamin'ny asa fanarenana ny làlana simba vokatry ny fandalovan'ny rivo-doza ENAWO.
- Nilain'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Tetik'asan'ny Filoha, ny Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana ny fanaovana fanitsiana sora-bola 22 nitentina 34,64 lavitrisa Ariary, ka ny ampaham-bola betsaka tamin'izany dia natokana ho fanohanana ireo asan'ny EPN miankina amin'ny Ministera sy ny asa fananganana ny làlana mampitohy an'i Ivato sy Tsarasaotra.

- Fanitsiana sora-bola nitentina 10,49 lavitrisa Ariary no nataon'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana 2, izany dia natao hanamafisana ny hetsika fanentanana sy fanabeazana ny mpampiasa làlana rehetra sy ireo hetsika mifandray amin'ny tetik'asa PIP momba ireo « famoaham-bola maika » vokatry ny rivo-dora ENAWO.
- 49 tapitrisa Ariary no nohetsehina tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana 3 teo anivon'ny Ministeran'ny Paosita, ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ny Haitao ara-kajy mirindra, izy ireo dia hita tao amin'ny Kabinetra, ny DAF ary ny « Sampan-draharaha Fandrindrana Ankapobeny ».

### 2. *Didim-panjakana fanokafana sora-bola: fanokafana sora-bola fanampiny*

Ankoatra ireo fanitsiana sora-bola voalaza etsy aloha, nanamarika indrindra ny taona 2017 ny fisian'ny didim-panjakana fanokafana sora-bola fanampiny miisa 5, ka ny fitambaran'izany dia nahatratra 7,17 lavitrisa Ariary, raha didim-panjakana iray nitentina 6 lavitrisa Ariary no nisy tamin'ny 2016.

Ny anton'ny nanaovana ireto didim-panjakana ireto dia araka izao manaraka izao:

- fampiharana ny Fandaharan'asa fampiasam-bola amin'ny Paik'ady momba ny fiovaovan'ny toetr'andro izay nitentina 896,094 tapitrisa Ariary (Didim-panjakana laharana 2017-852 natao ho an'ny Fiadidiana ny Praiministra);
- fanatanterahana ireo lahasa mifandray amin'ny varotra (Didim-panjakana laharana 2017-823 ho an'ny kaontin'ny MCC);
- fampiharana ny tetik'asa fanohanana antsoina hoe « ANMO (Arrangements Nationaux de Mise en Œuvre de Madagascar) » ho an'ny fandaharan'asa CIR (Cadre Intégré Renforcé) (Didim-panjakana ho an'ny kaontin'ny MCC ihany koa);
- fanatsarana ny fahaiza-manao amin'ny fitantanan-draharaha, vokatry ny fanampian'ny Governemanta sinoa (Didim-panjakana laharana 2017-1013 ho an'ny MAE);
- Fanatsarana ny asan'ny Fitantanana iraisan'ny faritra ao Toamasina sy ny Fiobem-pitantanana ny Solitany (Didim-panjakana laharana 2017-1155 ho an'ny MPCMP).

## C. FANADIHADIANA IREO FIZARAN-TETIBOLA

### 1. FIZARANA I - TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA (TAF)

#### *a. Fidiram-bolan'ny TAF*

Nandritra ny taom-piasana 2017, ny vokatra sy ny vola tafiditry ny Fanjakana mahakasika ny TAF dia tafakatra 5 520,48 lavitrisa Ariary tamin'ny LFI, ary 5 893,23 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR.

**Fafana 58**: Endrik'ireo fidiram-bola isaky ny filazana

Amin'ny Ariary

| FITANISANA | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Fanatanterahana |
|---|---|---|---|
| **FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA** | **4 512 327 262 000,00** | **4 982 348 059 000,00** | **4 828 650 499 139,12** |
| Hetra niditra | 4 080 075 812 000,00 | 4 230 030 912 000,00 | 3 971 654 579 102,07 |
| Fidiram-bola tsy hetra | 76 478 850 000,00 | 76 478 859 000,00 | 856 995 920 037,05 |
| Fanampiana ara-bola tsy averina | 223 490 000 000,00 | 330 714 637 000,00 | |
| Fidiram-bola tsotra | 132 282 600 000,00 | 119 028 530 000,00 | |
| Fidiram-bola vokatry ny fisintahan'ny Fanjakana | 0,00 | 0,00 | |
| Fidiram-bola manokana | 0,00 | 0,00 | |
| Fanampiana ara-bola (régularisation) | | 226 095 121 000,00 | |
| Renivola niditra (IADM – FMI) | 0,00 | 0,00 | |
| **HANA-PAMOKARANA** | **1 008 157 000 000,00** | **910 884 000 000,00** | **197 090 213 338,47** |
| Fanampiana avy any ivelany/PIP | 1 008 157 000 000,00 | 910 884 000 000,00 | 197 090 213 338,47 |
| **FITAMBARANY** | **5 520 484 262 000,00** | **5 893 232 059 000,00** | **5 025 740 712 477,59** |

*Loharanom-baovao: LFR 2017, CGAF 2017*

Nitombo ny vina raha oharina tamin'ny LFR 2016. Raha 4 138,07 lavitrisa Ariary izany, ny vinavina tamin'ny 2017 kosa dia tafakatra 5 893,23 lavitrisa Ariary. Nahitana fiakarana 42,41% araka izany. Ity fiakarana ity dia hita teo amin'ny vinavina fampidiran-ketra, izay 3 431,11 lavitrisa Ariary ka niakatra ho 4 230,03 lavitrisa Ariary. Karazana fidiram-bola roa ho an'ny fampandehanan-draharaha no nampidirina tao anatin'ity kaonty ity. Isan'izany ny fidiram-bola tsotra sy ny fanampiana ara-bola izay novinavinaina hampiditra vola 119,02 lavitrisa Ariary sy 226,09 lavitrisa Ariary isan'isany avy kanefa tsy nisy tanteraka. Nitohy niakatra hatrany ny fampidiram-bola tsy hetra, izay 70,85 lavitrisa Ariary ka lasa 76,47 lavitrisa Ariary. Nahitana fiakarana 43,20% izay nitentina 910,88 lavitrisa Ariary ny fanampiana avy any ivelany izay nandrafitra ny vola miditra ho amin'ny hana-pamokarana.

Ny fahatanterahan'ny fidiram-bola tao amin'ny tetibola ankapobe dia nahatratra 5 025 lavitrisa Ariary ka nitsinjara ho 4 828 lavitrisa Ariary tamin'ny fampidiram-bola avy eto anatiny ary 197 lavitrisa Ariary tamin'ny fampidiram-bola avy any ivelany. Amin'ny ankapobeny, nahafa-po ny taham-pahatanterahan'ny fampidiram-bola izay 85,28% tamin'ny vola novinavinaina hiditra. Nanamafy ny fahombiazany koa ny fampidiran-ketra izay nahitana taham-pahatanterahana 79,03% izay nitentina 3 971,64 lavitrisa Ariary. Tahaka izany koa ny vola niditra tsy hetra, raha oharina

tamin'ny taona 2016, avo telo heny izany fampidiram-bola izany, izay 347,6 lavitrisa Ariary ka lasa 857 lavitrisa Ariary.

**Fafana 59**: Endriky ny fidiram-bola isaky ny karazana

| Toko | Anarana | Vinavina farany | Fanatanterahana |
|---|---|---|---|
| 13 | Subventions d'équipement | 910 884 000 000,00 | 197 090 213 338,47 |
| 70 | Impôts sur le revenu, bénéfices et gains | 979 145 193 000,00 | 961 948 434 908,61 |
| 71 | Impôts sur le patrimoine | 25 725 500 000,00 | 25 030 765 216,89 |
| 72 | Impôts sur les biens et services | 1 207 412 700 000,00 | 1 100 081 028 216,59 |
| 73 | Impôts sur le commerce extérieur | 2 001 028 519 000,00 | 1 869 533 030 871,27 |
| 74 | Autres recettes fiscales | 16 719 000 000,00 | 15 061 319 888,72 |
| 75 | Contributions reçues des tiers | 556 809 758 000 ,00 | 524 461 737 565,08 |
| 76 | Produits financiers | 58 616 383 000,00 | 86 791 753 588,41 |
| 77 | Recettes non fiscales | 136 891 006 000,00 | 245 742 428 883,56 |
| **FITAMBARANY** | | **5 893 232 059 000,00** | **5 025 740 712 477,59** |

*Loharanom-baovao : CGAF 2017*

Araka io fafana io, tamin'ny karazam-pampidiram-bola rehetra, ny « Fanampiana ny fampitaovana » ihany no nahitana taham-panatanterahana latsaky ny 25%, raha lazaina mahitsy dia 21,63%. Ireo fidiram-bola ambiny dia nahitana taha mihoatra ny 90%. Tao anatin'ny raki-tsoratry ny fampidiram-bola tsy hetra, nihoatra lavitra tamin'ny vinavina ny laharan-kaonty 76 sy 77 tamin'ny taham-panatanterahana 148,06% sy 179,50% isan'isany.

Ny ampahany betsaka tamin'ny vola niditra alahatra avy amin'ny betsaka indrindra dia avy tamin'ny hetra tamin'ny varotra ivelany, hetra tamin'ireo entana sy raharaha ary ny hetra alaina amin'ny vola miditra sy ny tombom-barotra. Izy ireo fotsiny dia efa nampidi-bola 3 931,56 lavitrisa Ariary raha 5 025,74 lavitrisa Ariary ny fitambaran'ny vola niditra rehetra, izany hoe 78,23%.

Raha novinavinaina ho 2 001 lavitrisa Ariary ny hetra tamin'ny varotra ivelany, 1 869,53 lavitrisa Ariary no tafiditra tamin'izany. Izay nanome taham-pahatanterahana 93,4%. Izy ihany koa no nandrafitra ny 47,30% tamin'ny fidiram-bolan'ny hetra rehetra.

Ny hetra tamin'ny entana sy raharaha izay novinavinaina ho 1 207,41 lavitrisa Ariary dia tanteraka 1 100,08 lavitrisa Ariary. Izy no nandrafitra ny 28,53% tamin'ny hetra tafiditra rehetra ary naneho taham-pamoriam-bola nananika ny 91,11% tamin'ny vinavina.

Momba ny hetra avy tamin'ny vola niditra sy ny tombom-barotra, 961,95 lavitrisa Ariary no vory teo anoloan'ny vinavina 979,14 lavitrisa Ariary, izany hoe taha 98,24%. Izy no nandrafitra ny 24,48% tamin'ny hetra niditra rehetra.

### *b. Sora-bola sy fandaniam-bolan'ny TAF*

#### i. Sora-bola sy fandaniam-bola isaky ny iraka

Ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana malagasy dia nahitana iraka 54 izay nosandaina ho 6 784,55 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFI ary 7 353,33 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFR. Ny vola lany rehetra dia nahatratra 5 653,07 lavitrisa Ariary, izany hoe 76,70%.

**Fafana 60**: Sora-bola sy fandaniam-bola isaky ny iraka

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Kaodin'ny iraka | ANARANA | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 010 | FIADIDIANA NY REPOBLIKA | 105,35 | 109,62 | 109,19 | 75,37 | 69,02 |
| 020 | ANTENIMIERAN-DOHOLONA | 22,31 | 21,97 | 21,97 | 21,14 | 96,23 |
| 030 | ANTENIMIERAM-PIRENENA | 46,11 | 47,83 | 49,38 | 49,22 | 99,68 |
| 040 | FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA | 6,35 | 6,51 | 6,51 | 6,19 | 95,04 |
| 050 | FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA | 100,69 | 189,24 | 187,37 | 112,68 | 60,14 |
| 060 | FAMPIHAVANANA MALAGASY | 6,15 | 5,88 | 5,88 | 5,58 | 94,80 |
| 070 | FIFIDIANANA | 11,30 | 11,56 | 11,56 | 11,14 | 96,34 |
| 080 | FIARAHA-MIASA SY FAMPANDROSOANA | 0,00 | 1,69 | 1,69 | 1,24 | 73,37 |
| 100 | FIFANDRAISANA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA | 0,13 | 0,13 | 0,13 | 0,13 | 99,80 |
| 110 | RAHARAHAM-BAHINY | 58,25 | 60,51 | 58,24 | 57,57 | 98,85 |
| 122 | FIAROVANA SY FILAMINANA | 187,11 | 183,91 | 184,90 | 184,64 | 99,86 |
| 123 | TAFIKA MALAGASY | 21,55 | 23,94 | 24,91 | 24,34 | 97,71 |
| 130 | ZANDARMARIAM-PIRENENA | 196,67 | 191,44 | 199,59 | 199,09 | 99,75 |
| 140 | FITANTANANA NY LAFIN-TANY | 138,76 | 141,60 | 139,46 | 164,99 | 118,30 |
| 150 | FILAMINAM-BAHOAKA | 112,67 | 110,12 | 110,16 | 109,32 | 99,23 |
| 160 | FITSARANA | 102,45 | 104,08 | 104,83 | 97,95 | 93,44 |
| 170 | FITSINJARAM-PAHEFANA | 98,56 | 119,92 | 120,49 | 71,06 | 58,97 |
| 220 | FITANTANAM-BOLA SY TETIBOLA | 2 004,39 | 2 398,26 | 2 400,12 | 2 205,11 | 91,88 |
| 290 | FITANTANANA NY TOEKARENA | 16,90 | 36,35 | 34,94 | 19,92 | 57,01 |
| 310 | ASA SY LALANA SOSIALY | 1,51 | 1,38 | 1,38 | 0,71 | 51,45 |
| 320 | ASAM-PANJAKANA | 19,40 | 17,43 | 17,32 | 16,99 | 98,10 |
| 330 | FAMPANANAN'ASA | 1,18 | 1,00 | 1,00 | 0,93 | 93,03 |
| 340 | INDOSTRIA | 12,07 | 11,34 | 11,56 | 8,71 | 75,31 |
| 342 | ASA TANANA | 2,94 | 2,81 | 2,81 | 2,55 | 90,68 |
| 350 | FIZAHAN-TANY | 10,39 | 9,60 | 9,82 | 9,66 | 98,43 |
| 360 | VAROTRA | 42,88 | 44,02 | 44,70 | 23,91 | 53,50 |
| 370 | SERASERA | 17,81 | 16,78 | 17,33 | 17,02 | 98,19 |
| 430 | JONO | 50,15 | 47,19 | 47,07 | 13,21 | 28,07 |
| 440 | TONTOLO IAINANA | 66,47 | 86,38 | 86,24 | 19,57 | 22,69 |
| 460 | TANY SY FILAMINAN'NY FANANAN-TANY | 16,54 | 14,82 | 14,82 | 3,49 | 23,58 |
| 470 | TIC | 3,99 | 3,64 | 3,41 | 3,07 | 89,90 |
| 480 | FAMBOLENA SY FIOMPIANA | 508,36 | 536,07 | 534,95 | 290,92 | 54,38 |
| 510 | ANGOVO | 167,21 | 142,20 | 142,15 | 66,40 | 46,71 |
| 520 | RANO SY FANADIOVANA | 98,99 | 75,98 | 77,50 | 27,04 | 34,89 |
| 530 | HARENA AN-KIBON'NY TANY | 10,06 | 11,88 | 12,07 | 8,20 | 67,93 |
| 540 | AKORANAFO | 0,00 | 0,95 | 0,95 | 0,33 | 34,75 |
| 610 | ASA VAVENTY | 564,77 | 540,01 | 539,88 | 116,26 | 21,53 |
| 620 | FANAJARIANA NY TANY | 142,98 | 152,60 | 152,36 | 96,67 | 63,45 |

| Kaodin'ny iraka | ANARANA | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 630 | TFITATERANA | 58,84 | 71,59 | 70,19 | 39,90 | 56,85 |
| 640 | ASA GOAVANA HO AN'NY FOTODRAFITRASA SY FAMPITAOVANA | 204,25 | 174,76 | 174,76 | 37,22 | 21,30 |
| 660 | PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA | 0,89 | 0,78 | 0,75 | 0,62 | 83,40 |
| 670 | TIC | 4,00 | 3,72 | 3,72 | 3,70 | 99,36 |
| 680 | FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO | 1,88 | 1,68 | 1,68 | 1,38 | 82,33 |
| 710 | FAHASALAMANA | 360,85 | 371,03 | 372,94 | 317,64 | 85,17 |
| 750 | TANORA | 23,20 | 22,92 | 21,99 | 19,97 | 90,79 |
| 760 | MPONINA SY FAMPANDROSOANA | 16,79 | 17,35 | 16,77 | 13,57 | 80,91 |
| 770 | FIAHIANA ARA-TSOSIALY | 18,74 | 26,21 | 28,12 | 8,83 | 31,40 |
| 780 | FANATANJAHAN-TENA | 4,40 | 3,51 | 3,51 | 3,49 | 99,23 |
| 790 | FIALAM-BOLY | 0,02 | 0,02 | 0,02 | 0,02 | 99,90 |
| 810 | FANABEAZANA | 866,97 | 937,81 | 943,12 | 824,94 | 87,47 |
| 820 | FAMPIANARANA ANKAPOBENY | 6,64 | 6,20 | 6,03 | 5,75 | 95,36 |
| 830 | FAMPIANARANA TEKNIKA SY FAMPIOFANANA ARAK'ASA | 47,40 | 44,66 | 44,09 | 42,83 | 97,14 |
| 840 | FAMPIANARANA AMBONY | 179,48 | 174,93 | 178,15 | 176,35 | 98,99 |
| 850 | FIKAROHANA SIANTIFIKA | 7,48 | 6,41 | 6,41 | 5,71 | 89,06 |
| 860 | KOLONTSAINA | 9,32 | 9,09 | 9,21 | 8,85 | 96,05 |
| **FITAMBARANY** | | **6 784,55** | **7 353,33** | **7 370,14** | **5 653,09** | **76,70** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Araka io fafana io, kely noho ny tamin'ny taona 2016 ny fandaniam-bola. Nitentina 5 653,09 lavitrisa Ariary izany raha 6 200,01 lavitrisa Ariary tamin'ny 2016, izany hoe fihenana 546,94 lavitrisa Ariary ary raha atao amin'ny isan-jato dia 76,70% tamin'ny 2017 ary 87,04% tamin'ny 2016. Nahitana fihenana 10,34% araka izany.

Ny fanadihadiana ny fampiasana ny tetibola ankapoben'ny fanjakana dia zaraina araka ny fahasamihafany. Ny tahan'ny fampiasana ny vola miohatra tamin'ny vinavina farany tamin'ny sora-bola dia tombanana:

❖ Voalohany, ireo iraka izay nahitana taham-pandaniam-bola nihoatra ny 90%.

Isan'izany ireto iraka tao amin'ny sehatra fitantanan-draharaha ireto ; ny « Antenimieran-doholona » 96,23%, ny « Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana » 95,04%, ny « Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana » 99,80%, « Fitantanana ny Lafin-tany » 118,30%, izany taha izany dia avy tamin'ny famatsiam-bola azo tamin'i Korea Atsimo noho ny fandalovan'ny rivo-doza Enawo tamin'ny volana mars 2017, izay nividianana fiarakodia sy milina goavana ho an'ny BNGRC (kaodim-pamatsiam-bola 70-262-001-D). Ho an'ny sehatra sosialy, ny iraka « Fampianarana ambony »,« Fampianarana ankapobeny », « Fialam-boly » dia nahitana taham-pandaniana 98,99%, 95,36% ary 99,90% isan'isany.

❖ Faharoa, ireo iraka izay nanana ny taham-pandaniam-bola antonony, teo anelanelan'ny 60% sy 89%.

Tao anatin'ity ampahany faharoa ity dia nahitana iraka 13, isan'ireny ohatra ny iraka « Fiadidiana ny Repoblika » 69,02%, « Fiadidiana ny Praiministra » 60,14%, « Fikarohana Siantifika » 89,06% ary ny « Fahasalamana » 85,17%.

❖ Fahatelo, iraka 15 no nahitana taham-pandaniam-bola latsaky ny 60% ; toy ny iraka « Asa goavana ho an'ny Fotodrafitrasa sy Fampitaovana », ny « Fiahiana ara-tsosialy », ny « Tany sy filaminan'ny fananan-tany » ary ny « Fitsinjaram-pahefana », izay nahitana taham-pandaniam-bola 21,30%, 31,40%, 23,58% ary 58,97% isan'isany avy.

### ii. Sora-bola isaky ny Fandaharan'asa

**Fafana 61** : Sora-bola sy fandaniam-bolan'ny TAF isaky ny fandaharan'asa

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Kaodin'ny fandaharan'asa | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 001 | Fitantanana sy fandrindrana Fiadidiana ny Repoblika | 103,19 | 104,47 | 104,30 | 70,28 | 67,38 |
| 002 | Fitantanana sy fandrindrana Antenimieran-doholona | 13,13 | 11,32 | 11,32 | 11,22 | 99,12 |
| 003 | Fitantanana sy fandrindrana Antenimieram-pirenena | 20,82 | 23,68 | 23,73 | 23,64 | 99,61 |
| 004 | Fitantanana sy fandrindrana Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana | 5,28 | 5,07 | 5,07 | 4,88 | 96,19 |
| 005 | Fitantanana sy fandrindrana Fiadidiana ny Praiministra | 35,23 | 32,28 | 32,54 | 31,80 | 97,73 |
| 006 | Fitantanana sy fandrindrana Raharaham-bahiny | 50,83 | 52,97 | 50,57 | 49,93 | 98,74 |
| 007 | Fitantanana sy fandrindrana Fiarovam-pirenena (Iraka 122) | 173,93 | 171,48 | 171,48 | 171,42 | 99,97 |
| 008 | Fitantanana sy fandrindrana Fiarovam-pirenena (Iraka 123) | 11,56 | 14,39 | 15,36 | 15,00 | 97,63 |
| 009 | Fitantanana sy fandrindrana Zandarmaria | 170,84 | 167,20 | 175,20 | 175,14 | 99,96 |
| 010 | Fitantanana sy fandrindrana Atitany sy Fitsinjaram-pahefana | 36,20 | 34,15 | 31,72 | 31,49 | 99,29 |
| 012 | Fitantanana sy fandrindrana Fitsarana | 79,09 | 77,25 | 78,00 | 77,26 | 99,05 |
| 013 | Fitantanana sy fandrindrana Fitantanam-bola sy Tetibola | 269,62 | 139,86 | 138,08 | 99,47 | 72,04 |
| 014 | Fitantanana sy fandrindrana Toekarena sy teti-pivoarana | 10,00 | 9,61 | 8,20 | 7,67 | 93,48 |
| 015 | Fitantanana sy fandrindrana Asam-panjakana | 17,57 | 15,92 | 15,81 | 15,57 | 98,46 |
| 017 | Fitantanana sy fandrindrana Tontolo iainana sy Haivoary ary ny Ala | 13,79 | 13,10 | 12,50 | 11,90 | 95,17 |
| 018 | Fitantanana sy fandrindrana Tetik'asan'ny Filoha, Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana (Iraka 460) | 2,97 | 2,91 | 2,91 | 2,29 | 78,65 |
| 019 | Fitantanana sy fandrindrana | 8,64 | 8,18 | 8,37 | 7,21 | 86,17 |

| Kaodin'ny fandaharan'asa | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Harena an-kibon'ny Tany sy Solitany | | | | | |
| 020 | Fitantanana sy fandrindrana Asa vaventy | 20,45 | 15,01 | 14,13 | 10,94 | 77,42 |
| 021 | Fitantanana sy fandrindrana Tetik'asan'ny Filoha, Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana (Iraka 620) | 25,73 | 25,07 | 24,84 | 24,43 | 98,35 |
| 022 | Fitantanana sy fandrindrana Fitaterana sy Famantarana ny toetr'andro | 10,21 | 19,67 | 18,27 | 17,65 | 96,62 |
| 023 | Fitantanana sy fandrindrana Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ara-kajy mirindra | 0,89 | 0,78 | 0,75 | 0,62 | 83,40 |
| 024 | Fitantanana sy fandrindrana Fahasalamam-bahoaka | 190,79 | 196,76 | 191,14 | 181,02 | 94,71 |
| 025 | Fitantanana sy fandrindrana Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny vehivavy | 13,19 | 13,08 | 12,50 | 12,29 | 98,28 |
| 027 | Fitantanana sy fandrindrana Fanabeazam-pirenena | 570,60 | 577,39 | 582,53 | 578,60 | 99,33 |
| 028 | Fitantanana sy fandrindrana Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika | 166,90 | 165,45 | 168,66 | 167,80 | 99,49 |
| 029 | Fitantanana sy fandrindrana Kolontsaina, Fanandratana ny Asa tànana ary Fikajiana ny Vakoka | 7,11 | 6,99 | 7,11 | 6,92 | 97,33 |
| 030 | Fitantanana sy fandrindrana Serasera sy Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana | 12,08 | 11,61 | 10,94 | 10,77 | 98,42 |
| 031 | Fitantanana sy fandrindrana Rano, Angovo ary Akoranafo (Iraka 510) | 5,29 | 1,29 | 1,24 | 1,24 | 99,59 |
| 032 | Fitantanana sy fandrindrana Rano, Angovo ary Akoranafo (Iraka 520) | 8,32 | 11,81 | 11,45 | 10,46 | 91,30 |
| 033 | Fitantanana sy fandrindrana Harena anaty rano sy Jono | 10,36 | 9,77 | 9,65 | 9,56 | 99,07 |
| 036 | Fitantanana sy fandrindrana Fahasalamam-bahoaka | 98,09 | 96,30 | 96,05 | 95,63 | 99,55 |
| 037 | Fitantanana sy fandrindrana Varotra sy Fanjifana | 24,01 | 23,65 | 23,40 | 23,05 | 98,48 |
| 040 | Fitantanana sy fandrindrana Fizahan-tany | 3,77 | 3,17 | 3,39 | 3,36 | 99,14 |
| 041 | Fitantanana sy fandrindrana Asam-panjakana | 0,74 | 0,73 | 0,73 | 0,11 | 15,21 |
| 042 | Fitantanana sy fandrindrana Fitaterana sy Famantarana ny Toetr'andro | 1,18 | 1,12 | 1,12 | 0,82 | 73,62 |
| 044 | Fitantanana sy fandrindrana Atitany sy Fitsinjaram-pahefana | 0,04 | 0,04 | 0,04 | 0,04 | 99,72 |
| 045 | Fitantanana sy fandrindrana Tanora sy Fanatanjahan-tena | 18,42 | 18,31 | 17,39 | 17,31 | 99,58 |

| Kaodin'ny fandaharan'asa | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 046 | Fitantanana sy fandrindrana Kolontsaina, Fanandratana ny Asa tànana ary Fikajiana ny Vakoka | 0,63 | 0,63 | 0,63 | 0,60 | 94,18 |
| 048 | Fitantanana sy fandrindrana Fanabeazam-pirenena | 0,68 | 0,68 | 0,68 | 0,67 | 97,95 |
| 049 | Fitantanana sy fandrindrana Fampananan'asa, Fampianarana Teknika ary ny Fampiofanana arak'asa | 32,13 | 31,03 | 30,47 | 29,97 | 98,35 |
| 050 | Fitantanana sy fandrindrana Fampianarana Ambony sy Fikarohana Siantifika | 5,15 | 4,61 | 4,61 | 4,00 | 86,76 |
| 051 | Fitantanana sy fandrindrana Indostria sy Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina | 8,29 | 8,05 | 8,27 | 8,05 | 97,32 |
| 053 | Fitantanana sy fandrindrana Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny vehivavy | 0,08 | 0,08 | 0,08 | 0,08 | 98,78 |
| 057 | Fitantanana sy fandrindrana Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy | 5,32 | 5,13 | 5,13 | 4,90 | 95,50 |
| 058 | Fitantanana sy fandrindrana Tetik'asan'ny Filoha, Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana | 3,14 | 3,10 | 3,10 | 3,07 | 99,16 |
| 059 | Fitantanana sy fandrindrana Harena anaty rano sy Jono | 3,86 | 3,56 | 3,33 | 3,00 | 89,91 |
| 060 | Fitantanana sy fandrindrana Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny Fifidianana | 11,00 | 9,23 | 9,23 | 8,88 | 96,24 |
| 061 | Fitantanana sy fandrindrana Fambolena sy Fiompiana | 31,31 | 29,34 | 28,22 | 27,74 | 98,29 |
| 062 | Fitantanana sy fandrindrana Fiaraha-miasa sy Fampandrosoana | 0,00 | 1,69 | 1,69 | 1,24 | 73,37 |
| 101 | Fanjakana Tompon'andraikitra | 25,30 | 24,15 | 25,65 | 25,58 | 99,74 |
| 102 | Fanjakana Tompon'andraikitra | 1,07 | 1,44 | 1,44 | 1,31 | 90,95 |
| 103 | Fitantanana ny politikam-piarovana | 13,18 | 12,43 | 13,42 | 13,22 | 98,48 |
| 104 | Tafika an-tanety | 8,17 | 7,89 | 7,89 | 7,68 | 97,41 |
| 105 | Tafika ana-habakabaka | 0,94 | 0,86 | 0,86 | 0,85 | 99,83 |
| 106 | Tafika an-dranomasina | 0,89 | 0,81 | 0,81 | 0,81 | 99,80 |
| 108 | Fanelanelanana manokana sy/na iraisana | 2,66 | 2,65 | 2,65 | 2,65 | 100,00 |
| 109 | Fitantanana ny Lafin-tany | 35,11 | 39,75 | 39,75 | 38,83 | 97,68 |
| 111 | Fitantanana ny Fitsarana | 13,70 | 16,93 | 16,93 | 10,96 | 64,78 |
| 112 | Fandraharahana ny Fonja | 9,48 | 9,07 | 9,07 | 8,98 | 99,03 |
| 113 | Fampandrosoana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana | 98,52 | 119,88 | 120,45 | 71,02 | 58,96 |
| 114 | Fitantanana ny tetibola | 747,77 | 1 232,59 | 1 233,07 | 1 106,65 | 89,75 |
| 115 | Fitantanana ny Hetra | 74,52 | 75,98 | 69,59 | 67,42 | 96,88 |
| 116 | Fadin-tseranana | 40,29 | 43,72 | 41,94 | 40,36 | 96,23 |
| 117 | Tahirim-bola | 550,26 | 581,13 | 578,47 | 556,13 | 96,14 |

| Kaodin'ny fandaharan'asa | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 118 | Manatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana sy manamafy ny fahaiza-manaon'ny mpiasam-panjakana | 1,34 | 1,11 | 1,11 | 1,04 | 93,99 |
| 119 | Tohana ho an'ireo Mpikamban'ny Andrim-panjakana | 9,18 | 10,65 | 10,65 | 9,92 | 93,16 |
| 120 | Filaminam-bahoaka | 14,58 | 13,82 | 14,11 | 13,69 | 97,07 |
| 121 | Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka | 8,46 | 7,46 | 7,61 | 7,52 | 98,89 |
| 124 | Fampanaraham-penitra ireo fampitaovana sy fotodrafitrasa | 13,33 | 12,87 | 12,87 | 12,53 | 97,42 |
| 125 | Fampiofanana | 1,38 | 1,26 | 1,26 | 1,25 | 98,70 |
| 126 | Fampiharana ny dingam-pifidianana | 0,27 | 2,31 | 2,31 | 2,24 | 96,70 |
| 127 | Fampivoarana | 0,18 | 0,84 | 0,84 | 0,75 | 89,24 |
| 128 | Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha | 0,49 | 0,40 | 0,40 | 0,38 | 95,25 |
| 129 | Fanaraha-maso ny tetibola sy vola | 18,65 | 19,84 | 23,39 | 23,04 | 98,50 |
| 130 | Fitantanana ny vola ho an'ny mpiasam-panjakana | 295,19 | 294,93 | 305,38 | 304,50 | 99,71 |
| 201 | Fotodrafitrasa mifandray | 0,89 | 0,73 | 0,67 | 0,63 | 94,28 |
| 202 | Fiatrehina ny tranga mitera-doza sy ny loza | 67,44 | 67,70 | 68,00 | 94,67 | 139,22 |
| 203 | Fampivelarana ireo fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ireo loharanon'angovo eto an-toerana | 160,65 | 140,85 | 140,85 | 65,11 | 46,22 |
| 204 | Fampandrosoana ny sehatra solitany sy ireo solika mifangaro | 1,27 | 1,00 | 1,00 | 0,38 | 38,24 |
| 205 | Fampivelarana ny fampidiran-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana | 90,67 | 64,17 | 66,05 | 16,58 | 25,10 |
| 206 | Fampivelarana ny fotodrafitrasa momba ny làlana | 544,32 | 525,00 | 525,75 | 105,31 | 20,03 |
| 207 | Fanajariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe | 117,26 | 127,52 | 127,52 | 72,24 | 56,65 |
| 208 | Fitaterana an-tanety sy an-damasinina | 40,93 | 46,02 | 46,02 | 17,01 | 36,96 |
| 209 | Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka | 7,70 | 5,91 | 5,91 | 5,24 | 88,77 |
| 210 | Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra | 4,00 | 3,72 | 3,72 | 3,70 | 99,36 |
| 211 | Fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro | 0,70 | 0,56 | 0,56 | 0,56 | 99,62 |
| 212 | Fampitam-baovao | 0,14 | 0,11 | 0,54 | 0,51 | 95,68 |
| 213 | Fampivelarana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery | 5,60 | 5,06 | 5,86 | 5,74 | 97,98 |
| 215 | Fampivelarana ireo fotodrafitrasa | 201,11 | 171,66 | 171,66 | 34,15 | 19,89 |
| 301 | Fanatanjahan-tena | 4,40 | 3,51 | 3,51 | 3,49 | 99,23 |
| 302 | Tanora | 4,78 | 4,61 | 4,61 | 2,66 | 57,63 |
| 303 | Fialam-boly | 0,02 | 0,02 | 0,02 | 0,02 | 99,90 |
| 304 | Fahazazana | 3,09 | 2,64 | 3,87 | 3,79 | 97,96 |
| 305 | Fampianarana fototra ambaratonga voalohany | 272,24 | 339,99 | 338,93 | 225,30 | 66,47 |

| Kaodin'ny fandaharan'asa | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 306 | Fampianarana fototra ambaratonga faharoa | 14,41 | 11,17 | 11,17 | 10,65 | 95,31 |
| 307 | Fampianarana mamaky teny sy manoratra | 6,62 | 6,62 | 6,62 | 6,60 | 99,66 |
| 308 | Fampianarana ambaratonga faharoa | 5,96 | 5,52 | 5,35 | 5,09 | 95,03 |
| 309 | Fampiofanana arak'Asa sy ara-teknika | 15,27 | 13,62 | 13,62 | 12,87 | 94,44 |
| 310 | Fampianarana Ambony | 12,57 | 9,49 | 9,49 | 8,55 | 90,15 |
| 311 | Fikarohana Siantifika | 2,33 | 1,80 | 1,80 | 1,71 | 94,95 |
| 401 | Fampandrosoana ny eny ambanivohitra | 0,53 | 0,44 | 0,44 | 0,44 | 98,58 |
| 402 | Fampandrosoana ny eny ambanivohitra | 0,13 | 0,78 | 0,78 | 0,54 | 68,84 |
| 403 | Fanjarian-tsakafo sy filaminana ara-tsakafo | 65,08 | 154,02 | 153,80 | 80,19 | 52,14 |
| 408 | Fampandrosoana ny jono sy ireo harena anaty rano | 39,79 | 37,42 | 37,42 | 3,65 | 9,76 |
| 409 | Tany sy filaminan'ny fananan-tany | 13,57 | 11,92 | 11,92 | 1,21 | 10,15 |
| 410 | Fiarovana ny ranomasina sy ireo harena ao anatiny | 0,13 | 0,08 | 0,08 | 0,07 | 89,25 |
| 411 | Fambolena | 470,47 | 501,59 | 497,84 | 256,02 | 51,43 |
| 412 | Fiompiana | 6,57 | 5,13 | 8,88 | 7,16 | 80,55 |
| 501 | Fahasalamana-Fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA | 0,15 | 0,50 | 0,50 | 0,74 | 148,89 |
| 502 | Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra | 28,84 | 28,84 | 28,81 | 55,91 | 194,09 |
| 503 | Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana any amin'ny hopitaly | 26,28 | 26,97 | 27,48 | 24,42 | 88,89 |
| 504 | Kojakoja ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa | 9,58 | 7,22 | 6,50 | 5,54 | 85,18 |
| 505 | Ady amin'ireo valan'aretina | 41,80 | 42,28 | 51,22 | 19,67 | 38,41 |
| 506 | Famelomana sy fampivelarana ny Reny sy ny zaza | 63,57 | 68,96 | 67,79 | 31,07 | 45,83 |
| 601 | Diplomasia sy Fiaraha-miasa | 7,42 | 7,54 | 7,67 | 7,67 | 99,95 |
| 604 | Toekarena | 6,20 | 26,06 | 26,06 | 11,84 | 45,44 |
| 605 | Indostria | 3,78 | 3,29 | 3,29 | 0,66 | 19,97 |
| 606 | Varotra | 18,74 | 20,30 | 21,22 | 0,81 | 3,81 |
| 607 | Fanohanana ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa sahaza | 1,18 | 1,00 | 1,00 | 0,93 | 93,03 |
| 608 | Fampandrosoana ny fizahan-tany | 4,69 | 4,76 | 4,76 | 4,63 | 97,41 |
| 609 | Fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon'ny tany | 1,43 | 3,70 | 3,70 | 0,99 | 26,64 |
| 610 | Fampandrosoana ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany | 1,93 | 1,67 | 1,67 | 1,67 | 99,89 |
| 611 | Fampandrosoana ny Asa-tànana | 2,31 | 2,18 | 2,18 | 1,95 | 89,66 |
| 612 | Teti-pivoarana | 0,70 | 0,68 | 0,68 | 0,41 | 60,34 |
| 613 | Fanjifana | 0,13 | 0,07 | 0,07 | 0,06 | 78,02 |

| Kaodin'ny fandaharan'asa | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 701 | Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary | 52,07 | 72,75 | 73,20 | 7,42 | 10,13 |
| 703 | Fampandrosoana ny lamina momba ny tontolo iainana | 0,61 | 0,53 | 0,53 | 0,25 | 47,20 |
| 801 | Firaisankinam-pirenena | 0,59 | 3,48 | 3,28 | 3,28 | 100,00 |
| 802 | Firaisankinam-pirenena | 0,25 | 2,15 | 0,25 | 0,15 | 61,40 |
| 803 | Hetsika ara-tsosialy sy Fampandrosoana | 8,10 | 10,20 | 10,20 | 7,54 | 73,97 |
| 804 | Fiantohana ny tontolo sosialy sy arak'asa ho an'ireo mpiasa | 0,04 | 0,03 | 0,03 | 0,03 | 97,21 |
| 805 | Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo zo fototra | 0,17 | 0,15 | 0,15 | 0,12 | 81,46 |
| 806 | Fianarana sy fanabeazana ho an'ny Mponina | 0,05 | 0,73 | 0,73 | 0,05 | 6,84 |
| 807 | Fahasamihafàna sy Fampandrosoana | 4,89 | 4,89 | 4,89 | 1,53 | 31,24 |
| 808 | Vakoka | 0,82 | 0,78 | 0,78 | 0,73 | 94,52 |
| 809 | Famoronana | 1,06 | 1,01 | 1,01 | 0,92 | 90,83 |
| 810 | Hetsika ara-kolontsaina | 0,33 | 0,31 | 0,31 | 0,27 | 87,66 |
| 812 | Fanatsarana ny ady amin'ny fampiasana ankizy | 0,20 | 0,18 | 0,18 | 0,16 | 89,81 |
| 813 | Fampiroboroboana ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina | 3,54 | 3,54 | 3,54 | 1,23 | 34,79 |
| 814 | Hetsika ara-tsosialy | 9,23 | 10,19 | 12,09 | 6,22 | 51,48 |
| 815 | Fianakaviana sy fahazazana | 4,54 | 11,06 | 11,06 | 1,00 | 9,03 |
| 821 | Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana | 0,04 | 0,04 | 0,04 | 0,04 | 99,93 |
| 822 | Fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena | 0,09 | 0,09 | 0,09 | 0,09 | 99,73 |
| 823 | Fampihavanam-pirenena | 0,83 | 0,75 | 0,75 | 0,68 | 90,03 |
| 824 | Fanohanana amin'ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa | 0,37 | 0,30 | 0,30 | 0,29 | 97,17 |
| 825 | Fanabeazana momba ny fifidianana sy serasera | 0,03 | 0,03 | 0,03 | 0,02 | 99,82 |
| **FITAMBARANY** | | **6 784,55** | **7 353,33** | **7 370,14** | **5 653,09** | **76,70** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Ny tahan'ny fampiasana ny tetibola tamin'ireo fandaharan'asa rehetra dia nahatratra 76,70% tamin'ny 2017. Fandaharan'asa dimy no nahavita nihoatra ny taha 100%. Ireto avy izany fandaharan'asa izany sy ny taham-pampiasam-bola vitany : « Fanelanelanana manokana sy/na iraisana » 100%, « Fiatrehina ny tranga mitera-doza sy ny loza » 139,22% tamin'ny Famatsiam-bola avy any ivelany Nindramina, « Fahasalamana-Fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA » 148,89% tamin'ny famatsiam-bola avy any ivelany Fanampiana, « Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra » 194,09% tamin'ny famatsiam-bola Fanampiana sy DTI ary ny « Firaisankinam-pirenena » 100%.

### iii. Ireo singa lehibe nandrafitra ny fandaniam-bolan'ny Fanjakana

**Fafana 62**: Sora-bola sy fandaniam-bola n'ny TAF isaky ny sokajim-pandaniana

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Sokajy | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fandaniana | taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | Intérêt de la dette publique | 317,47 | 345,16 | 345,16 | 336,27 | 97,42 |
| 2 | Dépenses courantes de soldes | 1 806,80 | 1 806,80 | 1 806,80 | 1 800,84 | 99,67 |
| 3 | Dépenses courantes hors soldes | 1 829,60 | 2 330,33 | 2 333,50 | 2 193,97 | 94,02 |
| 5 | Dépenses d'investissement | 2 830,67 | 2 870,99 | 2 884,62 | 1 321,94 | 45,83 |
| 6 | Dépenses courantes exceptionnelles | 0,00 | 0,05 | 0,05 | 0,05 | 94,99 |
| **FITAMBARANY** | | **6 784,55** | **7 353,33** | **7 370,14** | **5 653,09** | **76,70** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

- ***Zana-bolan'ny trosam-panjakana***

Nahatratra 336,27 lavitrisa Ariary ny zana-bolan'ny trosa naloan'ny Fanjakana Malagasy. Tanteraka 97,42% izany satria ny LFR dia naminavina ny handoa 345,16 lavitrisa Ariary. Izy no nanana ny 6% tamin'ny vola rehetra nolaniana tao amin'ny TAF. Niakatra be ny fandoavana ny zana-bola tamin'ny trosa, izay 294,76 lavitrisa Ariary tamin'ny 2016 ka nanjary ho 336,27 lavitrisa Ariary tamin'ny 2017.

- ***Fandoavana karama***

Ny Fikambanam-ben'ny karama dia ahitana ireo vola aloa amin'ny fisaboana ny mpiasam-panjakana manatanteraka asa maharitra, mpiasam-panjakana raikitra sy ny mitovy aminy, ny adidy ara-tsosialy ateraky ny fiahiana ny mpiasa. Ny LFI dia nametraka sora-bola 1 806,80 lavitrisa Ariary ho an'ny fandaniam-bola amin'ny mpiasa ; tsy nasiana fanitsiana io sora-bola ho an'ny karama tao amin'ny LFI io hatramin'ny fiafaran'ny taona. Ny fandaniam-bola marina dia nahatratra 1 800,84 lavitrisa Ariary, izany hoe 99,67% miohatra tamin'ny LFI ary nitovitovy tamin'ny taha nisy ny 2016 ihany.

- ***Fandaniam-bola tsy karama***

Ny fandaniam-bola tamin'ny fampandehanan-draharaha dia nahatratra 1 829,60 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFI, izany hoe nanakaiky ny 26,97% tamin'ny tetibola ankapobeny rehetra. Niakatra ho 2 330,33 lavitrisa ny sora-bola tamin'ireo kaonty io tao anatin'ny LFR. Teo koa ny Didim-panjakana laharana 2017-1018 niasa nanomboka ny 07 novambra 2017 nentina nanampiana sora-bola nitentina 3,16 lavitrisa Ariary ho an'ireto departemanta sy ministera manaraka ireto : Sekreteram-pankakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarmaria, Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana, Ministeran'ny Rano sy ny Angovo ary ny Akoranafo ary ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka. Araka izany, ny sora-bola farany natokana ho amin'ny fampandehanan-draharahan'ny Fanjakana dia nahatratra 2 333,50 lavitrisa Ariary.

Ity sokajim-pandaniana ity dia nahavita nampiasa ny sora-bolany hatramin'ny 94,02%, izany hoe 2 193,97 lavitrisa Ariary.

Ny fafana manaraka dia maneho ny fitsinjarana isaky ny kilasin'ny kaonty fandaniam-bola tamin'ny fampandehanan-draharaha tsy karama nandritra ny taona 2017.

**Fafana 63**: Fandaniam-bola tsy karama izaky ny karazana

Amin'ny lavitrisa Ariary


| Toko | Anarana | LFR | Sora-bola farany | Fanatantera hana | Taha % (1) | Taha % (2) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 60 | Charges du Personnel | 170,35 | 172,33 | 161,16 | 93,52 | 7,35 |
| 61 | Achat de biens | 133,71 | 138,42 | 133,74 | 96,62 | 6,10 |
| 62 | Achats de Services et Charges permanentes | 138,18 | 138,37 | 121,82 | 88,04 | 5,55 |
| 63 | Interventions | 12,20 | 8,25 | 7,11 | 86,12 | 0,32 |
| 64 | Impôts et taxes | 1,26 | 1,22 | 1,21 | 98,89 | 0,06 |
| 65 | Transferts et subventions | 1 702,95 | 1 703,25 | 1 605,60 | 94,27 | 73,18 |
| 66 | Charges financières | 150,00 | 150,00 | 141,91 | 94,61 | 6,47 |
| 67 | Charges diverses | 21,68 | 21,65 | 21,41 | 98,90 | 0,98 |
| **FITAMBARANY** | | **2 330,33** | **2 333,50** | **2 193,97** | **94,02** | **100,00** |

*Loharanom-baovao:* *MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Ny taha (1) dia maneho ny elanelana tamin'ny vola nampiasaina sy ny sora-bola farany isaky ny karazam-pandaniam-bola. Ohatra tamin'izany, ny 94,27% tamin'ny sora-bola natokana ho an'ny famindram-bola sy fanampiana no nampiasaina.

Ny taha (2) dia anehoana ny ampahan'ny fandaniam-bola vitan'ny karazam-pandaniana iray miohatra tamin'ny fitambaran'ny fandaniam-bola tsy karama rehetra. Ohatra, ny fandaniam-bola ho an'ny mpiasa dia 7,35% tamin'ny fandaniam-bola rehetra tsy karama.

**Kisary 6**: Fandaniam-bolan'ny fampandehanan-draharaha tsy karama isaky ny karazana




*Loharanom-baovao:* *MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

- ***Fampiasam-bola***

**1. Loharanom-bolan'ny PIP sy zava-bita**

Nandritra ny taona 2017, ny sora-bola natokana ho famatsiana ireo PIP dia nahatratra 24,33% tamin'ny tetibola rehetra ampiasain'ny Fanjakana. Ny sora-bola farany tamin'izany dia tafakatra 2 884,62 lavitrisa Ariary. Nahitana fitomboana 1 202,36 lavitrisa Ariary ny tetibolan'ny hana-pamokarana raha oharina tamin'ny taon-dasa, izany hoe taha 41,68%. Nihatsara ny sora-bola ho an'ny hana-pamokarana ny 2016 hatramin'ny 2017, nefa kosa ny famatsiam-bola avy ivelany hatrany no betsaka tamin'izany: 72,10% famatsiam-bola avy any ivelany ary 27,90% famatsiam-bola anatiny.

**Fafana 64** : Fandaniam-bola tamin'ny hana-pamokarana isaky ny karazana famatsiam-bola

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Kaody | Anarana | LFI | LFR | Sora-bola farany | Fanatanterahana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| FAMATSIAM-BOLA ANATINY | | | | | | |
| 10 | RPI | 474,37 | 594,80 | 636,96 | 593,97 | 93,25 |
| 20 | DTI | 61,89 | 46,94 | 46,94 | 44,04 | 93,81 |
| 30 | TVA | 147,42 | 144,84 | 114,52 | 40,00 | 34,92 |
| 40 | FCV | 2,76 | 6,34 | 6,34 | 4,97 | 78,47 |
| **Fitambarany** | | **686,44** | **792,93** | **804,77** | **682,98** | **84,87** |
| FAMATSIAM-BOLA IVELANY | | | | | | |
| 60 | SUBVENTION | 1 008,16 | 910,88 | 912,69 | 197,13 | 21,60 |
| 70 | EMPRUNT | 1 136,07 | 1 167,17 | 1 167,17 | 441,83 | 37,86 |
| **Fitambarany** | | **2 144,23** | **2 078,06** | **2 079,86** | **638,97** | **30,72** |
| **FITAMBARAM-BE** | | **2 830,67** | **2 870,99** | **2 884,62** | **1 321,94** | **45,83** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Ny fitambaran'ny famatsiam-bola avy any ivelany azo tamin'ity fotoana ity dia nahatratra 638,97 lavitrisa Ariary, na taha 48,34%. Izany famatsiam-bola izany dia 54,10% tamin'ny 2016 raha oharina tamin'ny fandanian'ny hana-pamokarana rehetra. Ambonin'izany, ny tahan'ny fandaniam-bola ho an'ny hana-pamokarana avy amin'ny loharanom-bola anatiny dia tafakatra 84,87%, izay nitombo 6,17% raha ampitahaina tamin'ny taon-dasa, satria 78,70% izany tamin'ny 2016.

## 2. Fampiasana ny Hana-pamokarana

**Fafana 65**: Fampiasana ny Hana-pamokarana

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Toko | Karazan-kaonty | Sora-bola farany | Fanatanterahana |
|---|---|---|---|
| 20 | IMMOBILISATIONS INCORPORELLES | 0,21 | 0,18 |
| 21 | IMMOBILISATIONS CORPORELLES | 80,83 | 87,52 |
| 23 | IMMOBILISATIONS INCORPORELLES EN COURS | 462,06 | 126,83 |
| 24 | IMMOBILISATIONS CORPORELLES EN COURS | 1713,08 | 651,77 |
| 65 | TRANSFERTS ET SUBVENTIONS | 268,52 | 205,90 |
| 2317 | IMMOB INCORP EN COURS - FRAIS | 359,92 | 249,74 |
| **FITAMBARANY** | | **2884,62** | **1 321,94** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Amin'ny ankapobeny, nahitana fizarana telo ny fampiasana ny PIP, dia ny : fampiasam-bola madiodio, ny famindram-bola sy ny fanampiana, ary ny fandaniam-bola momba ny fampandehanan-draharaha mifandray amin'ny tetik'asa PIP. Ny fandaniam-bolan'ny hana-pamokarana dia ivondronan'ireo adidin'ny Fanjakana amin'ny fampitaovana, amin'ny alalan'ny fividianana ireo fitaovana isan-karazany sy ny asa atao. Ny fitambaran'ireny vola nivoaka rehetra ireny dia 866,24 lavitrisa Ariary, izany hoe nisy fiakarana 9,56% miohatra tamin'ny taon-dasa. Izy no nandrafitra ny 65,53% tamin'ny asan'ny hana-pamokarana rehetra. Manana anjara toerana goavana, araka izany, ny sehatra hana-pamokarana.

Ny fanampiana narotsaka ho an'ireo antokon-draharaha vitsivitsy dia 15,59% tamin'ny asan'ny hana-pamokarana rehetra. Ireto fanampiana ireto dia niakatra hatrany nanomboka ny 2015, nitombo 62,09% tamin'ny 2016 (raha 41,50 lavitrisa Ariary tamin'ny 2015) ary nahatratra 206,09 lavitrisa Ariary tamin'ny 2017.

Ny kaonty 2317 no nampiasa ny 69,32% tamin'ny sora-bola farany, izany hoe 249,74 lavitrisa Ariary. 18,87% kosa izany nanoloana ny fandaniam-bola rehetra.

Nihoatra ny tetibola hatrany ny fandaniam-bolan'ny hana-pamokarana tamin'ny 2017, indrindra ny mahakasika ny fanana-mipetraka mivaingana iasana sy tsy mivaingana iasana. Tsy nazava ny fandaniam-bola anatiny tamin'ny hana-pamokarana nandritry ny taona 2017, tena niavaka noho ny tamin'ny taon-dasa anefa izany raha ny vola lany : 45,82% tamin'ny sora-bola rehetra raha 50,26% tamin'ny 2016. Na izany aza anefa, nihoatra lavitra noho ny tamin'ny 2016 ny vola nivoaka, 1321,82 lavitrisa Ariary raha 845,58 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2016.

### iv. Fandaniam-bolan'ny PIP isaky ny faritra

**Fafana 66**: PIP isaky ny toerana

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Toerana | | LFR | Sora-bola farany | Fanatanterahana | Taha (%) |
|---|---|---|---|---|---|
| Foibe | ACCPDC (Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires) | 2,12 | 3,00 | 2,87 | 95,67 |
| | PGA, Trésorerie Ministérielle de l'Agriculture, Trésorerie Ministérielle de la Santé Publique, Trésorerie Ministérielle de l'Education Nationale | 2 673,28 | 2 678,37 | 1 204,27 | 44,96 |
| **Fitambarany** | | **2 675,40** | **2 681,37** | **1 207,14** | **45,02** |
| Faritra | ALAOTRA | 4,87 | 5,89 | 4,26 | 72,33 |
| | AMORON'I MANIA | 2,06 | 2,41 | 2,33 | 96,68 |
| | ANALANJIROFO | 2,82 | 3,11 | 2,59 | 83,28 |
| | ANDROY | 2,04 | 2,09 | 2,08 | 99,52 |
| | ANOSY | 1,89 | 1,91 | 1,89 | 98,95 |
| | ATSIMO ANDREFANA | 115,34 | 116,84 | 46,59 | 39,88 |
| | ATSIMO ATSINANANA | 2,30 | 3,33 | 3,15 | 94,59 |
| | ATSINANANA | 4,78 | 5,51 | 5,47 | 99,27 |
| | BETSIBOKA | 1,82 | 1,99 | 1,86 | 93,47 |
| | BOENY | 3,35 | 3,74 | 3,67 | 98,13 |
| | BONGOLAVA | 2,26 | 2,27 | 1,70 | 74,89 |
| | DIANA | 9,32 | 10,00 | 4,59 | 45,90 |
| | HAUTE MATSIATRA | 3,59 | 3,87 | 3,80 | 98,19 |
| | IHOROMBE | 1,71 | 1,79 | 1,77 | 98,88 |
| | ITASY | 2,04 | 2,81 | 2,75 | 97,86 |
| | MELAKY | 2,13 | 2,15 | 2,10 | 97,67 |
| | MENABE | 18,95 | 17,68 | 8,52 | 48,19 |
| | NOSY BE | 0,61 | 0,62 | 0,62 | 100,00 |
| | SAVA | 2,20 | 2,92 | 2,80 | 95,89 |
| | SOFIA | 4,54 | 4,82 | 4,81 | 99,79 |
| | VAKINAKARATRA | 4,37 | 4,72 | 4,69 | 99,36 |
| | VATOVAVY | 2,60 | 2,75 | 2,74 | 99,64 |
| **Fitambarany** | | **195,59** | **203,22** | **114,78** | **56,48** |
| **FITAMBARAM-BE** | | **2 870,99** | **2 884,59** | **1 321,92** | **45,83** |

*<u>Loharanom-baovao:</u> MFB/SG/DGB/DSB/SLR*


### v. Fandaniam-bola manokana

Ny famoaham-bola manokana dia ireo fandaniana tsy fanao andavan'andro; nefa isan'ny fandaniam-bola amin'ny fampandehanan-draharaha ihany. Tamin'ny 2017, tsy nametraka sora-bola ho an'ny fandaniam-bola manokana ny LFI. Ny LFR no nametraka 0,05 lavitrisa Ariary ho an'ity sokajim-pandaniana ity, ka 94,99% ny tahan'ny fampiasana izany.

Isan'ny naloa tamin'ny famoaham-bola manokana nandritra ny taom-piasana 2017 ny anjara vola fandoan'ny CENI ho an'ny ININFRA momba ny vidin-drano sy herinaratra, ny saram-pampiasana ny internet.

Ny kisary manaraka no anehoana ny endriky ny fandaniam-bolan'ny Fanjakana isaky ny singa goavana.

**Kisary 7**: Ireo singa goavana tamin'ny fandaniam-bolan'ny Fanjakana




*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

### vi. Endriky ny fihoarana tamin'ny sora-bola

Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana 2017, nisy ireo fandaniam-bola vitsivitsy natao ka nihoatra ny sora-bola nisokatra. Ny fitambaran'ny fihoarana tamin'ny sora-bola dia nananika ny 320,30 lavitrisa Ariary.

Nahatratra **320,30 lavitrisa Ariary** ny fihoarana tamin'ny sora-bola tombana. Izany fihoarana izany dia hita teo amin'ny fandoavana ireo vola tamin'ny lahasan'ny hana-pamokarana (sokajy 5) sy ny lahasa fampandehanan-draharaha (sokajy 3: kaonty 6521 mikasika ny CRCM). Ministera 13 no nahitana izany.

Ny sora-bola voafetra kosa dia nahitana fihoarana **708,54 Ariary**, hita teo anivon'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana sy ny Ministeran'ny Rano, ny Angovo ary ny Akoranafo.

Ireto fihoarana tamin'ny sora-bola ireto dia fintinina amin'ity fafana manaraka ity:

**Fafana 67**: Famintinana ireo fihoarana tamin'ny sora-bola

Amin'ny Ariary

| | **Sora-bola voafetra** | | | |
|---|---|---|---|---|
| **Kaonty** | **Sora-bola voalohany** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **Ambim-bola** |
| 6012 | 126 750 000,00 | 75 490 376,00 | 75 490 376,54 | -0,54 |
| 6561 | 6 000 000,00 | 515 000,00 | 515 708,00 | -708,00 |
| **Fitambarany** | **132 750 000** | **76 005 376,00** | **76 006 084,54** | **-708,54** |

| **Sora-bola tombana** | | | |
|---|---|---|---|
| **Sora-bola voalohany** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **Ambim-bola** |
| 665 640 198 000 | 670 861 073 000,00 | 991 163 440 981,24 | -320 302 367 981,24 |

*Loharanom-baovao : BCSE 2017*

## 2. FIZARANA II – TETIBOLA ANANKINA

### a. Tranoprintim-pirenena

#### i. Vola miditra

Ny vinavina tamin'ny vola hiditra tao amin'ny Tranoprintim-pirenena dia teo amin'ny 19,98 lavitrisa Ariary sy 23,14 lavitrisa Ariary tamin'ny 2016 sy 2017, izany hoe fiakarana 3,16 lavitrisa Ariary na 13,66%.

**Fafana 68**: Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena, Taom-piasana 2017


Amin'ny Ariary

| Kaonty | Fitanisana | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Haba fandoa | Vola azo |
|---|---|---|---|---|---|
| 1061 | Réserve des B.A. | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| 7721 | Prestation de service | 200 000 000,00 | 200 000 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 7722 | Produits finis | 7 213 790 000,00 | 7 213 790 000,00 | 16 546 562 883,30 | 9 423 327 226,58 |
| 7725 | Travaux | 8 821 000 000,00 | 8 821 000 000,00 | 3 124 759 682,67 | 750 347 797,10 |
| 7726 | Marchandises | 210 000 000,00 | 210 000 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 7728 | Autres produits des acticités | 200 000 000,00 | 200 000 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 7781 | Annulation des mandats | 60 000,00 | 60 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 7783 | Excédents des B.A. | 5 940 000 000,00 | 5 940 000 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 7788 | Autres produits occasionnels | 150 000,00 | 150 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 1426 | Matériel et outillage | 200 000 000,00 | 200 000 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| 1427 | Matériel de Transport | 350 000 000,00 | 350 000 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| **FITAMBARANY** | | **23 135 000 000,00** | **23 135 000 000,00** | **19 671 322 565,97** | **10 173 675 023,68** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, Kaontim-pitantanan'ny Tranoprintim-pirenena*

Ny fitambaran'ny vola rehetra azo nandritra ny taona 2017 tamin'ireo sokajin'asa samihafa tao amin'ny Tranoprintim-pirenena dia nahatratra 10,17 lavitrisa Ariary raha 14,44 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2016, izany hoe fihenana 4,27 lavitrisa Ariary na 41,99%.

**<u>Kisary 8</u>**: Fidiram-bolan'ny Tranoprintim-pirenena




*<u>Loharanom-baovao:</u> MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Ny tranoprintim-pirenena dia naneho fahombiazana nahafa-po, na dia nihena 41,99% aza ny fidiram-bolany, satria tsy nisy ny famoaham-bola tao amin'ny tahiry sy tao amin'ny tombony nandritra ny taom-piasana 2017. Ny fampidiram-bola avy tamin'ny fivarotana ireo « vokatra » nefa dia nahatratra 9,42 lavitrisa Ariary tamin'ny 2017 raha 6,75 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2016, izany hoe elanelana +2,67 lavitrisa Ariary na 28,34%. Tahaka izany koa, ny fampidiram-bola tamin'ny « Asa » dia nahitana fiakarana +0,23 lavitrisa Ariary, izany hoe 0,75 lavitrisa Ariary tamin'ny 2017 raha 0,52 lavitrisa Ariary tamin'ny 2016. Tsy nampidi-bola kosa anefa ireo karazan-kaonty ambiny.

### ii. <u>Fandaniam-bola</u>

Novinavinaina ho 23,14 lavitrisa Ariary ny sora-bola ho an'ny Tranoprintim-pirenena tamin'ny 2017, izany hoe 84,94% tamin'ny anjaran'ny tetibola anankina rehetra. Andaniny, ny sora-bola natokana ho amin'ny fitantanana ny raharaha andavanandro izay nahitana ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa, ny fividianana ny entana aman-draharaha sns... dia novinavinaina ho 17,20 lavitrisa Ariary, ankilany, ny tetibola natokana hamatsiana ireo fandaharan'asan'ny hana-pamokarana dia 5,94 lavitrisa Ariary.

**Fafana 69**: Fandaniam-bolan'ny Tranoprintim-pirenena, Taom-piasana 2017

Amin'ny Ariary


| Toko | Fitanisana | Sora-bola LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Sora-bola tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|---|
| 23 | Immobilisations incorporelles | 130 000 000,00 | 130 000 000,00 | 0,00 | 130 000 000,00 |
| 24 | Immobilisations corporelles | 5 765 000 000,00 | 5 765 000 000,00 | 0,00 | 5 765 000 000,00 |
| 28 | Amortissements des immobilisations | 45 000 000,00 | 45 000 000,00 | 0,00 | 45 000 000,00 |
| **Sous total Investissement** | | **5 940 000 000,00** | **5 940 000 000,00** | **0,00** | **5 940 000 000,00** |
| 60 | Charge du Personnel | 7 000 000 000,00 | 7 000 000 000,00 | 4 524 166 937,20 | 2 475 833 062,80 |
| 61 | Achats des biens | 5 641 500 000,00 | 5 641 500 000,00 | 995 255 084,40 | 4 646 244 915,60 |
| 62 | Achat de services et charges permanents | 3 402 500 000,00 | 3 402 500 000,00 | 646 580 306,20 | 2 755 919 693,80 |
| 63 | Dépenses d'intervention | 6 000 000,00 | 6 000 000,00 | 0,00 | 6 000 000,00 |
| 64 | Impôts et taxes | 1 000 000 000,00 | 1 000 000 000,00 | 499 530 952,00 | 500 469 048,00 |
| 65 | Transferts et subventions | 135 000 000,00 | 135 000 000,00 | 63 044 170,00 | 71 955 830,00 |
| 67 | Charges diverses | 10 000 000,00 | 10 000 000,00 | 0,00 | 10 000 000,00 |
| **Sous total fonctionnement** | | **17 195 000 000,00** | **17 195 000 000,00** | **6 728 577 449,80** | **10 466 422 550,20** |
| **FITAMBARANY** | | **23 135 000 000,00** | **23 135 000 000,00** | **6 728 577 449,80** | **16 406 422 550,20** |

*Loharanom-baovao: SLR/DSB/DGB/SG/MFB, Kaontim-pitantanan'ny Tranoprintim-pirenena*

Nahitana fihenana 5,9 lavitrisa Ariary ny fandaniam-bolan'ny Tranoprintim-pirenena raha oharina tamin'ny taona 2016, izay 12,63 lavitrisa Ariary ka lasa 6,73 lavitrisa Ariary tamin'ny 2017.

Ny fandaniam-bolan'ny hana-pamokarana dia ireo fandaniam-bola rehetra momba ny fanatsarana maharitra na ny fiahiana ny fananan'ny Tranoprintim-pirenena. Isan'izany indrindra ny fividianana fitaovana sy kojakojam-birao ary koa ny fanarenana ireo fitaovana. Tsy namoaka vola hanaovana izany ny Tranoprintim-pirenena nandritra ny taona 217.

**Kisary 9**: Fandaniam-bolan'ny Tranoprintim-pirenena




*Loharanom-baovao: SLR/DSB/DGB/SG/MFB*

Ny fandaniam-bolan'ny fampandehanan-draharaha dia nahitana ny karaman'ny mpiasa, ny fividianana ireo entana sy asa aman-draharaha, ny Hetra sy haba, ny famindram-bola sy fanampiana. Tamin'ny 2017, ny ampahany betsaka tamin'izany dia niatrehina ireo adidy efaina amin'ny mpiasa (67,24%) sy ny fividianana entana (14,79%).

**b. Paositra sy Fifandraisan-davitra**

Ny sora-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra tamin'ny 2017 dia nahatratra 4,1 lavitrisa Ariary. Ny fidiram-bola roa goavana dia ireo haba samihafa (0,16 lavitrisa Ariary), andaniny, ary ny tombony (3,9 lavitrisa Ariary), ankilany.

**i. Vola miditra**

**Fafana 70**: Fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, taom-piasana 2017


Amin'ny Ariary

| Kaonty | Fitanisana | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Haba fandoa | Vola azo |
|---|---|---|---|---|---|
| 7718 | Autres redevances | 159 593 000,00 | 159 593 000,00 | 4 187 490 316,23 | 4 187 490 316,23 |
| 7783 | Excédents des B.A. | 3 940 407 000,00 | 3 940 407 000,00 | 3 081 018 444,26 | 3 081 018 444,26 |
| **FITAMBARANY** | | **4 100 000 000,00** | **4 100 000 000,00** | **7 268 508 760,49** | **7 268 508 760,49** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, Kaontim-pitantanan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra*

Nihoatra lavitra ny vinavina ny vola niditra tamin'ny taona 2017 : 4,1 lavitrisa Ariary tamin'ny LFI sy LFR, ary 7,27 lavitrisa Ariary ny vola niditra voamarina, izany hoe nitombo 3,45 lavitrisa Ariary. Ity elanelana ity dia vokatry ny fampidiram-bolan'ny « Haba samihafa », satria ny vinavina teny am-piandohana dia hampiditra 0,16 lavitrisa Ariary raha toa ka 4,19 lavitrisa Ariary ny fanatanterahana. Nahitana fihenana 2,53 lavitrisa Ariary na taha 34,80% kosa anefa ny vola nampidirin'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra raha oharina tamin'ny taona 2016.

**Kisary 10**: Fidiram-bolan'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra




*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

### ii. Fandaniam-bola

Nahatratra 4,10 lavitrisa Ariary ny tetibolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra tamin'ny taom-piasana 2017, izany hoe ny 15,05% tamin'ny sora-bola rehetra natokana no an'ireo Tetibola Anankina ; ireo tetibola rehetra ireo dia natao hamatsiana ny asa ho fampandehanan-draharaha.

**Fafana 71**: Fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, Taom-piasana 2017


Amin'ny Ariary

| Toko | Fitanisana | Sora-bola LFI | Sora-bola Finaux | Fandaniana | Sora-bola tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|---|
| 60 | Charge du Personnel | 2 553 595 000,00 | 2 553 595 000,00 | 2 451 732 462,40 | 101 862 537,60 |
| 61 | Achats des biens | 426 700 000,00 | 390 154 000,00 | 384 194 217,20 | 5 959 782,80 |
| 62 | Achat de services | 907 705 000,00 | 944 251 000,00 | 790 603 040,00 | 153 647 960,00 |
| 63 | Dépenses d'intervention | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| 64 | Impôts et taxes | 1 000 000,00 | 1 000 000,00 | 0,00 | 1 000 000,00 |
| 65 | Transferts et subventions | 210 000 000,00 | 210 000 000,00 | 188 805 668,00 | 21 194 332,00 |
| 67 | Charges diverses | 1 000 000,00 | 1 000 000,00 | 0,00 | 1 000 000,00 |
| **FITAMBARANY** | | **4 100 000 000,00** | **4 100 000 000,00** | **3 815 335 387,60** | **284 664 612,40** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, Kaontim-pitantanan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra*

Ny fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra dia nizara tamin'ireto kaonty manaraka ireto : karama, fividianana entana aman-draharaha, ary ny famindram-bola. Ny kaonty « adidy amin'ny mpiasa » no nitazona ny ampahany betsaka indrindra miohatra tamin'ireo karazam-pandaniana hafa, izay nahitana taha 64,13% raha oharina tamin'ny fandaniana rehetra tao amin'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, izany hoe 2,45 lavitrisa Ariary ary 96,08% miohatra tamin'ny sora-bola.

**Kisary 11**: Fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra, Taom-piasana 2017




*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR*

Ny fandaniam-bola momba ny « fividianana entana aman-draharaha » dia tafakatra 1,17 lavitrisa Ariary tamin'ny fandaniam-bola rehetra, izany hoe 30,79%.

Ny fandaniana tamin'ny fandoavana ny saram-pitsaboana sy EVASAN ho an'ny mpiasan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra dia nahatratra 188,81 tapitrisa Ariary.

### c. Famintinana ny endrik'ireo tetibola anankina

**<u>Fafana 72</u>**: Vokatra tamin'ireo tetibola anankina, Taom-piasana 2017

Amin'ny Ariary

| SINGA | TRANOMPRINTY | PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA | FITAMBARANY |
|---|---|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | | | |
| Vinavina voalohany | 23 135 000 000,00 | 4 100 000 000,00 | 27 235 000 000,00 |
| Vinavina voaova | 23 135 000 000,00 | 4 100 000 000,00 | 27 235 000 000,00 |
| Fanatanterahana | 10 173 675 023,68 | 7 268 508 760,49 | 17 442 183 784,17 |
| Taham-panatanterahana (%) | 43,98 | 177,28 | 64,04 |
| **FANDANIAM-BOLA** | | | |
| Sora-bola voalohany | 23 135 000 000,00 | 4 100 000 000,00 | 27 235 000 000,00 |
| Sora-bola farany | 23 135 000 000,00 | 4 100 000 000,00 | 27 235 000 000,00 |
| Fanatanterahana | 6 728 577 449,80 | 3 815 335 387,60 | 10 543 912 837,40 |
| Taham-panatanterahana (%) | 29,08 | 93,06 | 38,71 |
| **VOKATRA** | **3 445 097 573,88** | **3 453 173 372,89** | **6 898 270 946,77** |

*<u>Loharanom-baovao:</u> MFB/SG/DGB/DSB/SLR, Kaontim-pitantanan'ny Tranoprintim-pirenena, Paositra sy Fifandraisan-davitra*

Araka io fafana io, hita fa ny 64,04% tamin'ny vola novinavinaina hiditra no azo, izay nitentina 17,44 lavitrisa Ariary raha 27,24 lavitrisa Ariary ny vinavina. Teo amin'ny fandaniam-bola kosa, ny 38,71% tamin'ny sora-bola ihany no nampiasaina, izay nitentina 10,54 lavitrisa Ariary. Nahitan-tombony 6,90 lavitrisa Ariary araka izany ny vokatra, betsaka raha oharina tamin'ny taon-dasa izay 4,88 lavitrisa Ariary.

## 3. FIZARANA III – KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA (CPT)

Ny LFR 2017 dia nanombana ireo lahasan'ny CPT hampidi-bola 600,22 lavitrisa Ariary ary handany vola 1 228,14 lavitrisa Ariary.

Vola 358,92 lavitrisa Ariary no voavory, nahitana taham-panatanterahana 59,80%. Raha ampitahaina tamin'ny taona 2016, nahitana fihenana 89,77% ny vinavina tao amin'ny kaonty findramam-bola, izay 175,76 lavitrisa Ariary ka lasa 17,98 lavitrisa Ariary. Tetsy andaniny nefa, nihoatra lavitra noho ny tamin'ny taon-dasa ny fampidira-bola izay nahatratra 82,53 lavitrisa Ariary, ka nanome ny elanelana 13,79 lavitrisa Ariary. Tsy nahatratra ny taha teo aloha kosa ny kaontim-

barotra satria 276,38 lavitrisa ihany ny vola nampidiriny. Ho an'ny kaontim-bola manokana kosa, fihenana 46,75% teo amin'ny vina no nisy ary tsy nisy ny fampidiram-bola.

Ny fandaniam-bola dia notombanana ho latsaka 20,52% noho ny tamin'ny taon-dasa, nitentina 1 228,14 lavitrisa Ariary na dia nitombo aza ny kaonty findramam-bola. Ity elanelana ity dia vokatry ny fihenana 55,09% tamin'ny sora-bolan'ny kaontim-pandraisana anjara. Tahaka izany koa no hita teo amin'ny fanatanterahana. Na izany aza anefa, nitombo hatrany ny taha ankapobeny satria 88% izany ary nitentina 1 080,87 lavitrisa Ariary. Ny taham-pahatanterahan'ny kaonty findramam-bola, ny kaontim-pandraisana anjara ary ny kaontim-barotra dia: 53,82%, 94,48%, 97,59% isan'isany avy.

Araka izany, ny CPT 2017 dia nahitana fatoantoka miharihary izay nahatratra 721,96 lavitrisa Ariary raha 911,54 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2016, izany hoe elanelana 189,58 lavitrisa Ariary.

Ny anton'ity fatiantoka ity dia:

- Ny tsy fisian'ny fampidiram-bola teo anivon'ireo kaontim-pandraisana anjara nefa ny fandaniana dia tafakatra 415,76 lavitrisa Ariary.
- Ny fandaniam-bola ambonin'ny 99,13% tao amin'ny kaontim-barotra miohatra tamin'ny vola 550,37 lavitrisa Ariary nampidiriny.

Ny fafana manaraka dia mamintina ny endrik'ireo CPT nandritra ny taom-piasana 2017:

**<u>Fafana 73</u>**: Vola miditra sy fandaniam-bolan'ireo Kaonty manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana

Amin'ny Ariary

| Fitanisana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fanatanterahana |
|---|---|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **588 943 706 000,00** | **600 224 712 000,00** | **358 919 676 043,33** |
| Kaonty fampindramam-bola | 6 704 266 000,00 | 17 980 272 000,00 | 82 534 225 799,22 |
| Kaontim-pandraisana anjara | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| Kaontim-barotra | 567 950 138 000,00 | 567 950 138 000,00 | 276 385 450 244,11 |
| Kaonty manokana | 14 289 302 000,00 | 14 289 302 000,00 | 0,00 |
| Droits de souscription aux organismes internationaux | | | |
| Avances accordées | | | |
| Kaonty alaina mialoha | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **FANDANIAM-BOLA** | **1 008 647 776 000,00** | **1 228 145 818 000,00** | **1 080 875 822 165,48** |
| Kaonty fampindramam-bola | 229 022 600 000,00 | 205 882 000 000,00 | 114 737 747 081,21 |
| Kaontim-pandraisana anjara | 197 385 736 000,00 | 440 024 378 000,00 | 415 760 552 180,47 |
| Kaontim-barotra | 567 950 138 000,00 | 567 950 138 000,00 | 550 377 522 903,80 |
| Kaonty manokana | 14 289 302 000,00 | 14 289 302 000,00 | 0,00 |
| Kaonty alaina mialoha | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **Fihoaran'ny fandaniana tamin'ny vola niditra** | | | **721 956 146 122,15** |

*<u>Loharanom-baovao</u>: CGAF 2017*

## 4. FIZARANA IV – TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY (FCV)

Ny lahasa tao amin'ny FCV tamin'ny 2017 dia niompana tamin'ny fampidiram-bola ihany. Isan'izany ny vola niditra avy tamin'ny fanomezana sy famerenana ny FCV tamin'ireo fanomezana sy fanampiana tsy averina izay nahatratra 5,09 lavitrisa Ariary. Ny tahan'ny fampidiram-bola dia 377,40% raha oharina tamin'ny vinavina napetraka farany.

Ny fafana manaraka no andravonana ny endrik'ireo FCV nandritra ny taona 2017:

**Fafana 74**: Endriky ny fampiasana ireo FCV 2017

Amin'ny Ariary

| Fitanisana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Fanatanterahana | (%) |
|---|---|---|---|---|
| **Vola miditra** | **1 350 600 000,00** | **1 350 600 000,00** | **5 097 212 022,22** | **377,40** |
| Fanampiana momba ny FCV | 1 350 600 000,00 | 1 350 600 000,00 | 5 097 212 022,22 | 377,40 |
| **Fandaniam-bola** | **0,00** | **0,00** | **0,00** | **0,00** |
| Fampandehanan-draharaha | | | | |
| **Tombony tamin'ny FCV** | | | **5 097 212 022,22** | |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, Endrik'ireo FCV*

Ireto fanampiana momba ny FCV ireto dia azo avy amin'i Japon tamin'ny alalan'ny DHPJ (Don Hors Projet Japonais) faha8, faha9 ary faha10, ka tahaka izao manaraka izao ny fizarany :

**Fafana 75**: Firafitr'ireo DHPJ (Dons Hors Projets Japonais) tamin'ny 2017

Amin'ny Ariary

| Mpamatsy vola | Anarana | Fanampiana voaray |
|---|---|---|
| JAPON | Fanomezana sy fanampiana ara-bola tsy averina (DHPJ faha8) | 36 201 737,04 |
| JAPON | Fanampiana ara-bola tsy averina (DHPJ faha9) | 4 241 816 994,62 |
| JAPON | fanampiana ara-bola tsy averina (DHPJ faha10) | 819 193 290,56 |
| **FITAMBARANY** | | ***5 097 212 022,22*** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, Endrik'ireo FCV*

Araka io fafana aloha io, fiakarana amin'ny ankapobeny no hita tamin'ireo FCV nandritra ny dimy taona (2013 hatramin'ny 2017). Tratra ny tanjona ho an'ny 2017 ary nihoatra 3,46 lavitrisa Ariary noho ny tamin'ny 2016, vokatry ny fahazoana vola nitentina 4,24 lavitrisa Ariary avy tamin'ny DHPJ faha9. Tsy nisy ny fandaniam-bola, ambim-bola avokoa araka izany ny vola niditra rehetra.


**Fafana 76**: Fivoaran'ireo FCV tao anatin'ny dimy taona farany

Amin'ny Ariary

| Karazan-kaonty | 2013 | 2014 | 2015 | 2016 | 2017 |
|---|---|---|---|---|---|
| Vola miditra (1) | 606 518 299,38 | 737 737 020,99 | 302 214 036,44 | 1 631 117 076,38 | 5 097 212 022,22 |
| Fandaniana (2) | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| **Vokatra (1 - 2)** | **606 518 299,38** | **737 737 020,99** | **302 214 036,44** | **1 631 117 076,38** | **5 097 212 022,22** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, PLR 2016 Endrik'ireo FCV*

**Kisary 12** : Fivoaran'ny fampidiram-bola, fandaniam-bola ary hanisisan'ireo FCV





*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, PLR 2016, Endrik'ireo FCV*

Elanelana 740,40% no hita tamin'ny vokatra FCV ny 2017 raha oharina tamin'ny 2013, nihoatra lavitra noho ireo taona teo alohany.

Aseho amin'ity kisary manaraka ity ny elanelana tamin'ireo taona roa ireo:

**Kisary 13**: Fampitahàna ny vokatra FCV tamin'ny 2013 sy tamin'ny 2017




*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, PLR 2016, Endrik'ireo FCV*

## 5. FIZARANA V – FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA (OCDP)

### a. Fidiram-bola tamin'ireo OCDP

Tamin'ny 2017, ny LFI dia naminavina hampidi-bola 4 792,19 lavitrisa Ariary sy hampiasa vola 3 109,77 lavitrisa Ariary.

Nahitana fiakarana 6,89% ny vola niditra raha oharina tamin'ny taon-dasa, ka nitentina 1 743,11 lavitrisa Ariary, vokatry ny fitomboan'ny vola niditra tamin'ny fitrosana ivelany izay 536,04 lavitrisa Ariary ka lasa 904,95 lavitrisa Ariary tamin'ny 2017. Tsy tahaka izany kosa ny vola niditra teo amin'ny fitrosana anatiny, izay 1 087,04 lavitrisa Ariary tamin'ny 2016 ka nihena ho 838,16 lavitrisa Ariary ny 2017, tsy nitsaha-nitombo ny vola niditra tamin'ireo OCDP nandritra ny dimy taona farany.

**Fafana 77**: Fidiram-bolan'ireo OCDP


Amin'ny lavitrisa Ariary

| Mpamatsy vola | Vola nindramina |
|---|---|
| BON DE TRESOR | 838,16 |
| BADEA | 0,03 |
| FIDA | 53,85 |
| OPEP | 26,19 |
| AFD | 11,11 |
| BAD | 6,10 |
| BCM | 147,37 |
| COREE | 49,76 |
| FAD | 140,86 |
| IDA | 293,31 |
| AUTRES | 176,36 |
| **FITAMBARANY** | **1 743,10** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, CGAF 2017*

Ny Fanjakana Malagasy dia nanao findramam-bola tamin'ny mpiara-miombon'antoka ara-bola miisa 10. Izany dia nahitana ireto manaraka ireto : BADEA, FIDA, OPEP, BAD, BCM, Korea, FAD, IDA, AFD ary mpampindram-bola hafa (Governemantan'i Angola, La Lybie, ...). Ny lehibe indrindra tamin'ireny findramam-bola ireny dia avy tamin'ny IDA nitentina 293,31 lavitrisa Ariary, izay nandrafitra ny 32,41% tamin'ny trosa ivelany rehetra, nanaraka azy ny fandaharan'asa FEC nitentina 147,37 lavitrisa Ariary, izay nalefa tao amin'ny kitapom-bolam-panjakana hanarenana ny simba vokatry ny fandalovan'ny rivo-doza ENAWO. Ny fampindramam-bola avy tamin'ny FAD kosa dia nahatratra 140,86 lavitrisa Ariary.

**Kisary 14**: Vola nindramina




*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, CGAF 2017*

### b. Famerenana ny trosam-panjakana

Ny fandaniam-bola voalaza tao anatin'ny LFR dia nitentina 3 109,77 lavitrisa Ariary, ka ny 2 866,66 lavitrisa Ariary handoavana ny trosa anatiny ary ny 243,11 lavitrisa Ariary kosa handoavana ny trosa ivelany. Ity vinavina tamin'ny famerenan-trosa ity dia nitombo 26,36% na 819,74 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny taona 2016.

**Fafana 78**: Famerenana ny trosam-panjakana


Amin'ny lavitrisa Ariary

| Mpamatsy vola | Fandaniana |
|---|---|
| BON DU TRESOR | 229,10 |
| AUTRES EMPRUNTS | 53,52 |
| GVT EMIRAT | 0,52 |
| BADEA | 5,84 |
| CHINE | 12,82 |
| FIDA | 8,60 |
| OPEP | 10,97 |
| ARABIE SAOUDITE | 2,45 |
| CEE/BEI | 5,96 |
| ICO Espagne | 0,37 |
| FAD | 9,34 |
| IDA | 63,83 |
| INDE | 5,21 |
| KOVEIT | 4,44 |
| AUTRES EMPRUNTS | 143,78 |
| **FITAMBARANY** | **556,75** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, CGAF 2017*

Ny fitambaran'ny famerenan-trosa nataon'ny Fanjakana malagasy tamin'ny 2017 dia nahatratra 556,75 lavitrisa Ariary izay nahitana ireto manaraka ireto : 282,61 lavitrisa Ariary ho an'ny BTA sy ireo findramam-bola hafa, ary 274,14 lavitrisa Ariary ho an'ny trosa ivelany. Nahitana fiakarana 63% ny famerenan-trosa raha oharina tamin'ny 2016, izay nitentina 556,75 lavitrisa Ariary.

**<u>Kisary 15</u>**: Famerenana ny trosam-panjakana isaky ny mpamatsy vola




*<u>Loharanom-baovao:</u> MFB/SG/DGB/DSB/SLR, CGAF 2017*

### c. Endrik'ireo OCDP

Araka ny asehon'ny fafana etsy ambany, nahitana tombony 1 186,36 lavitrisa Ariary ny OCDP tamin'ny 2017. Ny vola niditra dia nisy hatramin'ny 1 743,11 lavitrisa Ariary raha toa ka 556,75 lavitrisa Ariary ihany ny vola nivoaka.

Ambanin'ny 50% ny taham-pamoriana ny vola, isan'izany ny trosa anatiny izay tsy nahatanteraka afa tsy 24%. Araka izany, raha 3 503 lavitrisa Ariary ny vinavina, 838,16 lavitrisa Ariary ihany no azo.

Narefo ihany koa ny famerenana ny trosa anatiny, 282,61 lavitrisa Ariary fotsiny ny fandoavana trosa natao raha 2 784,40 lavitrisa Ariary ny vinavina. Tsy nampiasaina kosa ny vola tao anatin'ny kaonty azo ahetsika na dia nisy sora-bola 137,75 lavitrisa Ariary aza.

**Fafana 79**: Endrik'ireo OCDP

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Karazan-kaonty | Vola miditra | | | Fandaniam-bola | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Singa** | **LFI** | **LFR** | **Fanatanterahana** | **LFI** | **LFR** | **Fanatanterahana** |
| **Trosa anatiny** | 3 314,10 | 3 503,71 | 838,16 | 2 794,56 | 2 784,40 | 282,61 |
| **Trosa ivelany** | 1 478,09 | 1 797,28 | 904,95 | 243,11 | 292,17 | 274,14 |
| **Vola azo ampiasaina** | 0,00 | 0,00 | 0,00 | 72,10 | 137,75 | 0,00 |
| **Fitambarany** | 4 792,19 | 5 300,99 | 1 743,11 | 3 109,77 | 3 214,31 | 556,75 |
| **Tombony tamin'ny famadihana ho renivola ny trosam-panjakana** | | | | | | **1 186,36** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, CGAF 2017*

Tamin'ny fiafaran'ny telovolana fahaefatry ny taona 2017, ny antontan-trosa mbola tsy voaloa dia nahatratra 11 882,00 lavitrisa Ariary, izany hoe 33,12% tamin'ny harikarena faobe, ka ny 2 875,52 lavitrisa Ariary (na 24,20%) ho an'ny antontan-trosa anatiny ary 9 006,48 lavitrisa Ariary (na 75,80%) kosa ho an'ny antontan-trosa ivelany.

**Fafana 80**: Antontan-trosan'ny Fanjakana tamin'ny fiafaran'ny taona 2017

Amin'ny lavitrisa Ariary

| Anarana | Vola | Taha (%) |
|---|---|---|
| Bon du Trésor | 2 005,21 | 16,88 |
| Autre Emprunt intérieur | 870,31 | 7,32 |
| **Total intérieur** | **2 875,52** | **24,20** |
| BADEA | 134,45 | 1,13 |
| CHINE | 150,33 | 0,01 |
| FIDA | 480,86 | 1,34 |
| OPEP | 170,24 | 1,43 |
| AFD | 165,79 | 1,43 |
| ALGERIE | 238,13 | 0,66 |
| ARABIE SAOUDITE | 51,66 | 0,43 |
| BAD | 18,74 | 0,16 |
| BCM | 274,57 | 0,77 |
| CEE/BEI | 6,65 | 0,06 |
| COREE | 119,05 | 1,00 |
| ICO Espagne | 6,83 | 0,02 |
| FAD | 1 450,33 | 12,21 |
| IDA | 5 139,51 | 43,25 |
| INDE | 57,31 | 0,16 |
| KOWEIT | 80,66 | 0,68 |
| AUTRES | 461,38 | 3,88 |
| **Total extérieur** | **9 006,48** | **75,80** |
| **TOTAL ENCOURS DE LA DETTE** | **11 882,00** | **100,00** |

*Loharanom-baovao: MFB/SG/DGB/DSB/SLR, CGAF 2017*

# VOLAVOLAN-DALANA
# FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2017

**FANADIHADIANA IREO ANDININY**

Ahitana andininy folo (10) ity volavolan-dalàna Fandravonana ity.

Ny andininy voalohany no ankatoavana ireo didim-panjakana noraisina nandritra ny taona 2017.

Ny andininy faharoa hatramin'ny fahaenina dia natokana hilazana ny tarehimarik'ireo fanatanterahana sy ireo vokatra azo tamin'ireo fizaran-tetibola dimy izay nitsinjarana ireo lahasan'ny Tetibola 2017, araka izay navoakan'ireto antontan-taratasy fanamarinana ireto:

1. Fampiasana ny Tetibola ankapobe ;
2. Fampiasana ireo Tetibola anankina ;
3. Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana
4. Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany ;
5. Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana

Ny andininy fahafito no anehoana ny fihoarana tamin'ny sora-bola nandritra ny fitantanana 2017.

Ny andininy fahavalo no mamoaka ny kaontim-bokatra ho an'ny taona 2017 izay mifanaraka amin'ny andininy faha 43 amin'ny Lalàna fototra laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004.

Ny andininy fahasivy kosa no manome alalana ny fampidirana ny fatiantoka ao amin'ny Kaonty maharitry ny Tahirimbolam-panjakana.

Farany, ampiarahina amin'ity volavolan-dalàna ity ny tatitry ny Fitsarana momba ny Kaonty izay nanadihadiany ireo vokatry ny fanatanterahana ny Tetibola 2017 sy ny Fanambaram-pitoviana ho an'ny kaontin'ireo mpampiasa vola sy ny CGAF tamin'ny teti-bola 2017.

Toy izany Andriamatoa Filoha, Andriamatoa Praiminisitra, Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra, Andriamatoa Sekreteram-panjakàna no anton'izao volavolan-dalàna izao ka voninahitra ho ahy ny mitondra azy mba ho ankatoavinareo.

Antananarivo, ny

NY MINISTRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

ANDRIAMBOLOLONA Vonintsalama Sehenosoa

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana - Tanindrazana –Fandrosoana**
**--------------**
**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

**-----------**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA tamin'ny**

**Mitondra ny Lalànan'ny Fandravonana taona 2017**

Nankatoavin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriany ny ……………………..

Ny Filohan'ny Repoblika,

- Araka ny Lalàm-panorenana,
- Araka ny fanapahana faha -HCC/D tamin'ny

Mamoaka izao lalàna izao:

**Andininy voalohany**:

Ankatoavina ireo didim-panjakana noraisina nandritra ny taona 2017, ho fampiharana ny andininy faha 20 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Tetibolam-panjakana.

**Andininy faharoa:**

Hita fototra ny vokatry fampiasàna ny tetibola ho an'ny taona 2017 izay nahatratra **5 025 740 712 477,59 Ariary** ho an'ny vola miditra, ary de **5 653 094 664 043,21 Ariary** ho an'ny vola mivoaka, izany hoe fatiantoka **627 353 951 565,62 Ariary.**

**Andininy fahatelo:**

Hita fototra ny vokatra afa-karatsaka ny fampiasana ny tetibola anankina tamin'ny 2017 izay mitentina; amin'ny vola miditra **17 442 183 784,17 Ariary** ary amin'ny vola mivoaka **10 543 912 837,40 Ariary**, izany hoe nahitana tombony de **6 898 270 946,77 Ariary,** izay ahitana :

a- Ho an'ny Tranompirintim-pirenena, ny vola miditra dia **10 173 675 023,68 Ariary** ary ny vola nivoaka **6 728 577 449,80 Ariary**, izany hoe nanatombo **3 445 097 573,88 Ariary** ny vola miditra izay arotsaka ao amin'ny tahirin'io teti-bola io

b- Ho an'ny teti-bola anankina Paositra sy Fifandraisan-davitra, ny vola miditra **7 268 508 760,49 Ariary** ary ny vola nivoaka dia **3 815 335 387,60 Ariary** izany hoe nanatombo **3 453 173 372,89 Ariary** ny vola miditra izay arotsaka ao amin'ny tahirin'io teti-bola io.

**Andininy fahaefatra**:

Hita fototra ny vokatry ny fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana ho an'ny taona 2017 izay mitentina isan'isany toy izao ; vola miditra **358 919 676 043,33 Ariary,** ary ny vola mivoaka **1 080 875 822 165,48 Ariary**, izany hoe fatiantoka **721 956 146 122,15 Ariary**.

**Andininy fahadimy**:

Hita fototra ny vokatra azo avy amin'ny fampiasàna ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany, izay mitentina isan'isany, tamin'ny vola miditra **5 097 212 022,22 Ariary** ary tamin'ny vola mivoaka **0,00 Ariary**, nahazoana tombony **5 097 212 022,22 Ariary.**

**Andininy fahaenina**:

Hita fototra ny vokatry ny famadihana ho renivola ny trosam-panjakàna izay mitentina isan'isany ho toy izao, vola miditra **1 743 108 445 179,13 Ariary** ary ny vola mivoaka **556 748 968 298,72 Ariary**, nahazoana tombony **1 186 359 476 880,41 Ariary**.

**Andininy fahafito:**

Hita fototra ireo fihoarana tamin'ny sora-bola voafetra sy ny sora-bola izay nitentina isan'isany ho **708,54 Ariary** sy **320 302 367 981,24 Ariary** , ka nahatratra **320 302 368 689,78 Ariary** ny fitambarany.

Ankatoavina araka izany, ho fampiharana ny andininy faha 13 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibola, ny fanoratana ireo sora-bola mifanaraka amin'ny fanarenana izany fihoarana izany.

**Andininy fahavalo**:

Hita fototra araka ny fitsinjarana niseho tao anatin'ny takela-pamintinana niaraka tamin'ity volavolan-dalàna ity ireo vokatra tamin'ny taona 2017 izay ahitana:

1- ny fatiantoka tamin'ny fampiasàna ny tetibola ankapobeny **627 353 951 565,62 Ariary.**
2- ny tombony azo avy amin'ny fampiasàna ny teti-bola anankina **6 898 270 946,77 Ariary.**

3- ny endri-piova afa-karatsaky ny fatiantoka tamin'ny Kaonty manokana ny tahirim-bolam-panjakàna **721 956 146 122,15 Ariary.**

4- ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony avy tamin'ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany **5 097 212 022,22 Ariary.**

5- ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony azo avy amin'ny kaonty fampindramam-bola **1 186 359 476 880,41 Ariary**.

**Andininy fahasivy**:

Ekena ny fanoratana ao amin'ny Kaonty Maharitry ny Tahirimbolam-panjakana ny vola mitentina **150 955 137 838,37 Ariary,** izay fatiantoka tamin'ny taona 2017.

**Andininy fahafolo**:

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity lalàna ity. Hotanterahina ho toy ny lalàm-panjakana izany.

Navoaka hanankery teto Antananarivo, ny

**RAJOELINA Andry Nirina**

Hita mba hatovana amin'ny
Didim-panjakàna laharana faha
Tamin'ny

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Governemanta,**

**NTSAY Christian**